



# JESOSY– ILAY FOTOTRY NY FINOANTSIKA

**LAHATENY VAKINA AO ANATIN'NY 8 ANDRO**

**LOHAHEVITRA: JESOSY – ILAY IVON'NY ZAVA-DREHETRA**

**19 MARTSA 2016**

**Herinandro Fiaraha-Mivavaka Ho An'ny Tanora - 2016**

# LOHAHEVITRA:

# Jesôsy - Ilay ivon'ny zava-drehetra

# LOHATENY:

# Manovo Hery Vao

## Jesôsy - Ilay fototry ny finoantsika

**Toriteny mandritra ny 8 andro**
**(manomboka Sabata ary miafara ny Sabata manaraka)**

TOY IZAO NY DATY VOAFARITRA HANAOVANA NY HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

**19-26 Martsa 2016**

**Andro maneran-tany ho an'ny tanora:** 19 Martsa 2016

**Sabata hankalazana ny fiverenana any an-trano:** 26 Martsa 2016

Trano Pirinty Advantista - BP 1134 - E.mail <impriad@yahoo.fr
Voatolotra ara-dalàna lah. faha 0058-B/12.16

## HOVAKINA MIALOHA

## DRAFITRY NY HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA

1. **Atombohy Dieny Izao Ny Drafitrao.** Haintsika fa miova ny mpitantana indraindray rehefa mifarana ny taona, kanefa raha toa ka tsy lehiben'ny fikambanana tanora intsony ianao amin'ny taona manaraka dia aza atao manakana anao tsy hanao drafitra ho an'ity herinandro miavaka ity izany. Atombohy ny drafitrao, velabelaro ny tanjona tianao tratrarina, vorio ny ekipanao, ary ataovy azo antoka hoe tafiditra ao anatin'izany ekipa izany ny pasitoranareo.
2. **Ny Mombamomba ny Andro Natokana Ho An'ny Tanora Maneran-Tany.** Tadiavo avokoa ny andinindininy rehetra momba ny tetikasa mifandraika amin'ny Andro Natokana ho an'ny Tanora Maneran-Tany. Io andro io no hanokafana amin'ny fomba ofisialy ny Herinandro Fiaraha-Mivavaky ny Tanora. Tsidiho ny rohintsika www.gcyouthministries.org, na miresaha amin'ny lehiben'ny tanora eo amin'ny faritra misy anao, mba ahitana ny fomba ahafahanao mandray anjara.
3. **Atsangano ny vondrona mpitolona amim-bavaka.** Atsangano ny vondron'olon-dehibe izay hanolo-tena hivavaka ho anao sy ny asa fanompoana ataonao, amin'ny fotoana izay ifanarahana sady tsy miovaova. Ataovy azo antoka hoe vondrona izay tena azonao hizaràna ny antom-bavakao manokana sy mahakasika ny asa fanompoana izy io.
4. **Mifidiana hira faneva.** Ampandraiso anjara ny antokom-pihiran'ny tanora ao aminareo. Fotoana tena mety indrindra hananganana antokom-pihiran'ny tanora izy io raha toa ka mbola tsy manana izany ny fiangonana misy anao. Mifidiana hira izay tianareo rehetra sady mifanaraka amin'ny lohahevitra isan-kariva, na mifidiana hira iray hiraina isan'andro mandritra ny herinandro.
5. **Manomboha  Diarim-Bavaka.** Tsy misy zava-dehibe ho an'ny fitomboanao ara-panahy, mihoatra noho ny fotoana lanina amin'ny vavaka. Hitombo tahaka ny fitomboanao ny vondron- tanora hiandraiketanao. Manampy anao hihaona amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fomba vaovao sy tena mahaliana, ny diarim-bavaka. Azonao "arahina" mazava tsara ny dia niarahanao tamin'Andriamanitra, rehefa miverina mamaky sy mandinika ireo vavaka nivaly ianao ka mahita ny fomba nitantanany anao isan'andro isan'andro. Hisy hevi-baovao tonga ao an-tsainao mandritra ny fotoana itoeranao eo amin'ny fanatrehany, sy handraiketanao an-tsoratra ny vavaka ataonao. Afaka maka hevitra ao anatin'ny "internet" ianao, mahakasika ny fomba fanombohana sy fanohizana ny diarim-bavaka. Midira ao amin'ny rohy *www. google.com* ary tadiavo ny teny hoe "starting a prayer journal" (Manomboka diarim-bavaka). \
6. **Atsangano ny Tarika Mpamelabelatra/Mpanao Tomban'Ezaky ny Zava-Bita Mandritra ny Herinandro Fiaraha-Mivavaka.** Olona efatra hatramin'ny valo no mandrafitra io tarika io, miankina amin'ny haben'ny fiangonana misy anao, ka mamaky ireo lahateny valo miaraka aminao. Izay tanora liana sy mpitarika eo anivon'ny tanora (Mpisavalalana, Sekoly Sabata, Pasitora, sns.) ihany no aoka hampidirina ao anatin'ilay tarika atsanganao; zava-dehibe izany satria samy mahatsiaro ho tompon'andraikitra avokoa ny rehetra ao anatin'ilay tarika, fa tsy ianao sy ilay mpanampy anao irery ihany akory. Entano hanokana fotoana hivoriana ao anatin'ny telo herinandro ilay tarika farafahakeliny, herinandro iray ho an'ny lesona efatra farafaharatsiny, ary herinandro iray hafa hametrapetrahana ny zava-drehetra. Tsara kokoa raha fantarina mazava tsara ao anatin'ny fivoriana voalohany ny tanjona sy ny fetra tianao hotratrarina, ary mifidiana tanora iray mpandahateny isan'andro.
7. **Ampidiro ao Anatin'ny Drafitrao Mandritra ny Herinandro ny Andro Maneran-Tany Natokana ho an'ny Tanora.** Raha ny tena marina dia fotoana natokana hampianarana ny tanora ny fomba fanolorana ampahany avy amin'ny tenany izy io, amin'ny alalan'ny fikarakarana hetsika ahafahany manao izany eo anivon'ny fiangonana sy ny fiarahamonina. Raha toa ka vitsy ny tanora ao amin'ny fiangonana misy anao ka tsy ampy ny enti-manana hanaovana hetsika eo anivon'ny fiarahamonina amin'io Andro Maneran-Tany Natokana ho an'ny Tanora io, dia fotoana iray ahafahana mandrava ny rindrina manelanelana ny fiangonantsika amin'ny fiangonana hafa eo amin'ny faritra misy anareo

izany, amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa sy fanangonana fitaovana na hevitra avy amin'ny tarika tanora eo anivon'ireo fiangonana hafa ao amin'ny faritra misy anareo.

## NY FOMBA FAMPIASANA ITY BOKY ITY EO ANIVON'NY TARIKA KELY NA LEHIBE

**Takila Firaketana an-Tsoratra ny Zava-Nitranga.** Natao hameno ity boky ity ny hevitrao. Ampiasao hiraketana an-tsoratra ny fihetseham-ponao manoloana ny zavatra renao nandritra ny toriteny sy ireo fanontaniana amin'ny fiafaran'ny lahateny isan'andro, ny takila natokana ho an'izany. Azo soratana eo koa ny antom-bavaka na ny fiderana an'Andriamanitra. Amporisiho hampiasa azy io araka izay hitiavany azy ny mpandray anjara. Diariny izy io! Lazao azy ireo hoe tsy misy lalàna mifehy azy io, fa tari-dalana fotsiny ihany no mipetraka. Ny mihaino ny Tompo sy ny manokatra ny fon'izy ireo ho setrin'ny fitarihany ihany no tena zava-dehibe. Ry mpitarika, raha toa ka manokana fotoana hamakiana ny lahateny isan'andro amim-bavaka ianao, miaraka amin'ny fanantenana fa haneho zava-baovao aminao Andriamanitra, dia ho talanjona tanteraka ianao hahita ny zavatra soratan'ny penina na ny pensilihazonao eo amin'ireo takila firaketana ny diary ireo.

1. **Manomboka Diarim-Bavaka.** Tsy misy zava-dehibe ho an'ny fitomboanao ara-panahy, mihoatra noho ny fotoana lanina amin'ny vavaka. Hitombo tahaka ny fitomboanao ny tarika tanora hiandraiketanao. Manampy anao hihaona amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fomba vaovao sy tena mahaliana, ny diarim-bavaka. Azonao "arahina" mazava tsara ny dia niarahanao tamin'Andriamanitra, rehefa miverina mamaky sy mandinika ireo vavaka nivaly ianao ka mahita ny fomba nitantanany anao isan'andro isan'andro. Hisy hevi-baovao tonga ao an-tsainao mandritra ny fotoana itoeranao eo amin'ny fanatrehany, sy handraiketanao an-tsoratra ny vavaka ataonao. Afaka maka hevitra ao anatin'ny "internet" ianao, mahakasika ny fomba fanombohana sy fanohizana ny diarim-bavaka. Midira ao amin'ny rohy *www. google.com* ary tadiavo ny teny hoe "starting a prayer journal" (Manomboka diarim-bavaka).
2. **Fanontaniana Isan'Andro.** Misy fanontaniana sy fanambaràna natao hampisaintsaina anao any amin'ny faran'ny lahateny tsirairay avy. Zarao ho tarika madinika ny mpanatrika ary ifanakalozy hevitra ireo fanontaniana ireo. Manokàna fotoana kely hisaintsainana lalina ny fanontaniana apetrak'izy ireo. Henoy ny Fanahy Masina rehefa mampianatra anao amin'ny alalan'ny Soratra Masina Izy. Entano hirakitra an-tsoratra ny heviny ao anatin'ny diariny ireo mpandray anjara.

**Natao hanombohana amin'ny fomba ofisialy ny Herinandro Fiaraha-Mivavaky ny Tanora ny Andro Maneran-Tany ho an'ny Tanora**

Resaho mialoha ny pasitoranareo na ny lehiben'ny tanora eo anivon'ny federasiona, mba ahitana ny hetsika hafa izay ataon'ny fiangonanareo amin'io 19 Marsa io,. Raha maniry hanao hetsika mandritra ny tontolo andro ianareo dia manana hetsika tena mahatalanjona tokoa ny ADRA (Adventist Development and Relief Agency), izay azo atao ao anatin'ny fotoana natokana ho an'ny tanora ny tapak'andro hariva. "In Their Shoes" (Miditra amin'ny Kiraron'Izy Ireo) no hiantsoana io hetsika io, fanandramana velona iainana izany atao hoe fahantrana, hitondrana ny tanora ho amin'ny dia maharitra 24 ora, mankany amin'ny fiainan'ireo tanora avy amin'ny firenen-kafa manerana izao tontolo izao. Amin'ny alalan'ny maso ao anatin'io maha-izy azy vaovao io no ahitan'izy ireo ny fihaikana isan'andro, atrehin'ny olona an-tapitrisany any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana. Ho hitanao amin'izany ny Asa ataon'ny ADRA hanampiana ny hafa, sy izay lazain'ny Baiboly momba ny fananana fiainam-panompoana Kristianina. Mifandraisa amin'i Lauren Lombard amin'ny alalan'ity mailaka manaraka ity raha mila fanazavana fanampiny: **lauren.lombard@ADRA.org**.

Azo alaina ao anatin'ity rohy manaraka ity ny toromarika amin'ny endriny PDF: http://gcyouthministries.org/EventsProjects/GlobalYouthDay(GYD)/tabid/371/Default.aspx

*Andro Manerantany ho An'ny Tanora: 19 Martsa 2016*

# FANOROAN-TAKILA


| *Lohateny* | *Takila* |
|---|---|
| Teny Mialoha | 3 |
| Fomba Fanaovana ny Drafitry ny Herinandro Fiaraha-Mivavaka | 4 |
| Fiarahabana | 6 |
| ANDRO 1: Andriamanitra Telo Izay Iray | 7 |
| Fampidirana ny Fifanakalozan-Kevitra sy Asa atao | 10 |
| ANDRO 2: Ilay Fifanandrinana Lehibe | 14 |
| Fampidirana ny Fifanakalozan-Kevitra sy ny Asa atao | 20 |
| ANDRO 3: Ny Didin'Andriamanitra | 22 |
| Fampidirana ny Fifanakalozan-Kevitra sy ny Asa atao | 30 |
| ANDRO 4: Ny Sabata | 31 |
| Fampidirana ny Fifanakalozan-Kevitra sy ny Asa atao | 38 |
| ANDRO 5: Ny Fitoerana Masina | 39 |
| Fampidirana ny Fifanakalozan-Kevitra sy ny Asa atao | 46 |
| ANDRO 6: Ny Fahafatesana sy ny Afobe | 47 |
| Fampidirana ny Fifanakalozan-Kevitra sy ny Asa atao | 55 |
| ANDRO 7: Ny Andro Farany | 56 |
| Fampidirana ny Fifanakalozan-Kevitra sy ny Asa atao | 63 |
| ANDRO 8: Ny Fiavian'i Jesôsy Fanindroany | 64 |
| Fampidirana ny Fifanakalozan-Kevitra sy ny Asa atao | 69 |
| Hetsika azo atao mandritra ny Andro Natokana ho an'ny Tanora Maneran-Tany | 71 |

## FIARAHABANA

Ny Fiangonana Advantista Mitandrina Ny Andro Fahafito, Fiangonako sy Fiangonanao, dia nijoro tamin'ny fomba ôfisialy tamin'ny taona 1863, ary 3.500 no isan'ny mambra tany Battle Creek, Michigan tamin'izany fotoana izany, tany Avaratra Atsinanan'i Etazonia. Ny fanisana mambra tamin'ny taona 2011 no nahitana fa lasa nitombo ho 17,5 tapitrisa ny mambran'ny fikambanam-pinoana maneran-tany, ary misy azy avokoa ny firenena 208 amin'ireo firenena sy faritra 232 araka ny fanisan'ny Firenena Mikambana manerana izao tontolo izao,.

Taoriana kelin'ny 1863 no nirotsahan'ny Fiangonantsika an-tsehatra tamin'ny hetsika fanavaozana ara-pahasalamana goavana tamin'izany andro izany, ary tamin'ny alalan'ilay ivon-toerana nantsoina hoe "Battle Creek Sanitarium" (Toeram-Pitsaboana tany Battle Creek) ny taona 1890, izay ivon-toerana voalohany nanamarika io hetsika io, no nahatonga io toerana io ho lasa Ivon-Toerana lehibe indrindra ho an'ny Fanavaozana Ara-Pahasalamana teto amin'izao tontolo izao. Amin'izao fotoana izao, ny Advantista dia manana rafitra fiahiana ny lafiny ara-pahasalamana eo anivon'ny ivon-toerana tantanan'ny Fiangonana miisa 589. Tao anatin'ny lahatsoratra mitondra ny lohateny hoe "Proper Education" (Fanabeazana Mifanaraka amin'ny Tokony ho Izy) no nandrosoan'i Ellen G. White ny hevitra momba ny fanorenana rafitra fanabeazana eo anivon'ny Advantista, izay mitana ny laharana faharoa lehibe indrindra raha milahatra amin'ny sekoly Kristianina manerana izao tontolo izao ankehitriny.

Ny fanolorantenan'ny Fiangonantsika sy ny fitiavany manatontosa iraka manerana izao tontolo izao dia miorina fatratra amin'ny faminaniana mampiavaka antsika amin'ny hafa. Na dia manana fototra maha-Kristianina iombonana amin'ireo fikambanam-pinoana hafa izay mivelatra kokoa aza isika, dia tsy mba toy ny fiangonana kristianina tsotra mihitsy no fiheverantsika ny tenantsika. Miorina amin'ireo fototra mafy nijoroan'ny mpanara-dia an'i Miller isika, ary nazava tamintsika hatrany fa tsy maintsy tontosaina faingana ny hetsika ho fahatanterahan'ny faminaniana; tsapantsika ny andraikitra miandry antsika eo anivon'ny fitoriana ilay hafatra manokan'ireo anjely telo ao amin'ny Apôk. 14:6-12, maneho ny antso farany ataon'Andriamanitra amin'izao tontolo izao mialoha ny fiverenan'i Kristy.

Ny fijoroana amin'ny famaritana izany fototra iorenantsika izany, arahina fanekena fa tena akaiky tokoa ny fiafaran'ny tantaran'ity tany ity, no manainga antsika hiroso ho amin'ny hetsika anisan'ny mavitrika indrindra, mifantoka amin'ny iraka nampanaovina antsika. Koa satria anisan'ny maro an'isa ao anatin'ny tontolon'ny Kristianina ny Fiangonana AMAF, dia mitaona ny Kristianina hafa hanaiky ny hafatra manokana entiny mahakasika ny andro farany, no iraka tsapa fa loha-laharana eo aminy. Maro ny foto-pinoana itovian'ny Advantista amin'ny fiangonana hafa, toy ny famonjena amin'ny alalan'ny fahasoavana noho ny finoana ny sorona nataon'i Kristy, kanefa ny fanambaràna ataony dia mifantoka amin'ny fampianarana ara-Baiboly mampiavaka azy, izay antsoina hoe "foto-pinoana." Raha heverina fa efa mahazatra ny olona ny mahaIzy Azy an'i Jesôsy sy ny zavatra tena nijoroany, dia nataontsika tsinontsinona ny fametrahana ny Tompo sy Mpamonjy antsika ho ivon'ny "foto-pinoantsika" rehetra.

Faniriantsika mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity ny ahitanao mazava tsara ny momba an'i Jesôsy, ilay fototry ny finoantsika, ilay ivon'ny foto-pinoantsika

# ANDRO 1

# ANDRIAMANITRA TELO IZAY IRAY

### *Varavarankely: Fampidirana ny andininy*

Hitrandraka foto-pinoana fototra valo ara-Baiboly an'ny fiangonana advantista mitandrina ny andro fahafito isika amin'ity herinandro fiaraha-mivavaka ity. Maro amintsika, mety ho anisan'izany ianao, no tsy mampiasa saina loatra amin'izany intsony, mahita izany ho mahamonamonaina ary efa miandry ny fiverimberenan'ireo tranga ara-teôlôjia izay efa rentsika hatrany hatrany:

Andro fahafito ny Sabata, fa tsy ny andro voalohany, ary ireto ny toko sy andininy tsy tambo isaina avy ao amin'ny Baiboly manaporofo izany.

Tsy nofoanana tsy akory ny didy folo teo amin'ny hazo fijaliana; Mila manohy mitandrina izany ianao noho izany, ary ireto ny toko sy andininy manaporofo izany.

Nanomboka tamin'ny 1844 ny fitsarana famotopotorana, ary mety handalo eo amin'izany amin'ny fotoana tsy ampoizina ny anaranao, ka ireto ny toko sy andininy miaraka amin'ny sarin'ny vanim-potoana ara-mpaminaniana manaporofo izany.

Rehefa maty isika dia tena maty tokoa, maty tanteraka, maty toy ny fantsika eo am-baravarana, ka raha toa ka misy fianakaviana na namana efa maty miseho aminao, dia tsy tena izy izany, devoly izany, ary ireto ny toko sy andininy manaporofo izany.

Ho avy tsy ho ela i Jesôsy, ka rehefa ho avy izy dia tsy toy ny fampiakarana ireo voavonjy amin'ny fomba miafina ka hisy fanantenana fa mbola azo atao indray ny ho voavonjy aorian'ny fito taona feno fahoriana; noho izany, izao ianao dia tokony ho vonona; ireto ny toko sy andininy manaporofo izany.

Ary etsy andanin'izany rehetra izany, tokony tsy hihinan-kena ianao, hamerina ny ampahafolony, hijanona tsy hijery fahita lavitra, ary atao batisa asitrika.

Afaka mahazo amen ve aho?

Tsia?

Fa maninona moa?

Satria tokoa mahatsapa avokoa isika fa misy zavatra banga rehefa fehezina ao anatin'ny andiana fahalalana ara-tsaina sy fepetra ara-pitondran-tena fotsiny ny fahamarinana. Noho izany dia izao ny zavatra tsy maintsy atrehintsika: tsy misy mitondra amin'ny fahamarinana na ny tsirairay amin'ireo foto-pinoana ireo na izy rehetra miaraka.

Mihaino ve ianao?

Tsy misy na iray aza amin'izy ireo mitondra fahamarinana raha tsy mitodika, sy mahafantatra ary feno ny fitiavan'i Kristy. (Efes. 4:21)

Hmmmm.

Ao amin'i Jesôsy ny marina

Inona marina no hevitr'izany ?

Mety tsaroana ny nilazan'i Jesôsy manao hoe: *"Dia ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo",* ary tatỳ aoriana kely, dia hoy izy hoe: *"Izaho ... no fahamarinana"* (Jao. 8:32; 14: 6).

Azonao tsara e, sa tsy izany?

Tsy antontam-pahalalana tsy azo tsapain-tanana natao hotadidiana na tanisaina na entina hiadian-kevitra fotsiny akory ny fahamarinana. Olombelona ny fahamarinana, ary Jesôsy no anarany. Ao anatin'ny fifandraisana amin'i Jesôsy no misy fanafahana amin'ireo zavatra rehetra izay mamatotra antsika, izany hoe amin'ireo faharavan'ny fifandraisana rehetra sy ny henatra miaraka amin'izany.

Ka inona izany no atao hoe "fahamarinana", rehefa torina ivelan'i Jesôsy?

Eny ary, voalohany indrindra, tahirin-kevitra tsotra fotsiny tsy manana ny maha-izy azy sy ny toetrany ny fahamarinana tsy misy an'i Jesôsy. Tsy manana endrika, tsy manana fo, na faniriana manokana ho anao. Faharoa manaraka izany, herisetra ara-pihetseham-po ny fahamarinana tsy misy an'i Jesôsy satria ny azon'izany rehetra izany atao dia ny manameloka ankitsirano sy mahatonga tahotra. Tsy afaka mamonjy izany, na manasitrana, na manova ny fon'olombelona.

Tsy fanitarana na fandraisana an-tendrony akory raha ny filazana fa fanararaotana ara-panahy ny mitory ireo foto-pinoana sy ireo fitsipi-pitondrantena kanefa, tsy mitory an'i Jesôsy ho Ilay Fahamarinana, amin'ny renitsoratra F. Hoy Paoly: "Ny soratra mahafaty" (2 Kôr. 3:6), izay midika fa ireo zava-misy momba ny fahamarinana, izay notorina tsy misy an'i Jesôsy ho Ilay velona, be fitiavana sy be fangorahana ho ivony, dia hanana fiantraikany ratsy toy ny famonoan'olona ara-panahy, ara-pihetsehampo ary ara-pifandraisana fotsiny ihany. Mety hitarika ny olona hiala amin' Andriamanitra ao anatin'ny famoizampo na hiteraka toe-tsaina feno fanamelohana araka ny foto-pisainan'ireo Fariseo ao anatiny "ny fahamarinana" izay tsy manandratra avo an'i Jesôsy. Mifanohitra amin'izany kosa, hitantsika ao amin'i Jesôsy, ny fandanjalanjana mahafinaritra eo amin'ireo antony roa lehibe izay mifameno: Tonga teto amin'ny tontolo misy antsika *"feno fahasoavana sy fahamarinana"* (Jao. 4:14) i Jesôsy hoy i Jaona.

Hitantsika

Fahasoavana sy fahamarinana!

Nahoana no tena zava-dehibe izany fitambaran-javatra roa izany?

Mampitombo ny henatry ny mpanota ny fahamarinana tsy misy fahasoavana, fa ny fahasoavana miaraka amin'ny fahamarinana kosa mitondra fanasitranana.

Mazava, noho izany, fa tsy mila ny fahamarinana avy amin'ireo taolan-tehezan'ny foto-pinoana fotsiny ihany isika, fa mila koa ny fahamarinana izay ao amin'i Jesôsy, ilay fitiavan'Andriamanitra tonga nofo velona.

Noho izany,'ndeha isika hampiasa fanoharana tsotra kanefa mahery vaika hitarika antsika eo amin'ireo andian-kafatra ho amin'ity herin'androm-bavaka ity.

Azo eritreretina ho toy ny andiana fomba fijery maromaro ahafahana mahita ny toetran'Andriamanitra amin'ny endriny maro samy hafa ny foto-pinoan'ny fahamarinana ao amin'ny Soratra Masina. Ka ho an'ny tanjontsika, dia andeha isika haka sary an-tsaina ny rafitry ny fahamarinana ho toy ny trano valo zoro (misy lafiny valo).

Ahitana varavarankely iray ny lafiny tsirairay amin'ireo lafiny valo ireo. Maneho ny iray amin'ireo foto-pinoantsika ny varavarankely tsirairay avy:

1- Andriamanitra telo izay Iray
2- Ny fifanandrinana lehibe
3- Ny lalàn'Andriamanitra
4- Ny Sabata
5- Ny Fitoerana Masina

6- Ny fahafatesana sy ny helo

7- Ny andro farany

8- Ny fiaviana fanindroany

Rehefa mijery ny ao anatin'izany trano izany avy eo amin'ny varavarankely tsirairay isika, dia mahita an'i Jesôsy, dia Jesôsy, dia Jesôsy, ary Jesôsy, Ilay fanambarana marina sy mahitsy ny toetran'Andriamanitra.

Varavarankely valo ao anatin'ny zava-misy iray!

Ny varavarankely dia natao mba ahafahana mijery fa tsy natao hojerena. Manana ny antom-pisiany ny varavarankely iray rehefa azo ampiasaina handalovan'ny maso. Tsy misy foto-pinoana ara-Baiboly miafara amin'ny tenany ihany: na ny Sabata, na ny toetry ny maty, na ny fitsarana, na ny faminanian'ny andro farany. Tsy misy amin'ireo fahamarinana ireo no manondro ny tenany samirery. Fa ny sabata dia làlana mitondra mankeo amin'ny fon'Andriamanitra. Ny foto-pinoana momba ny fitoerana masina dia làlana mitondra mankeo amin'ny endrika hafa isehoan'ny hatsaran'Andriamanitra, ary toy izany hatrany hatrany ireo foto-pinoan'ny Baiboly hafa rehetra.

Ataovy toy izao ny fomba fijery azy. Amin'ny maha advantista mitandrina ny andro fahafito antsika, dia manana zavatra iray inoana, foto-pinoana iray isika:

*"Andriamanitra dia fitiavana"* (1 Jao. 4:16)

Izay no izy.

Tsy mino zavatra betsaka isika fa mino zavatra iray loha izay manana endrika maro samy hafa. Azontsika atao hatrany ny mitondra fanazavana ho an'ny zavatra iray, kanefa dia zavatra iray ihany izany jerentsika izany, saingy amin'ny lafiny maro samihafa. Tahaka ny hazo iray izay manana sampana maro, milina iray izay manana singa maro mihetsika, ony iray avy amin'ny renirano samihafa.

Mitondra ho amin'ny tanjona iray ihany ireo foto-pampianarana maro samihafa izay tànantsika rehefa ampahafantarintsika amin'ny fomba izay manandratra ny hatsaran'ny fitiavan'Andriamanitra. Ary hazavain'i Ellen White tsara mihitsy aza fa izany no izy:

Ny haizin'ny fandraisana diso ny momba an'Andriamanitra no mameno izao tontolo izao. Miha-mahazo laka ny tsy fahafantaran'ny olombelona ny toetran'Andriamanitra. Diso ny fahazoana izany ary diso koa ny fanazavana azy. Amin'izao fotoana izao dia misy hafatr'Andriamanitra tsy maintsy hotorina, hafatra manazava amin'ny alalan'ny vokany ary mamonjy amin'ny alalan'ny heriny. Tsy maintsy ampahafantarina ny momba azy. Ao anatin'ny haizin'izao tontolo izao no hanaparitahana ny hazavana, ilay hafatry ny andro farany momba ny famindram-po izay omena izao tontolo izao, dia fanambarana ny toeran'ny fitiavany. (*Ellen White, Chris's Object Lessons*, *p. 415*)

Mahagaga e?

Endrika ratsy no nentina nanehoana an'Andriamanitra teto amin'ny tontolo misy antsika, indrindra indrindra tamin'ny alalan'ny antokom-pinoana, izay mianiana fa maneho Azy. Inona ary ireo endrika isehoan'ny fandraisana an-tendrony ny toetran'Andriamanitra izay misy ankehitriny? Foto-pampianarana na foto-pinoana! Rafitry ny antokom-pinoana! Maro amin'ny olona ao amin'ny tontolo misy antsika no matahotra an'Andriamanitra, tsy hoe noho ny fahafantarany Azy amin'ny maha-Izy Azy, fa noho ireo tatitra diso izay reny momba Azy amin'ny endriky ny fampianaran'ireo karazan'antokom-pinoana.

Natsangan'Andriamanitra tamin'ny fomba manokana ny fiangonana Advantsita mitandrina ny andro fahafito ho tahaka ny hetsika ara-paminaniana, hitondra ny hafatra eo amin'izao tontolo izao izay mitandro ny momba an'Andriamanitra amin'ny maha Andriamanitra tsara azy, ary izany tokoa Izy. Raha azo araka ny tokony ho izy izany, ireo rafi-pampianarantsika momba ny Baiboly dia afaka tanteraka

manome sary tsara sy mahasarika momba an'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao izay tsy mitovy amin'ny fomba nahazoany izany tany aloha. Ny teôlôjia Advantista, rehefa jerena ao amin'i Kristy, dia tahaka ny andiam-baravarankely manazava sy mampibaribary ny toetran'Andriamanitra.

Koa andeha ary isika hanomboka hijery ny iray amin'ireo varavarankely valo.

Fitiavana taloha

Manaova fanandramana an'eritreritra tsotra. Midira ao amin'ny efitra fidiovana ary idio ao ny tenanao mandritra ny androm-piainanao sisa rehetra, fanandramana an'eritreritra izy ity, ka dia mipetraha eo ambonin'ny sezanao ary alefaso ny eritreritrao, dia anontanio amin'ny tenanao izao fanontaniana tsotra izao hoe: mbola hanana ny fanandraman'ny fitiavana ve aho?

Ny valiny azo antoka dia tsia, na dia manana fitaratra lava aza ianao!

Fa nahoana no tsia ny valiny ary?

Noho ny antony tsotra dia tsy inona fa ny tsy fahafahana miaina ny fitiavana ao anaty fitokana-monina. Ny fitiavana, araka ny heviny, dia mifototra na mitodika any amin'ny hafa kokoa mihoatra noho ny tena; mba hahatonga azy ho tena fitiavana marina, dia mila olona iray farafaha-keliny. Amin'ny alalan'izany, dia nahazo zava-dehibe lalina sy miankina aman'aina isika amin'ny fahazoana ny momba an'Andriamanitra. Andeha hovoaboasantsika izany.

Ny fahamarinana voalohany hitantsika rehefa manokatra ny Baiboly isika dia hoe Andriamanitra dia tarika na fikambanana iray fa tsy tokana ho an'ny tenany samirery. Mariho ny andalana voalohany ao amin'ny Soratra Masina:

*"Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany"* (Gen. 1:1)

Hitantsika mibaribary eto fa sokajy fototra roa no mamaritra ny zava-misy:

1. Andriamanitra

2. Ary ny zavatra hafa rehetra

Andriamanitra no ilay Mpamorona ary Izy no nahary ny zavatra hafa rehetra. Midika izany fa Andriamanitra no mialoha sy ao anatin'ny zavatra rehetra izay ao anatin'ny sokajy antsoina hoe "vita", ary Andriamanitra irery ihany koa no mifehy ny sokajy "tsy vita". Ny Apôstôly Jaona, rehefa mampiditra an'i Jesôsy, dia nandrindra tsara ny heviny tamin'ny alalan'ireto teny ireto: *"Tamin'ny alalany no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy avy aminy, dia tsy nisy izao zavatra rehetra nohariana izao".* (Jao. 1:3)

Ao anatin'izany ihany, i Jaona dia milaza izao: "*Tamin'ny voalohany ny Teny, ary Teny dia tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany"* (Jao. 1:1, 2).

Tamin'ny voalohany, iza no niaraka tamin'iza?

"Tamin'ny voalohany…. Andriamanitra…. niaraka tamin'Andriamanitra."

Eny ary, mahafinaritra izany, kanefa amin'ny fomba ahoana no "niarahan'"ireo Andriamanitra mitovy ireo? I Jaona dia milaza ao amin'ny andininy faha-18 fa*: "Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana. Fa ny Zanakalahy Tokana, izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no nanambara Azy."*

Tena tiako izany, toa misy fifandraisana be amin'ny hafa izany!

Tian'i Jaona ho azontsika fa i Jesôsy, ilay vao nilaza ny tenany ho tsy iza fa Andriamanitra, no tonga teto amin'izao tontolo izao misy antsika avy amin'ny toeram-pifandraisana voatokana sy manokana: "avy eo an-tratran'ny Ray". Ny hoe tratra dia teny toy ny amin'ny pôezia anehoana amintsika ny hevitry ny hoe fahakekezana; ny dikan-teny Phillips dia milaza fa niaina "akaiky indrindra teo anilan'ny Ray i Jesôsy". Andeha isika hiverina ao amin'ny Genesisy 1 eo am-pieritreretana izany zavatra rehetra izany,

“Tamin’ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany”.

Anarana manokana avy amin’ny teny fototra ny teny hebreo amin’io fehezanteny io izay nadika tamin’ny teny anglisy hoe “Andriamanitra”. Tena anarana manana ny heviny mazava tsara izany, ary mifono hevi-dehibe. Raha ny marina, dia izany no anarana tsara indrindra ho aloaky ny vavanao:

Elohim.

Ny antony mahatonga ity anarana ity ho manana hevi-dehbe toy izany dia noho izy anarana maneho zavatra maro (pluriel). Amin’ny teny hafa, ilay Andriamanitra izay hitantsika ao amin’ny andininy voalohany ao amin’ny Baiboly dia amin’ny lafiny iray *tokana* no sady *mihoatra ny iray*. Any amin’ny toko manaraka, dia mbola mazava kokoa izany hevitra izany. Mariho ny andininy faha-26 sy faha-27:

*“Ary Andriamanitra* [Elohim] *nanao hoe: “andeha isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika”*… Koa dia namorona olona Andriamanitra tahaka ny endriny; *tahaka ny endrik’Andriamanitra no namoronany azy, lahy sy vavy no namoronany azy”.*

Eto dia hitantsika fa i Elohim dia fitambaran’ny “Isika” sy ny “Antsika”. Tsy tokony hieritreritra an’Andriamanitra ho toy ny “Izaho” sy ny “Ahy” fotsiny ihany isika, fa toy ny tarika ara-tsôsialy kosa izay idiran’ny olona maromaro fa tsy zava-manan’aina tokana. Tadidio ilay fampidiran-dresatsika: tsy mety andramana amin’ny fitokana-monina ny fitiavana. Ankehitriny, araka io tontolon-kevitra misy io, dia azontsika atao ny mamaky amim-pahalalana ilay fanambarana lalina indrindra sy mahery indrindra ao amin’ny Baiboly:

*“Andriamanitra dia fitiavana”* (1 Jao. 4:8).

Azontsika atao ary ny manatsoaka hevitra avy amin’ireo zava-misy fototra ireo fa Andriamanitra dia tsy nitoetra na oviana na oviana tao anatin’ny fitokana-monina. Andriamanitra dia “Isika” sy “Antsika” sady efa izany hatrizay; amin’ny teny hafa dia tarika ara-tsôsialy, satria “Andriamanitra dia fitiavana”. Tsy hoe manova ny lahatsoratra, fa azontsika atao ny milaza amin’ny fomba hafa ilay fehezan-teny voalohany ao amin’ny Baiboly toy izao:

“Tamin’ny voalohany ny FITIAVANA nahary ny lanitra sy ny tany”.

Ampifandraiso amin’ny Jaona 1 izany fa vao maika mazava tsara ny sary:

*“Tamin’ny voalohany ny Teny, ary ny Teny dia tao amin’Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izy dia tao amin’Andriamanitra tamin’ny voalohany. Ny zavatra rehetra dia noforonina tamin’ny alalany, ary raha tsy nisy Azy, dia tsy nisy ary izao zavatra rehetra izao”.* (Jao. 1: 1-3).

Hitantsika avy amin’ity andalanteny fa ity mpiara-miasa mavitrika tamin’ny asa famoronona izao tontolo izao Andriamanitra Ray sy Andriamanitra zanaka. Andeha ary hiverenana ny Genesisy 1 ho fanampin-doko kely amin’ilay sary: *“Ary ny tany dia tsy nisy endrika sady foana; ary haizina no tambonin'ny lalina. Ary ny Fanahin'Andriamanitra nanomba tambonin'ny rano”* (Gen. 1:2)

Hitantsika eto fa tafiditra ho isan’ny mpandray anjara tamin’ny fotoan’ny famoronana, niaraka tamin’i Ray sy ny Zanaka koa ny Fanahy Masina. Mahatalanjona izany!

Noho izany, ilay Andriamanitra hitantsika ao amin’ny Genesisy 1, izay mitondra ny anarana maneho zavatra maro (pluriel) Elohim, dia fitambaran’Andriamanitra Ray, Andriamanitra Zanaka ary Andriamanitra Fanahy Masina. Ao anatin’ny toetra maha-Andriamanitra Azy, ankoatra ny zava-boary manan’aina rehetra, Andriamanitra dia mifantoka amin’ny fiombonana amin’ny hafa, manome fisakaizana. Arakaraka ny handrosoantsika avy ao amin’ny bokin’ny Genesisy ao amin’ireo tantara ara-Baiboly, dia hitantsika ilay antsoin’ny Jiosy hoe “Shema” izay heverin’izy ireo mandrak’ankehitriny ho isan’ny zava-dehibe indrindra amin’ny fanambarana ara-teôlôjika:

*“Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany!”* (Deo. 6:4)

Misy zava-miafina tsara tarehy manarangarana eto. Mihamazava izany rehefa mametraka ny fanontaniana hoe: amin'ny fomba ahoana no maha iray ny Andriamanitra Tompontsika? Ao amin'i Jesôsy no ahitantsika ny valiny, satria dia niniany nampiasaina ilay fiteny"*Shema"*mba hamaritana ny fifandraisana misy eo aminy sy ny Ray. "*Izaho sy ny Ray dia iray ihany"* (Jao. 10:30).

Mahafinaritra e!

Mbola hitantsika etoana ihany fa tsy iray amin'ilay heviny hoe zava-manan'aina *mitokana* Andriamanitra fa amin'ilay heviny hoe *iray amin'ny fifandraisana*. Aty aoriana, ao amin'ny Jaona 17, i Jesôsy dia mbola mampiasa indray ilay teny hoe iray, ary faritany ho toy ny fifandraisana mavitrika ao amin'ny *fitiavana* izany amin'ity indray mitoraka ity. Nivavaka tamin'ny Ray Izy ho an'ny mpianany "*mba ho iray izy, tahaka ny maha-iray Antsika: Izaho ao aminy, ary Hianao ato amiko, mba ho tanteraka ho iray izy, mba ho fantatr'izao tontolo izao fa Hianao efa naniraka Ahy sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy. Ray ô, tiako mba ho any amiko amin'izay itoerako ireo izay nomenao Ahy, mba hahita ny voninahitro nomenao Ahy izy; fa efa tia Ahy Hianao, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao"* (Andininy 22-24)

Ary nofaranany ny vavaka nataony tamin'ny fangatahana "mba ho ao aminy ny fitiavana izay nitiavanao Ahy, ary Izaho koa ho ao aminy".

Toy izao ny sary manoloana antsika:

Andriamanitra ny Ray, kanefa tsy Izy irery no mamaritra an'Andriamanitra.

Andriamanitra i Jesôsy Kristy, kanefa tsy Izy irery no mamaritra an'Andriamanitra

Andriamanitra ny Fanahy Masina, kanefa tsy Izy irery no mamaritra an'Andriamanitra

Izy telo miaraka, tahaka ny fifandraisana akaiky, no manome ny zava-misy iray marina momba an'Andriamanitra. Izany no mahatonga antsika mampiasa ilay teny hoe Telo izay iray, na Telo-Iray, mba hamaritana an'Andriamanitra.

Tsy foto-pampianarana maina be fotsiny izany.

Tsy kajikajy teôrika fotsiny izany.

Tsy foto-kevitra filôzôfika saro-takarina izany.

Tsia. Ny foto-pinoana momba an'Andriamanitra Telo izay Iray dia varavarankely kristaly mazava tsara mitarika eo amin'Andriamanitra, mifantoka amin'ny hafa, amin'ny fifandraisana tsara amin'ny hafa.

Inona no tsy hitiavana Andriamanitra tahaka izany?

**RY MPITARIKA, MBA ZARAO AMIN'NY MPANATRIKA ITY TORO-LALANA ITY AZAFADY:**

*Hankalaza ny fiverenana any an-trano amin'ny fomba manokana isika amin'ny sabata. Ny fiverenan'i Jesosy fanindroany no lohahevitsika amin'izany. Tombontsoa ahafahan'ny namanao izay efa niala tamin'ny fianakaviamben'ny fiangonana ny hanao fanandramana vaovao amin'ny fiverenana ao amin'ny fianakaviamben'ny fiangonana. Miangavy anao hanasa azy ireo rahampitso alina, ary mandritry ny herinandro ary amin'ny fankalazana ny fiverenana any an-trano.*

*Raha mila hevitra amin'io fankalazana io dia jereo ity tranonkala ity:* *http://www.gcyouthministries.org/MediaPublications/YouthWeekOfPrayer/tabid/100/Default.aspx*

**ANDRO 1: Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

1- Renao ve ilay "fahamarinana" naseho toy ny andian-java-misy araka ny hita tany am-piandohan'ity lesona ity? Inona no zavatra tsapanao vokatr'izany? Ahoana no tokony hamalianao izany?

2- Ifampizarao ny sasany amin'ireo fomba fijery izay nanampy anao hahatakatra ny momba ilay Andriamanitra Telo izay Iray. (Ekeo fa misy tokoa zavatra tsy ho takatry ny sain'olombelona amin'ny fahafenoany). Ahoana ny fomba hamaritanao izany foto-pinoana izany amin'ny namanao Silamo na Jiosy izay mihevitra fa manompo andriamanitra maro ianao?

3- Inona amin'ilay fehezan-teny hoe "Andriamanitra dia fitiavana" no tena manohana anao? Tamin'ny fomba ahoana no nahatonga izany fomba fijery izany hisy fiantraikany tamin'ny fiainanao?

**ANDRO 1: Asa isan-tarika**

**Fitaovana ilaina:**

- Sachet selôfana misy loko amin'ny karazany avy
- Lakaoly
- Hety
- Lahan'ny hazo lava 2 (cheville lava) mirefy eo amin'ny 91,44 cm ny halavany sy 1,27 cm ny savaivony, zarao ho lasa singany valo izay mirefy 22,86 cm ny tsirairay, ravina alominioma mafy
- Didina pôlistirena (polystirène) iray mafy ao anatina zavatra iray valo zoro mirefy 30,48 cm/30 cm ny savaivony (tsotra) na tapaka na hazo fisaka (contreplaqué) iray mirefy 1,27 cm ny hateviny didina ho lasa misy lafiny valo (valo zoro), miaraka amin'ny lavaka valo 1,27 cm amin'ny sisiny tsirairay avy.

**Manamboara trano valo zoro kely iray miaraka amin'ny varavarankely valo izay ho ampiasaintsika hanehoana an-tsary amin'ity herin'androm-bavaka ity ianareo ao amin'ny tarika.**

1. Mampiasa ilay ravina alominioma (feuille d'alluminium) roa sosona hanaovana ny tafon-trano
2. Raha tsy izany ihany koa, mitondrà fitaovana hafa fanaovana sary, solaitra fametrahana afisy, sns
3. Avelao ny mambra tsirairay hanandrana hanao sary, mandoko, na manisy lakaoly ilay trano valo zoro miaraka amin'ny varavarankely valo.
4. Azonao ampiana isaky ny hariva arakaraka ny hijerentsika ny varavarankely tsirairay avy.

# ANDRO 2

## ILAY FIFANANDRINANA LEHIBE

### *Ilay fitiavana mitondra fandresena*

Ankehitriny isika dia tonga eo amin'ny fizarana faharoa amin'ireo fizarana miisa valo. Hahafinaritra tokoa izany, toy ny hoe mitsangantsangana eny amin'ny toerana mahazatra sy falehanao matetika ianao ka indro tsy nanam-po sady taitra tampoka ianao raha nahita riandrano tsara tarehy izay tsy nampoizinao akory ny fisiany.

Andeha ary isika hisava ilay toerana toa efa mahazatra antsika: valo amin'ireo foto-pampianarana izay mandrafitra ny foto-pinoana Advantista. Araka ny hitantsika tamin'ny fampianarana teo aloha, ireny foto-pinoana ireny dia toa maina, mankaleo, ary tranga ara-teolojia izay natao hotadidiana fotsiny. Eny, mety tena izany tokoa no nandraisantsika azy ireny, kanefa tsy midika akory izany fa satria navelantsika sady tsy noraharahaintsika ny hatsarany, noho izany, tsy misy zavatra tsara azontsika trandrahina intsony.

Tsaroanao ve ilay fanoharana nataotsika ho tari-dàlana?

Toy ny varavaran-kely mitaratra ny toetran'Andriamanitra manintona izay naseho tamin'ny alalan'I Kristy ny foto-pinoana ao amin'ny soratra masina. Tsy misy na iray aza foto-pinoana mahaleo tena sy mandeha irery. Tsy mifantoka amin'ny Sabata ny Sabata fa mifantoka amin'i Kristy. Ny foto-pinoana mikasika ny maty dia tsy natao hanaporofoana fa tsy mahatsiaro tena ny olona rehefa maty, fa mampifantoka azy kosa amin'I Kristy. Ny foto-pinoana momba ny fitoerana masina dia tsy maneho tranolay na trano na efitra lamba na fomba fanao iray na lanonana, fa maneho an'i Kristy. Dia toy izany hatrany. Raha takatra sy azo tsara ireo foto-pinoana ara-Baiboly tsirairay dia ho toy ny fahafantarana mazava ny fon'Andriamanitra sy ny fahatsaran'Andriamanitra ary ny fitiavan'Andriamanitra.

Ankoatra ireo rehetra ireo dia tsy misy mampiavaka azy ny foto-pinoana izay ampifandraisintsika amin'ilay *Fifanandrinana lehibe*. Andeha ary hibanjina eo amin'izany varavarankely izany isika ka hikatsaka ilay zava-baovao mahafinaritra miandry antsika.

**Ady tany an-danitra**

Araka ny lalàn'ny lôjika voalohany, ny zavatra rehetra matetika dia araka ny endrika ahitana azy ety ivelany ihany. Toy ny faritra hitoeran'ny ady ny tontolo misy antsika, satria dia toerana hitoeran'ny ady tokoa ny tontolo misy antsika. Kanefa araky ny làlan'ny lôjika faharoa, tsy tena araka ny endrika ahitana azy ety ivelany mandrakariva ny zavatra rehetra. Manana endrika tsy hita mibaribary ho an'ireo olona izay mitazana tsotra fotsiny ny ady mitranga eto amin'ny tontolo misy antsika. Raha atao indray mitopy maso fotsiny, dia mahita olona tafiditra ao anatin'ilay ady isika, kanefa misy toe-java-mitranga lalindalina kokoa noho izay hitantsika maso. Araka ny voalazan'ny Baiboly, tsy irery isika "Homo sapiens" (teny Latina midika hoe olon-kendry) eto amin'izao tontolo misy antsika izao. Nahazo baiko avy amin'ireo voary antsoina hoe anjely manomboka any amin'ny bokin'ny Genesisy ka hatrany amin'ny Apôkalipsy isika. Fantantsika amin'ny alalan'ny soratra masina fa efa nisy talohan'ny taranak'olombelona ireny voary ireny (Jôba 38:4-7; Apôk. 1:20), ary maro tokoa izy ireny (Heb. 12:22), mahery sady manan-tsaina (Sal. 103:20; Dan 4:17), miasa eo anivon'ny rafi-pitantanana feno filaminana (Efes. 3:10; Dan. 7:9-10), mazoto miasa ho an'izao tontolo misy antsika izao, tsy hita maso matetika, kanefa hita maso ihany koa indraindray (Heb. 1:14; 13:2) ary avy amin'ny sasany tamin'izy ireny no nipoiran'ireo ratsy izay mampahory ity tontolo misy antsika ity (Apôk. 12:7,12).

Iray tamin'ireo anjely ireo ilay nantsoina hoe "Losifera", izay midika hoe *Mpitondra hazavana*. Noforonina mba haneho ny toetran'Andriamanitra amin'ireo anjely namany io voary nasandratra io

kanefa nifidy ny hanatanteraka asa hafa izy. Ambaran'ny Baiboly fa "Tanteraka tamin'ny lafiny rehetra" i Losifera, (ny fomba fisainany, ny fihetseham-pony sy ny fitondran-tenany) *"mandra-pahita heloka tao aminy"* (Ezek. 2:15). Tamin'izany fotoana izany izy dia lasa "Satana", izay midika hoe *fahavalo*. Ambaran'ny Baiboly koa fa niantomboka tamin'ny faniriana te hanandra-tena ny fahalavoan'ny Losifera, ka nitarika azy hitaona ireo anjely namany hanala an'Andriamanitra ao am-pon'izy ireo sy handrombaka ny fahatokiany Azy (Isa. 14:12-14). Nitsahatra tsy naneho ny fahazavan'ny toetran'Andriamanitra intsony i Losifera raha teo am-pamolavolana toetra mifantoka amin'ny tenany samirery ka nanomboka naneho ny faniriany te hotompoina. Ilay faniriana hoe "Hasandratro" ny tenako, sy ny hoe "Ho tahaka ny Avo Indrindra aho", no niampangan'i Losifera an'Andriamanitra ho manana toetra tia manandra-tena mba ho fialan-tsiny noho ny toetrany izay manandran-tena. Tamin'ny alalan'ny fandavana ny fahatsaran'ny toetran'Andriamanitra no nikatsahan'i Satana hampihenana ny fahatokiana an'Andriamanitra sy nampirisihany fikomiana hanohitra Azy.

Izany hevi-dehibe izany no hanambaran'ny Baiboly fa *"nisy ady tany an-danitra"* (Apôk. 12:7).

Teo anivon'ny anjely no nitranga izany! Ny dikan'ny hoe "Ady" eto dia hoe *polemos* avy amin'ny teny Grika, izay mifandraika amin'ny teny hoe "pôlemika" na "pôlitika". Manome antsika topi-maso mikasika ny tena toetr'ilay "ady" izany. Tsy niatomboka tamin'ny ady ara-nofo na andian-tafika izany fa ady ara-pôlitika, fampihelezan-kevitra, toetra maneho famonoana. Nampirongatra ny ady tamin'ny fampielezana lainga momba ny toetran'Andriamanitra i Satana. Noho izany dia nantsoina ho "mpamitaka izao tontolo izao" izy no *"mpandainga sady rain'ny lainga"* (Apôk. 12:9; Jao. 8:44).

Araho ity lojika ara-Baiboly ity :

Ambaran'i Ezekiela fa noroahina hiala tany an-danitra i Losifera satria "nanota" izy (Ezek. 28:16). Ary ny ota dia faritan'i Jaona hoe "fandikana ny làlana" (1 Jao. 3:4).

I Paoly kosa dia mamaritra ny làlan'Andriamanitra ho "fitiavana" (Rôm.13:10)

Hitantsika ary fa nikomy tamin'ny lalàn'Andriamanitra i Losifera, izay midika mihitsy fa nikomy tamin'ny fitiavan'Andriamanitra izy. Namorona fiampangana an'Andriamanitra sy ny làlan'ny fitiavana izay fototry ny fitantanan'Andriamanitra izao tontolo izao izy. Raha toa ny Baiboly milaza fa *"Andriamanitra dia fitiavana"* ary ny làlany noho izany dia mifototra eo amin'ny fitsipiky ny fitiavana (1 Jao. 4:8; Mat. 22:37-40), i Satana kosa anefa dia nanapa-kevitra ny hivelona tsy misy fitiavana ary hanangana fanjakana tsy mifototra eo amin'ny fitiavana. NIniany naseho mihintsy noho izany fa Andriamanitra dia tia tompoina fotsiny ka ny làlany dia fangejana sy fanerena feno fitiavan-tena.

Manazava tsara ny olana fototry ny hery mifanandrina i Ellen White :

''Fitsipika halan'i Satana ny tsy fitiavan-tena izay fitsipiky ny fanjakan'Andriamanitra; laviny ny fisian'izany. Hatrany am-piandohan'ny hery mifanandrina, dia nikely aina fatratra izy ny hanaporofo fa feno fitiavan-tena ny fitsipika napetrak'Andriamanitra, ary toy izany hatrany no mbola fomba fiasany amin'ireo rehetra manompo an'Andriamanitra. Andraikitr'i Kristy sy ireo rehetra mitondra ny anarany ny mandiso izany hevitra napetrak'i Satana izany''. (*Education, p. 154*)

Koa satria azontsika ankehitriny ny olana fototra mahakasika ny ady teo amin'ny tsara sy ny ratsy, andeha ary ny soratra masina noho izany no hanome antsika sary an-tsipiriany amin'ny alalan'ny tranga fito.

**Tranga voalohany: Fanapahana**

Andeha ary hampitahaintsika ireto fanambarana ara-Baiboly roa ireto izay mametraka foto-pisainana momba ny zava-mitranga eto amin'izao tontolo izao :

*"Nahary ny olona tahaka ny endriny Andriamanitra"* (Gen. 1:27). *"Andriamanitra dia fitiavana"* (1 Jao. 4:8).

Koa satria ny fitiavana no fototry ny toetran'Andriamanitra, noho izany novolavolaina tamin'ny fitiavana ireo voahariny. Ary satria fanoloran-tena an-tsitrapo ho an'ny hafa ny fitiavana, raha ny famaritana azy, noho izany dia naorina teo anivon'ny voaharin'Andriamanitra ny fahafahana manao izay tiana. Hitantsika ao amin'ny tantaran'ny famoronana fa nomen'Andriamanitra ny fahefana hanjaka amin'ny tany rehetra ny taranak'olombelona (Gen. 1:26). Hevi-dehibe ara-Baiboly. Ny fanapahana dia ny nanomezana ilay tombotsoa lehibe an'i Adama sy Eva mba hanjaka amin'ny maha-olombelona noforonina tamin'ny fitiavana sy mba hanan-tsafidy azy. Ny tany no tontolo ara-nofo hitoerany, hitomboan'ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny fifankatiavan'izy ireo. Natolotry ny fivoriam-be masina tao an-danitra azy ireo ny planeta tany. Nanoratra ireto teny feno fahalalana ireto Davida raha nahazo io rafi-pandaminana io: *"Ny lanitra dia an'i Jehovah, fa ny tany nomeny ho an'ny zanak'olombelona".* (Sal. 115:16).

Izany no tenin'ny fifampizarana, tenin'ny fahafahana ary tenin'ny fananan'ny tena fahefana. Nohariana tamin'ny fahafahana ary nomena ny tany ho toeram-ponenany izy ireo, ka natao hanana fifandraisana feno fiadanana mandrakizay. Kanefa misy loza ateraky ny fahafahana. Mitera-doza koa anefa ny fahafaha-misafidy na maro sy manan-danja tokoa aza ireo zavatra azo tanterahina avy amin'izany. Navesa-danja tokoa ny fananan'ny olombelona "fanapahana" satria sady ahitana fanantenana no tahotra izany, ary ny safidin'izy ireo no hamaritra ny mety ho fiafarany.

**Tranga faharoa: Fialàna**

Koa satria nomen'Andriamanitra an'i Adama sy Eva ny tany, noho izany, anjaran'izy ireo ny manao izay tiany ao amin'izany. Na izany anefa, ny fikasan'ny Mpamorona dia ny hampiasan'izy ireo ny herin'ny fahafahana nomena azy hamokatra sy hitombo be ary hanangana ilay fiaraha-monin'ny fifampizarana fitiavana. Eto indrindra no niharatsy ny tantara. Nampalahelo fa niala tamin'ny fahefana izay natolotra azy dia ny hanjaka eto an-tany ireo Ray aman-dRenintsika ka nanao fanekena tamin'ny andriamanin-kafa, tamin'ilay anjely lavo nantsoina teo aoha hoe Losifera, dia ilay mamiratra, ka fantatra amin'ny anarana ankehitriny hoe Satana, dia ilay fahavalo. Eny tokoa, fahalavoan'ny fitondran-tena no nahazo ny zanak'olombelona, kanefa koa azo antsoina ho fahalavoana ara-drariny satria nisy ny famindram-pahefana. Namoy ny fahefana nomena azy i Adama sy i Eva satria nisafidy ny hamela izany. Tonga *"mpanjakan'izao tontolo izao"* (Jao. 12:31) no sady "andriamanitr'izao tontolo izao" (2 Kôr. 4:4) i Satana tamin'ny alalan'ny fampiasana ny fahaha-misafidy nomena ny taranak'olombelona.

*Na izany aza, tsy lalàna marina akory ny fahefan'i Satana eto anivon'ny tany*. Tsy izy no tena andriamanitry ny tany. Tamin'ny alalan'ny ady mifototra amin'ny famitahana no nahazoany fandresena teo anivon'ny taranak'olombelona. Notarihiny hikomy ireo Ray aman-dRenintsika voalohany tamin'ny fitarihana azy handà ny fitiavan'Andriamanitra azy ireo, ka hamotika ny fahatokiany Azy. Noho izany, ny hany fanantenana ho an'ny taranak'olombelona nanomboka tamin'izany andro izany ka hatramin'izao androntsika izao dia ny fanehoana ny tena toetran'Andriamanitra izay feno fitiavana sady tsy misy fitiavan-tena.

Namolavola fomba ahazoana mamerina amin'ny laoniny ny tany ho an'ny taranak'olombelona Andriamanitra ho setrin'ny nakan'i Satana izany fahefana izany. Na dia toerana roa samihafa azy no misy an'Andriamanitra sy ilay fahavalony ao anatin'izany ady izany, ny fanoherana nataon'Andriamanitra dia tsy mitovy velively amin'ny fototra iorenan'ny fanjakan'i Satana, tsy amin'ny famitahana na fanerena, fa amin'ny fahamarinana sy fitiavana.

**Tranga fahatelo : Ilay Mpiady nampanantenaina**

Vantany vao nanomboka ny ady tany an-danitra, dia samy nandamina ny tafiny ary namolavola sy nametraka ny fitsipiny avy ny andaniny sy ny ankilany. Nanomboka drafitra avy hatrany ny Mpamorona tamin'ny fanambarana ny fiantombohan'ny ady sy ny fanomezana fampanantenana.

Teo anoloan'i Adama sy i Eva no nilazan'Andriamanitra tamin'i Satana hoe *"ary hampifandrafesiko hianao sy ny vehivavy, ary ny taranakao sy ny taranany, izy hanorotoro ny lohanao, ary hianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony"* (Gen. 3:15). Eto dia ambaran'Andriamanitra fa hisy Mpiady ho tonga eto an-tany mba hanorotoro ny lohan'i Satana araka ny voambara. Ka dia hijaly koa araka izany ilay Mpiady mba hahazoana ny fandresena.

Eto Andriamanitra dia manazava fa hiaina eo anivon'ny taranak'olombelona ka hipoitra avy ao amin'ny taranaka iray ilay Mpanafaka nampanantenaina. Amin'ny teny hafa dia hoe, hisy vondron'olona voafidy manokana eo anivon'ny fanjakana marobe ka avy amin'izy ireo no hahatongavan'Ilay Mpamonjy ho tonga zanak'olombelona sy hiadiany amin'ilay ady. Ny tena zava-dehibe avohitra avy amin'ity fampanantenana ara-paminaniana ity dia ny hampahafantatra izao tontolo izao mialoha fa amin'ny alalan'ny fidinany ety an-tany amin'ny fanetren-tena sy fitiavana feno fahafoizan-tena no handresen'Andriamanitra ny fanjakan'ny haizina.

**Tranga fahefatra : Hery mirindra**

Malina tokoa ny fomba namalian'Andriamanitra ny hevi-petsin'i Satana, ka nanatanteraka zavatra mahagaga sy mahavariana ary tena nilaina tokoa Izy. Hazavain'i Mosesy fa:

Rehefa nozarain'Ilay Avo indrindra tamin'ireo fanjakana marobe ny lova, ary rehefa avy nanokantokana ireo taranak'i Adama Izy, dia nofaritany ny tanin'ny zanak'olombelona araky ny isan'ny zanak'i Isiraely. Fa an'Andriamanitra ny olony, avy amin'i Jakoba no hitoeran'ny lovany. Tany an'efitra sy tany amin'ny tany-hay no nahitany azy, dia efitra karakaina; nanodidina azy Andriamanitra, nanoro làlana azy Izy, ary niaro azy toy ny anakandria-masony Izy. Toy ny voromahery mikarakara ny akaniny, mampitraka ireo zanany, manampy azy hampiasa ny elany, mitondra azy hiakatra ary mihazona azy amin'ny elany, dia toy izany no nitarihan'ny Tompo azy, ka tsy nanana andriamanin-kafa izy. (Deo. 32:8-12)

Manome sary an'ohatra lavidavitra kokoa ny andininy faha-15 ka hatramin'ny faha-17 :

*"Ary nahafoy an'Andriamanitra Izay nanao azy izy* (Isiraely), *ary nanamavo ny Vatolampy famonjena azy. Nampahasaro-piaro Azy tamin'ny hafa izy; ary tamin'ny zava-betaveta no nampahasosorany Azy; Namono zavatra ho fanatitra ho an'ny demonia izay tsy Andriamanitra izy, dia andriamanitra tsy fantany, fa andriamanitra vao niseho izay tsy natahoran'ny razanareo"* (Deo. 32:15-17). Hitantsika eto fa nisy olona manokana nofidin'Andriamanitra tao anatin'ny fanjakana marobe. Nantsoina ho ilay "anjaran'Andriamanitra" eto an-tany Isiraely, ka tsy hisy "andriamanin-kafa" eo anivon'izy ireo. Zava-dehibe tokoa ny mahatsapa ny fanambaran'i Mosesy eto fa ireo "andriamanitry" ny mpanompo sampy ireo ihany no "demonia", na anjely lavo izay manova endrika hafa toy ny andriamanitra. Manamarina izany ny teny voalazan'ny mpanao Salamo ao amin'ny Salamo faha-106 ka ny andininy faha-37 sy 38 fa, nisy "demonia" tokoa tao ambadiky ny "sampy" tompoin'ireo fanjakana mpanompo sampy. *"Namono ny zanani-lahy sy ny zanani-vavy ho fanatitra ho an'ny demonia ireo; eny, nandatsaka ra marina izy, dia ny ran'ny zanani-lahy sy ny zanani-vavy, izay novonoiny ho fanatitra ho an'ny sampin'ny Kanàna, ka dia nametaveta ny tany tamin'ny rà izy"* (Sal. 106:37,38).

Tamin'ny alalan'ny Isiraely no nifidy toerana manokana teo anivon'izao tontolo anjakan'ny devoly izao Andriamanitra ka hitaky indray ny famerenana izany ho an'ny taranak'olombelona. Nofidin'Andriamanitra manokana Isiraely mba "hipoiran'ilay" Mpiady sy Mpamonjy nampanantenaina hanala ny taranak'olombelona ho afaka amin'ny fangejan'i Satana eto an-tany. Nasehon'Andriamanitra tamin'ny fiantsoana ny Isiraely avy tamin'ireo fanjakana maro, ny finiavany hanala izao tontolo izao amin'ny fahefan'ny demonia.

**Tranga fahadimy : Ilay Mpiady tsy mitam-piadiana**

Tonga teto an-tany tahaka ny zaza tsy misy azo hianteherana sy miankin-doha ilay Mpiady nampanantenaina. Voataiza teo anivon'ny tantsaha toa feno fanetren-tena, kanefa nanomboka ny

fanafihana ny fanjakan'ny maizina Izy; tsy nanana fitaovam-piadiana teny an-tànany Izy kanefa nanatanteraka ny fanorotoroana ny lohan'ilay mpamotika. Azontsika antsoina hoe "Ilay Mpiady tsy mitam-piadiana" i Jesôsy satria tonga mba haka indray ny tany izy, tsy amin'ny famitahana sy ny herisetra fa amin'ny fahamarinana sy fitiavana kosa. Fantatr'i Satana tokoa i Jesôsy. Efa niara-niaina ihany mantsy izy ireo. An'arivo taonany maro i Satana no namolavola toetra feno fahatokian-tena sy fireharehana anehoany ny fandresena sandoka azony, ka nambarany fa azy ny tany ary nilaza tamin'i Jesôsy izy fa omeny azy izany raha miankohoka eo anatrehany Izy:

*"Ary ny devoly nitondra Azy niakatra, dia naneho Azy indray mipi-maso ny fanjakana rehetra amin'izao tontolo izao. Dia hoy ny devoly taminy: Homeko Anao izao fanapahana rehetra izao mbamin'ny voninahiny, fa efa natolotra ahy izany, ka izay tiako no homeko azy; koa raha hiankohoka eto anatrehako Hianao, dia ho Anao avokoa izany rehetra izany."* (Lio. 4:5-7)

Mazava loatra fa nandà i Jesôsy ary fantany fa tsy hitan'i Satana akory izay zavatra hahazo azy. Jamba tanteraka tsy nahalala ny toetran'Andriamanitra i Satana, ka sarotra ho azy ny hahatsapa fa Jesôsy dia hanafay azy sy ny fanjakany maizina amin'ny alalan'ny fahefana feno hatsaram-panahy izay mifanohitra amin'ny azy – dia ny herin'ny fitiavana feno fahafoizan-tena. Nohazavain'i Jesôsy tamin'ny taranak'olombelona ny zavatra mitranga eo anoloan'izy ireo tamin'ny fanambarana ny mombamomba azy sy ny anton-diany: *"Raha ny mahery mivonona amin'ny fiadiany no miaro ny tranony, dia tsy haninona ny fananany. Fa raha avy kosa izay mahery noho izy ka mandresy azy, dia alainy ny fiadiany rehetra izay nitokiany, ary izay azony ho babo dia zarainy."* (Lio. 11:21,22)

I Satana no ilay "mahery" voalaza eto amin'ity fanoharana ity. Ary Jesôsy ilay "mahery no izy". Efa an-dàlana ny ady ary efa hiseho ny fiafarany. Tsy misy manam-po ny hetsika hotanterahin'Ilay Mpanjakan'ny lanitra sy ny tany feno fahamarinana.

Tsy hisy fitaovam-piadiana eny an-tànana.

Tsy hisy tafika mahery setra hobaikoina.

Hetsika iray ihany dia ampy hahazoana indray ny taranak'olombelona very.

Raha nanondro ny fanatitra hotanterahiny ao Kalvary i Jesôsy, dia naneho avy hatrany ny fandresena ilay fahavalo izay efa ho azony tsy ho ela: *"Tonga ankehitriny ny fitsarana izao tontolo izao; ankehitriny ny andrianan'izao tontolo izao no horoahina. Ary Izaho, raha asandratra hiala amin'ny tany, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy"* (Jao. 12:31,32). Tamin'ny nidinany tamim-panetren-tena teto an-tany ho tonga nofo, tamin'ny alalan'ny fiainany sy ny fitiavany tsy misy tsiny, ary tamin'ny alalan'ny fahafoizan-tenany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, no nanesoran'i Jesôsy ireo "tafik'i Satana nitokiany" hiala aminy. Sarona tanteraka ny laingan'i Satana momba an'Andriamanitra noho ny famirapiratan'ny fitiavan'Andriamanitra tao amin'i Kristy. Toy izao no fanazavan'i Paoly: *"ary nesoriny tsy ho eo amin'ny tenany ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazo fijaliana dia nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy."* (Kôl. 2:15)

Fitiavana fa tsy hery no nandresy ny ratsy.

Tamin'ny alalan'ny fitiavany lehibe feno fahafoizan-tena no nandresen'i Kristy ny ady teo amin'ny tsara sy ny ratsy. Ankehitriny dia tsy maintsy raisin'ny "firenena rehetra" ny fandresena (Mat. 28:19). Tsy maintsy handresy ny ady ao am-pony ny isam-batan'olona, ny olona tsirairay, ny tànana tsirairay, ny faritany tsirairay eto amin'izao tontolo izao – izany no maneho amintsika ny tena iraka marina nampanaovina ny fiangonana.

**Tranga fahenina : Ny fiangonana Mpanatanteraka/Mpandresy**

Tsy ny tany hitsahan'ny tongotsika akory no ambara ao amin'ilay fifanandrinana lehibe eo amin'ny tsara sy ny ratsy. Ny tena ady marina dia izay mitoetra ao anatin'ilay sombin-taova milanja 1,4 kg ao anatin'ny karandohantsika ao. Tsy manafina amintsika velively Andriamanitra fa mahafantatra ny ao

ambadiky ny "handrintsika" (Apôk. 14:1). Amin'ny teny hafa dia tiany ho azy ny fisainantsika sy ny fihetseham-pontsika ary ny faniriantsika. Ambaran'ny apôstôly Jaona fa eo amin'ny handrin'olombelona, no tian'Andriamanitra hanoratana ny "anarany", izay maneho ny fitoerany maharitra hampisy fiantraikany amin'ny toetrantsika. Zavaboary afaka hidiran-java-maro ny taranak'olombelona. Misarika antsika ireo firehana avy any ivelany. Ary isika, dia natao mba honenana, ho *"fonenan'Andriamanitra amin'ny fanahy"* (Efes. 2:22).

Ny sain'ny olombelona tsirairay dia:

- Lapa nanosorana ny Mpanjaka, ary i Jesôsy no ilay Mpanjaka marina
- Toerana ahitana ny fahamarinana mandrakizay, ka i Jesôsy no ilay fahamarinana
- Efitra hitoeran'ny tantaram-pitiavana masina, ary i Jesôsy no ilay olon-tian'ny fanahintsika

Maniry ny ho tonga mpanjakan'ny fon'olombelona koa ilay fahavalo lehiben'Andriamanitra. Ary mamolavola drafitra hakana ny toerana ara-tsaina sy ara-pihetseham-po ao anatin'ny fanahintsika izy. Mikatsaka fatratra izy ny hameno ny fontsika amin'ny fahamenarana fa tsy ilay fahatsapana ho tsy meloka, fahalotoan'ny fitondran-tena fa tsy fahadiovana, fankahalana fa tsy fitiavana, ka miseho ho toy ny andriamanitra eo amin'olona tsy manana ny fanahy masina ny demonia.

Tena miavaka tokoa Ny teny ampiasain'i Paoly hamaritana ny toetry ny ady atrehintsika:

*"Fa na dia velona amin'ny nofo aza izahay, dia tsy mba miady araka ny nofo, fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handravana fiarovana mafy. Fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana an'Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy."* (2 Kôr. 10:3-5)

Ao an-tsaina no hitrangan'ny ady atrehintsika, izay hiforonan'ny eritreritra sy ny fihetseham-po, ka hitoeran'ny fahalalana. Mamolavola "hevi-diso" tsy ahafahantsika "mahalala marina an'Andriamanitra" ilay fahavalo ka manatanteraka ady hanoherana antsika. Ka rehefa mitoetra tanteraka ao an-tsaintsika izany lainga momba an'Andriamanitra izany dia manana toeram-pialofana ao anantintsika izy. Ary mifanohitra amin'izany indrindra, raha toa ka "voahaisotra" tanteraka izany hevi-diso izany ka soloina fahamarinana, dia resy izy ary afaka amin'ny fangejany ny fanahin'olombelona.

Hampahafantatra ny toetran'Andriamanitra feno fitiavana naseho tamin'ny alalan'i Jesôsy Kristy no iraka nampanaovina ny fiangonana. Nantsoina isika mba hampiasa ny talentantsika, ny herintsika, ny fananantsika ho an'ilay andraikitra iray dia ny hitaona ny fo sy ny tokantrano tsirairay, ny fanjakana tsirairay sy ny tànana rehetra eto an-tany hiverina amin'i Kristy. Takian'i Jesôsy indray ny saina, ny fihetseham-po sy ny fanirian'ny fanahin'ny tsirairay izay nangalarin'i Satana. Tokony hanao toy izany koa isika, izay fiangonany. Manakaiky ny fanjakan'Andriamanitra isika raha toa ka mamela heloka, miantra ny hafa, manambara ny filazantsara, manome sakafo sy fitafiana ho an'ny mahatra, manafaka ireo voageja, ary indrindra indrindra mitia ny olona toy ny nitiavan'i Jesôsy azy ireny.

**Tranga fahafito: Famerenana amin'ny laoniny ny fanapahana voalohany**

"Ary rehefa afaka izany, dia avy ny farany, ka amin'izay dia hatolony ho an'Andriamanitra Ray ny fanjakana, rehefa nofoanany ny fanapahana rehetra sy ny fahefana rehetra ary ny hery rehetra" (1 Kor 15:24). Tian'i Paoly ho takatsika fa efa mihazakazaka mankany amin'ny fanapotehana ireo rafitra feno fanerena, fanapahana, fampahoriana sy ady ny tantara, ka efa mametraka fanjakana miorina eo amin'ny fahafahana sy fitiavana. Izao ny faminanian'ny mpaminany Mika ho antsika:

"Ary izao no ho tonga any am-parany; ny tendrombohitra misy ny tranon'i Jehovah dia haorina eo an-tampon'ny tendrombohitra, ary hasandratra ho avo noho ny havoana; ary ny firenena hitanjozotra hankany …dia hanefy ny sabany ho fangady ireny, ary ny lefony ho fanetezam-boaloboka; ny firenena tsy hahainga sabatra hifamely, na hianatra ady intsony … ary Jehovah hanjaka aminy ao an-

tendrombohitra Ziona hatramin'izany ka ho mandrakizay … aminao no ho tonga izany, eny, ho tonga ny fanapahana voalohany. (Mika 4:1-8)

Mahatalanjona tokoa izany sary izany!

Hitantsika eto fa manohitra ny ady Andriamanitra fa manohana kosa ny fiadanana, manohitra ny hery fa manohana ny fitiavana. Ny tanjona farany dia ny hamarana ny fitondrana feno fanerena rehetra ary hametraka fanjakan'ny fahafahana mandrakizay. Haorina indray "Ny fanapahana voalohany", izay nafoin'i Adama sy i Eva tany am-boalohany. Rehefa izany, dia hoy Jehovah, *"ary tsy handratra na hanimba eran'ny tendrombohitra masina izy; fa ny tany ho henika ny fahalalana an'i Jehovah, tahaka ny anaronan'ny rano ny fanambanin'ny ranomasina"* (Isa. 11:9). Voalohany, ny toerana lalina ao ampontsika no navotan'ny fahasoavan'Andriamanitra mahavonjy. Manaraka izany, ny tany dia avotra ary havaozina ho tonga vaovao indray. *"Indro",* hoy ilay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana, *"havaoziko ny zavatra rehetra"* (Apôk. 21:5). Rehefa tonga izany andro izany, ny tànanan'Andriamanitra, ilay Jerosalema vaovao, dia hafindra hiala any an-danitra ka hitoetra eto amin'ity tanintsika ity. Ho tonga renivohitr'izao rehetra izao ny planeta tany.

*"Ary izaho, Jaona, nahita fa, indro, ny tanàna masina, dia Jerosalema vaovao, nidina avy any an-danitra tamin'Andriamanitra, voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo hihaona amin'ny vadiny. Ary nahare feo mahery avy teo amin'ny seza fiandrianana aho manao hoe: Indro, ny tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny. Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha."* (Apôk. 21:2-4)

Manoritsoritra izany toe-javatra mahafinaritra izany i Ellen White:

Eo amin'ny toerana feno ota, no hihoaran'ny fahasoavan'Andriamanitra. Ity tany izay ambaran'i Satana fa azy ity, dia tsy ho vidina fotsiny fa asandratra koa. Ny tanintsika izay voahozona noho ny fahotana, ilay hany nahitana tsiny teo anivon'ny voary rehetra, no omem-bohinahitra mihoatra noho ireo tany namboarin'Andriamanitra hafa manerana izao rehetra izao. Eto amin'ity tany izay nanaovana sorona ny zanak'Andriamanitra; izay niain'ilay Mpanjakan'ny voninahitra sy nijaliany ary nahafatesany, eto amin'ity tany izay hanavaozany ny zavatra rehetra, no hitoeran'ny tabernakelin'Andriamanitra ao amin'ny olony. (*The Desire of ages, p. 26*)

Ka toy izany no fandehan'ny tantara.

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra, dia maniry aho ny hiaina ao amin'izany, ho mponina ao amin'izany tany vaovao hitoeran'ilay fanapahana voalohany natolotr'i Jesôsy izany. Ahoana kosa ny aminao?

**ANDRO faha-2: Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

1. Ambaran'ny lesona fa, "ny foto-pinoana ara-Baiboly tsirairay, rehefa tena azo tsara, dia mahatonga antsika hahatakatra ny ao am-pon'Andriamanitra, ny fahatsaran'Andriamanitra ary ny fitiavan'Andriamanitra. Resaho ny mety hahamarina izany na tsia raha ny eritreritrao manokana sy nandritry ny fianarana ara-panahy notovozinao.
2. Ahoana no hanehoan'ny fikomian'i Losifera tamin'Andriamanitra ny tsy finoany fa Andriamanitra dia miasa amin'ny fitiavana? Ahoana no hanehoan'ny teniny, araka ny voarakitra ao amin'ny Isaià 14, fa nino tokoa izy fa tia tena sy mpanao didy jadona Andriamanitra?
3. Inona no maha-samihafa ny fanapahana nomen'Andriamanitra an'i Adama sy i Eva (ary antsika koa) sy ny fahefana novolavolain'ny devoly? Araka ny hevitrao, ny olona marina, na ny mpitarika sy ny mpampianatra ao am-piangonana – na mety ianao mihitsy aza- ve amin'ny fomba tsy ampoizina

mety hampiasa izany fahefana fa tsy fanapahana izany mba hampandroso ny fanjakan'Andriamanitra? Diniho sy resaho.

4. Imbetsaka ny mpanoratra no mampiasa ny fehezan-teny hoe "faritra misy ny saina, ny fihetseham-po ary ny faniriana". Zarao ny fomba hifanandrinan'Andriamanitra sy devoly eo amin'ireo singa ao amin'ny tenanao ireo. Ahoana no hamaritanao izay handresy ny fanahinao? Farito mazava tsara.

**Andro 2: Asa isan-tarika**

1. Azonao ampiana na ravahana araka izay tianao ilay sary valo zoro (Octogone).
2. Zarao ekipa vitsivitsy tsiroaroa, ampihaino ireo tranga 7 tamin'ity lesona ity:

   1) *Tranga voalohany: Fanapahana*
   2) *Tranga faharoa: Fialàna*
   3) *Tranga fahatelo: Ilay Mpiady nampanantenaina*
   4) *Tranga fahefatra: Hery mirindra*
   5) *Tranga fahadimy: Ilay Mpiady tsy mitampiadiana*
   6) *Tranga fahenina: Ny fiangonana Mpanatanteraka/Mpandresy*
   7) *Tranga fahafito: Famerenana amin'ny laoniny ny fanapahana voalohany*

Omeo iray minitra isaky ny tranga tsirairay. Tokony ho vetivety ihany ny lalao (avelao ny tsirairay hieritreritra ny zavatra hataony sy lazainy), na azo asiana tabilao koa ahitana fehezan-teny momba ny fifanandrinana lehibe. Tsy voatery miandry any amin'ny faran'ny fampianarana vao atao ity lalao ity fa isaky ny vita ny tranga iray dia azoatao.

# ANDRO 3

## NY DIDIN'ANDRIAMANITRA

### *Fitiavana Mitondra Fanafahana*

Manana ny lanjany manokana ao anatin'ny foto-pinoantsika Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ny Didy Folo. Ny ankamaroan'ny Kristianina manerana izao tontolo izao dia mitory ny "antinomianism," ny fiheverana fa efa "nofoanana" tamin'ny fotoana nahafatesan'i Jesôsy teo an-kazo fijaliana ny didin'Andriamanitra; isika kosa dia mino fa mandrakizay sady tsy miova ny didin'Andriamanitra.

Eo anatrehan'izany indrindra anefa no mipetraka ny tena olana, satria ao anatin'ny fiezahantsika miaro ny didin'Andriamanitra no mahatonga antsika hampihena ny lanjan'ilay lohahevitra ho lasa fanoherana be fahatany ny "antinomianism" fotsiny ihany indraindray, miaraka amin'ny andininy ara-Baiboly efa voapetrapetraka tsara hanaporofoana amin'ny Kristianina hafa hoe tokony hitandrina ny lalàna izy ireo. Ao anatin'ny fiezahana manao izany no mahatonga antsika lasa mamorona olana goavana mahakasika ny fandalinana ny Baiboly sy ny fanandramana ara-panahy ho an'ny tenantsika.

Andeha àry hazavaiko misimisy kokoa ny momba izany.

**Ny Fanavotana Izay Ao Amin'i Kristy Jesôsy**

Maro ny zavatra voalazan'i Ellen White momba ny fironantsika be fahatany fotsiny ihany, hanaraka izay mitranga ao anatin'ny tarika misy antsika, ho amin'ny fahadisoana ara-pomba fijery sy fampiasana ny didin'Andriamanitra. Mariho ity fanambaràna lalina sy mivantana ity:

''Amin'ny lafiny iray, ny mpandala fivavahana amin'ny kapobeny dia efa nampisaraka tanteraka ny lalàna sy ny filazantsara; isika kosa anefa amin'ny lafiny iray, dia azo lazaina fa efa nanao ny toy izany koa raha raisina amin'ny fomba fijery hafa. Tsy notazonintsika manoloana ny hafa ny fahamarinan'i Kristy sy ny tena lanjan'ny drafi-panavotany lehibe. Nataontsika ambanin-javatra i Kristy sy ny fitiavany tsy manan-tsahala, ka ny foto-pampianarana sy ny tohan-kevitra isan-karazany no nomentsika vahana, ary lahateny manohana ny foto-kevitsika no notoriantsika.'' (*Faith and Work, p. 15-16*)

Tokony hampisaina antsika lalina izany.

Mitandrina ny lalàna no fahitana antsika kanefa misy lesoka ihany ny fomba fanaovantsika izany. Variana miaro ny lalàna amin'ny alalan'ny toriteny "manohana ny foto-kevitsika" manoloana ireo izay manao tsinontsinona ny lalàna isika, nanitsy be loatra ny fampianarana nivoana tamin'ny fahamarinana nataon'izy ireny, ka lasa mamorona ny antsika manokana ihany koa eo am-panaovana izany. Izao no nambarany: "Tsy notazonintsika manoloana ny hafa ny fahamarinan'i Kristy sy ny tena lanjan'ny drafi-panavotany lehibe. Nataontsika ambanin-javatra i Kristy sy ny fitiavany tsy manan-tsahala."

Ry namako, tena mavesatra izany teny izany, na tsy ampiana teny betsaka aza.

Tsy tamin'io ampahany io irery ihany anefa no nanambaràny izany. Nampitandrina hatrany hatrany izy fa isika rehetra ao anatin'ny tarika iray misy antsika mihitsy no miara-tsy mahay mitandrina ny didin'Andriamanitra. Nisy fotoana nahatofoka azy mihitsy tamin'ny fandrenesana ireo mpitory teny ao amin'ny fiangonantsika, namatrapatratra ny fiarovana ny lalàna, ka nahatonga azy nilaza izao: "Aoka ny lalàna hiahy ny tenany. Niezaka niaro fatratra ny lalàna isika, mandra-pahamaina antsika tahaka ny tendrombohitra Gilboa, ka tsy nisy ando na orana. Aoka isika hatoky ny fahatsaran'i Jesôsy Kristy avy any Nazareta" (*Sermons and Talks*, *Vol. 1, t. 137*). Hitantsika eto fa tsy hoe sasatry ny mihaino toriteny be loatra miaro ny fitandremana ny lalàna izy. Tsy ny firesahana matetika momba izany no tena olana, fa ny olana eo amin'ny foto-pampianarana izay foronintsika ho an'ny tenantsika. Torintsika ny lalàna,

amin'ny alalan'ny fomba manohintohina ny fahatakarantsika ny filazantsara, ka lasa tsy hitantsika intsony ny fahatsaran'i Jesôsy.

Noresahiny lalindalina kokoa io foto-kevitra io ary izao ny nanazavany ny heviny:

''Niverimberina nanoloana ahy hatrany ny fakam-panahy amin'ny fitadiavana hamalifaly olona amin'ny alalan'ny hevi-diso momba ny fanamarinana amin'ny finoana. Naseho ahy nandritra ny taona maro fa miasa amin'ny alalan'ny fomba manokana i Satana, hanakorontana ny sain'ny olona amin'ny alalan'io foto-kevitra io. Ny didin'Andriamanitra dia efa notandremana tamin'ny fahafenoany sy naseho ny fiangonana, tahaka ny sombitsombim-pahalalana an'i Jesôsy Kristy sy ny fifandraisany amin'ny lalàna, toy ny fanatitra nataon'i Kaina''. (*Faith and Works, p. 18*)

Andray! Ampitahaina amin'ny fanatitra natolotr'i Kaina ny toriteny Advantista!

Raha lazaina amin'ny teny hafa dia ao anatin'ny fiezahantsika mafy hiaro ny fitandremana ny lalàna no mahatonga antsika ho latsaka ao anatin'ny fampianarana momba ny fitandremana fatratra ny lalàna fotsiny ihany. Nanaitra azy io tranga io ka nahatonga azy hanazava ny tokony ho fitodiky ny toriteny ataontsika: "Tsy misy foto-kevitra tokony hofikirina mafy, averimberina matetika, na ampidirina lalina ao an-tsain'ny olon-drehetra, mihoatra noho ny fampianarana fa tsy misy olombelona lavo manana fahamendrehana vokatry ny asa tsara ataony. Amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesôsy Kristy irery ihany no ahazoana famonjena." (*Faith and Works, p. 19*)

Izany tokoa!

Alaivo sary an-tsaina anie ny andiana toriteny fitoriana ny filazantsara toy izany e!

Izao no nanohizany azy:

''Aoka hiavaka sy hazava tsara fa tsy afaka manova ny laharana nametrahan'Andriamanitra antsika isika na manova ny fanomezana natolotr'Andriamanitra antsika amin'ny maha-voary ankasitrahany antsika. Raha azo novidina tamin'ny alalan'ny finoana sy ny asa ny famonjena ho an'ny olon-drehetra, dia ny voary indray izany no mifehy ny Mpahary. Indro misy tranga toa hanekena ny fahadisoana iray ho fahamarinana. Raha toa ka mendrika hovonjena vokatry ny asa ataony ny olona iray, dia mira lenta amin'ny Katôlika izay mampahory ny tenany noho ny fahotana vitany izy. Ny famonjena izany dia lasa mitovy amin'ny ampahan-trosa, izay raisin'ny tena toy ny karama. Koa raha tsy misy olona mendrika hovonjena vokatry ny asa tsara nataony izany, dia tena fahasoavana tanteraka izay raisin'ny olombelona amin'ny maha-mpanota azy no hamonjena azy, satria mino sy mandray an'i Jesôsy izy. Fanomezana maimaim-poana tanteraka mihitsy izy io. Tsy azo hiadian-kevitra mihitsy ny fanamarinana amin'ny finoana.'' *(Faith and Works, pp. 19-20)*

Izao anefa: na dia eo aza ireo karazana fanambaràna nataon'i Ellen White ireo, dia matetika isika no mirona ho amin'ny fanamaivanana ny fanamafisana tsara ny fanamarinana amin'ny finoana rehefa mitory ny filazantsara, satria atahorantsika ampihena ny lanjan'ny tohan-kevitra arosontsika momba ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra izany. Raha toa ka manara-dalàna be fahatany fotsiny ihany ny fomba fisainantsika, dia lasa zava-doza ho an'ny lalàna indray ilay tena filazantsaran'ny fahasoavan'Andriamanitra. Toy izao no fihevitr'ilay mpandala be fahatany fotsiny ihany ny lalàna, na ny zavatra tsapany, farafaharatsiny:

Raha toa ka fanomezana maimaim-poana noho ny fahasoavan'Andriamanitra izay raisina vokatry ny finoana irery ihany ny famonjena, ary raha toa ka tsy misy sitraka mihitsy azo avy amin'ny fitandremana ny lalàna, dia inona no antony tokony hitandremana azy?

Atahorantsika tsy ho tsapan'ny olona na ho hitany intsony ny antony tokony hitandremany ny didin'Andriamanitra, raha toa ka hazavaintsika tsara ny momba ny filazantsara ary lasa maimaim-poana be loatra indray no fandraisana ny famonjena. Izao indray anefa no tranga mifanohitra amin'izany:

mandrapahatongan'ny fotoana handraisantsika ny filazantsara, izany hoe tena raisintsika araka ny tokony izy, dia toa ataontsika ambanin-javatra izy io mazàna sady torotorointsika, ka ny andininy manaporofo ny fitandremana ny lalàna ihany no mahavariana antsika. Izao no tena marina: ny fankatoavana vokatry ny fahatsapana ho voatery hankato, arahina fiheverana fa anisan'ny ampahany miantoka ny famonjena antsika ihany izany, dia tsy midika ho fankatoavana akory. Endrika fikomiana ao anatin'ny fankatoavana izany. Tsy vitan'izany ihany fa fitenenan-dratsy an'Andriamanitra mihitsy koa satria fanaovana tsinontsinona ny fahasoavany amin'ny alalan'ny fiheverana fa na inona na inona ataontsika dia mety ahazoantsika sitraka avy Aminy. Tsy milina mivarotra zavatra akory Andriamanitra ka ahazoantsika izay rehetra ilaintsika rehefa androtsahantsika vola ao anatiny. Tsy tahaka ny andriamanitry ny jentilisa koa Andriamanitra ka hoe ahazoana sitraka raha toa ka manao asa tsara ho Azy isika.

Tena tsy izany velively!

Ny tena marina mantsy dia tsy misy na inona na inona azontsika atao mihitsy mba ahazoana sitraka avy amin'Andriamanitra, tsy hoe sarotra alaina akory ny sitraka avy Aminy, fa saingy efa manana izany sitraka izany isika! Mitobaka avy amin'Andriamanitra ny fahasoavana iriny fatratra arotsaka, ny fitiavana tsy misy fisalasalana, ary ny famindrampo ampoka, ka tsy misy na inona na inona nataontsika na azontsika atao mba ahazoana izany. Izany no antony nahatonga an'i Paoly nitory ilay nantsoiny hoe: "fanavotana ao amin'i Kristy Jesôsy" (Rôm. 3:24). Aoka horaketina lalina ao am-ponao ny dikan'izany teny izany. Ny famonjena dia tanteraka tamin'ny alalan'ny tenan'i Kristy sy ny asany, ary tsy misy na inona na inona azontsika atao mba ahazoana izany. Ao Aminy irery ihany no misy ny famonjena.

Vory avokoa ny zavatra ilaina!

Vita ny fifanarahana!

Vita ny asa!

Efa nandray ny famonjena tamin'ny fahafenoany tanteraka isika, tamin'ny alalan'ny nihetreny ho tonga nofo, ny fiainany tsy nisy tomika, ny nanolorany ny tenany ho faty teo an-kazo fijaliana, ny nandreseny ny fahafatesana tamin'ny alalan'ny fitsanganany, ary ny niakarany ho eo amin'ny toeram-pandresena eo an-tanan-kavanan'ny Ray. Niaina fiainana feno fahamarinana tonga lafatra sady tsy nisy pentina fahotana i Jesôsy fony Izy tety anivontsika, ka rehefa nasehony io finiavana mahatalanjona io, dia maha-olona vaovao tanteraka no voatefy avy amin'ilay taloha, noho ny amintsika.

Famonjena, tanteraka sy maimaim-poana ao amin'i Kristy!

Izany no filazantsara.

Filazantsara.

Teny soa mahafaly.

Hafatra mitondra fifaliana.

Ary amin'ny fotoana hiezahantsika manampy zavatra ilay "fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesôsy" amin'ny alalan'ny fitandremantsika ny lalàna no lasa mampanjavona ilay filazantsara.

Ahoana kosa indray àry izany ny amin'ny lalàna?

Soa ianao fa nanontany. Izany mihitsy izao no fanontaniana mipetraka ao an-tsain'ny Advantista.

**Ny Soratra Mahafaty, Fa Ny Fanahy No Mahavelona**

Vakio ny 2 Kôr. 3. Raha Advantista ianao dia toa ohatry ny andalana tsy fandinikao firy io andalana io, satria tsy mifanaraka amin'ny fomba fijerintsika ny didin'Andriamanitra amin'ny kapobeny. Mety azo antoka mihitsy aza fa mbola tsy renao notorina tamin'ireny fitoriana ny filazantsara mandritry ny andro

mifanesy ireny izy io, raha tsy hoe “noraisina” ho tohan-kevitra hanazavana izay hevitsika mba mifanaraka aminy. Mino isika fa nantsoin’Andriamanitra hitory ny didiny ny fiangonantsika. Anisan’ny foto-pinoantsika ny fanekena fa tsy ovaina ny didin’Andriamanitra. Io andalana io anefa no asa-soratra goavana nataon’i Paoly momba ny lalàna, ary tsy dia hita firy ao anatin’ny fampianarana ataon’ny Advantista momba ny lalàna izy io. Ao no misy ny filazan’i Paoly ny heviny momba ny filazantsara araka ny lalàna, kanefa dia zara raha miseho any anatin’ny toriteny ataon’ny Advantista izy io, raha hiseho koa aza. Tsy haintsika tsotra izao ny zavatra tokony atao mahakasika azy io satria miezaka milaza zavatra iray momba ny lalàna isika ary samihafa amin’izany koa ny zavatra lazain’i Paoly. Manoro hevitra antsika aho hoe izay notorin’ny Apôstôly tany amin’ny jentilisa momba ny lalàna araka ny voasoratra ao amin’ny 2 Kôr. 3 ihany koa no tena ilaina eo anivontsika.

Andeha àry hatomboka amin’ny andininy fahenina. Teo ambanin’ny hazavan’ny filazantsara izay nampisokatra ny sain’i Paoly no nanambaràny mazava tsara ny iraka ara-pilazantsara notontosainy sy ny iraka tokony hotontosaintsika. Nilaza izy fa Andriamanitra dia “efa nampahaleo anay koa ho mpanompo amin’izay fanekena vaovao, nefa tsy amin’ny soratra, fa amin’ny Fanahy; fa ny soratra mahafaty, fa ny Fanahy no mahavelona.

Inona no maha-zava-dehibe izany?

Araka ny voalazan’i Paoly manao hoe “ny soratra mahafaty,” izay no antony. Tena zava-doza ara-panahy ny fitoriana ny lalàna ho toy ny fitambarana fitsipika ara-môraly izay tsy maintsy hankatoavina, ka mahatonga fahatsapana fa rehefa mitandrina ny lalàna isika dia afaka mifandray mivantana amin’Andriamanitra, mahazo sitraka avy Aminy, mahazo ny fitiavany, ary ekeny.

“Ny soratra mahafaty.”

Tsy manana hery afa-tsy ny manimba ny soratry ny lalàna raha misaraka amin’ny fanambaràna mavesa-danjan’ny fahasoavan’Andriamanitra izay mirotsaka ho an’ny rehetra ary tena mazava tsara.

“Ny soratra mahafaty.”

Mikorontana ny lalàna rehefa tsy miaraka amin’ny filazantsara satria manimba ny endrika fahitantsika an’Andriamanitra. Vesatry ny fahatsapana ho voatery *hanao zavatra ho an’Andriamanitra* no aterak’izany eo amintsika, fa tsy *fankasitrahana an’Andriamanitra noho izay nataony ho antsika*.

“Ny soratra mahafaty.”

Nohazavain’i Paoly misimisy kokoa ao amin’ny andininy fahafito ny tiany ambara, tamin’ny alalan’ny niantsoany ny lalàna ho “fanompoana nitondra fahafatesana” ary ao amin’ny andininy fahasivy manao hoe “fanompoana nitondra ny fanamelohana.” Mazava tsara eto izany fa fahafatesana ara-panahy no tian’i Paoly ambara, fa tsy ara-nofo. Mitondra fahafatesana ny lalàna, satria fahatsapana “fahamelohana” no aterany. Izao no filazan’i Paoly izany ao amin’ny Rôm. 3:20:

“Fa ny lalàna no ahazoana ny fahalalana marina ny amin’ny ota.”

Toy ny fitaratra ara-môraly ny asan’ny lalàna: maneho amintsika ny fahotantsika manoloana ny endrika tonga lafatry ny fitiavana tsy misy fitiavan-tena asehony. Izao no zavatra tsapantsika rehefa mijery ny lalàna isika: “Andray, vita tanteraka ny momba ahy! Tsy mba tahaka izany mihitsy aho. Mikorontana avokoa ny momba ahy ary tsy mba manana fahatsaran-toetra akory aho na dia kely aza, raha toa ka izany no endriky ny lalàna.”

“Ny soratra mahafaty.”

Raha toa ny lalàna ka torina amin’ny alalan’ny fomba mahatonga antsika hihevitra fa afaka mitandrina azy isika raha miezaka fatratra ny hanao izany, dia tsy afa-miala amin’ny iray amin’ireto sampanana roa ireto:

1. Ho lasa Fariseo mpanamarin-tena izay manenjika ny fitondrantenan'ny hafa isika ary miaina ao anatin'ny toetra tia mitsara izay olon-kafa manao zavatra tsy mifanaraka amin'ny lalàna.
2. Na hiezaka hankatò hatrany hatrany isika, atosiky ny tahotra sy ny fahamelohana, mandra-pahatongan'ny fotoana mahakivy antsika ka hiato amin'ny fanaovana izany.

"Ny soratra mahafaty."

Mifanohitra amin'izany kosa, nilaza i Paoly hoe: "Ny fanahy no mahavelona." Miasa manokana ao anatin'ny toriteny momba ilay fanekena vaovao ny Fanahy Masina, satria ao anatin'izany no hitsirian'ny fiainana ara-panahy sy hikolokoloana azy. Miha-mazava tsara izany rehefa novelabelarin'i Paoly ny hevitra tiany ambara. Mariho ny voalaza ao amin'ny andininy 7-11:

Raha toa ka be voninahitra ny fanompoana nitondra fahafatesana, izay nosoratana sy noraiketina teo amin'ny takelabato, ka tsy nahabanjina an'i Mosesy akory ny zanak'Isiraely noho ny famirapiratry ny voninahiny, izay voninahitra nandalo fotsiny ihany, dia moa tsy ho be voninahitra mihoatra noho izany va ny asan'ny Fanahy? Raha toa ka nanana voninahitra ilay fanompoana nitondra ny fanamelohana, dia be voninahitra mihoatra lavitra noho izany ny fanompoan'ny fahamarinana. Na izay natao ho be voninahitra aza dia tsy manana voninahitra eo anatrehan'izany, noho ilay voninahitra izay mahery indrindra. Raha toa ka be voninahitra ny zavatra izay mandalo, moa va tsy be voninahitra noho izany ny zavatra izay mbola mitoetra.

Miha-lalina ny resaka ataon'i Paoly eto, fa rehefa mazava tsara amintsika kosa ny tiany ambara, dia tena tsotra sy manamaivana tokoa ilay izy. Andeha àry hovantanina avy hatrany ilay izy.

Voalohany, haintsika fa lalàna ara-môraly no resahin'i Paoly eto fa tsy lalàna seremônialy, satria nohamafisiny tsara fa ny lalàna izay foto-dresany dia "voarakitra tamin'ny takelabato." Noho izany dia tokony hazava tsara amintsika fa ny zava-drehetra holazain'i Paoly eto dia mifandray amin'ny Didy Folo avokoa. Mazava tsara ao anatin'izany ny fanazavana nataon'i Paoly momba ny lalàna nomena tamin'ny alalan'i Mosesy tany an-tendrombohitra Sinay, tamin'ny alalan'ny filazana fa manana "voninahitra" miavaka izy io. Milaza zavatra izy io. Mampibaribary fahamarinana manan-danja izy io. Manana fahefana hifehy tokoa ny lalàna, kanefa ny herin'ny lalàna dia voafetra hatreo amin'ny zavatra izay azony aseho sy vitany ihany. Izany no antony nilazan'i Paoly hoe ny "voninahiny" dia "mandalo ihany." Tsy maintsy nanokatra lalana ho amin'ny zavatra hafa izy io.

Tsy mifanaraka tsara amin'ny fisainantsika io fomba famoaboasana ny Didy Folo io. Hafahafa, toa manahiran-tsaina mihitsy aza ny miatrika teny mahakasika ny didin'Andriamanitra tahaka azy io ao anatin'ny Baiboly. Ny zavatra voalohany tonga ao an-tsaina amin'ny maha-Advantista dia ny hihataka amin'ny fanambaràna tahaka azy io na hisoroka azy tanteraka mihitsy aza. Na izany aza anefa dia tena manamafy sady mijoro tanteraka amin'ny heviny mihitsy i Paoly, tsy eto ihany fa tao anatin'ny asa-sorany rehetra, hoe ny lalàna dia dingana lalovana mialohan'ny hiakarana amin'ny sehatra iray ambony kokoa. Izao no nambaran'i Paoly ao amin'ny Rôm. 7:4: *"Ary amin'izany hianareo koa, ry rahalahiko, dia efa natao maty ny amin'ny lalàna noho ny tenan'i Kristy"* Izao no ambarany ao amin'ny andininy fahenina: *"Fa ankehitriny dia efa afaka tamin'ny lalàna isika, satria maty ny amin'izay nihazonana antsika, ka dia manompo amin'ny havaozam-panahy isika, fa tsy amin'ny hahelan-tsoratra."* Izao no voalazany ao amin'ny Rôm.10:4: *"Fa Kristy no faran'ny lalàna ho fahamarinana ho an'izay rehetra mino."* Izao no voalazany ao amin'ny Gal. 3:24,25: *"Koa ny lalàna dia mpitaiza antsika ho amin'i Kristy, mba hohamarinina noho ny finoana isika. Fa rehefa tonga ny finoana, dia tsy fehezin'izay mpitaiza intsony isika."*

Misy fiheverana tena manan-danja izay manao hoe i Kristy no faran'ny lalàna ho an'izay mino, fahatsapana fototra hoe mpitaiza mitondra antsika ho eo amin'i Kristy ny lalàna, fahatsapana manan-danja fa maty amin'ny lalàna tamin'ny alalan'ny fahafatesan'i Kristy ny mpino, ary fahatsapana ny

fanandramana hoe nafahana tamin'ny lalàna ny mpino. Amin'ny maha-Advantista antsika dia mila mandinika tsara ny fampianarana nataon'i Paoly momba ny lalàna isika raha toa ka tena hitory ny filazantsara amin'ny fidradradradrana sy ny herin'ny ranonorana farany tokoa isika. Amin'ny ankapobeny dia tsy azon'ny fiangonana kristianina hafa ny tena tian'i Paoly holazaina momba ny lalàna, ka vokatr'izany dia lasa mirona ho amin'ny fiheverana izy ireo fa nofoanana ny lalàna. Tonga dia lavin'izy ireo avokoa ny lalàna iray manontolo.

Raha ny fizotry ny tantara no arahina dia niforona ny Advantista ary nahita indray ilay lalàn'Andriamanitra efa hadinon'ny olona. Amin'ny maha-tarika iray antsika dia nasandratsika araka ny tokony ho izy ny Didy Folo, izay tsy azo ovana sady maharitra mandrakizay. Na dia efa nihatahantsika lavitra aza anefa ilay fiheverana fa efa foana ny didy, dia mbola tsy azontsika ihany ny votoatin'izay tena tian'i Paoly hambara momba ny lalàna. Vokatr'izany dia imbetsaka ilay mpaminanintsika no nanatra antsika hatrany, ny amin'ny fahadisoana ataontsika rehefa mitory mahakasika ny didin'Andriamanitra. Raha toa anefa isika ka tena miezaka manakatra ny tian'i Paoly hambara momba ny Didy Folo, ka misoroka ny fiheverana fa efa nofoanana ny didy etsy an-daniny, ary afaka tanteraka amin'ny fankatoavana be fahatany fotsiny ihany ny lalàna etsy an-kilany, dia hazava tanteraka amintsika ilay filazantsara izay tsy mbola fantatsika mihitsy taloha. Nanomboka tamin'ny andron'i Kristy sy ny apôstôly no tsy nisian'ny hevitra ankoatra ny fiheverana fa efa nofoanana ny didy etsy an-daniny ary nankatoavina be fahatany fotsiny ihany ny lalàna etsy an-kilany, ka ireo ihany no tena namafisina tamin'izao tontolo izao. Misy fahaizana lalina sy mahafinaritra ary mahery vaika tao anatin'ny fomba nandraisan'i Paoly ny lalàna, kanefa mitoetra ho tsy misy mpahita sady tsy misy mpitory mihitsy izy io.

Andeha àry hiverenantsika indray ny 2 Kôr. 3.

Rehefa avy nilaza tamintsika i Paoly hoe manana karazana voninahitra ny lalàna, dia lazainy amintsika fa tsy maintsy manokatra lalana ho an'ny voninahitra lehibe kokoa ny voninahitry ny lalàna: *"Fa raha nisy voninahitra ny fanompoana nitondra ny fanamelohana, mainka hanan-tombom-boninahitra ny fanompoana mitondra ny fahamarinana. Ary izay nisy voninahitra aza dia tsy manana voninahitra kosa amin'izao noho ny voninahitra izay manan-tombo. Fa raha ny nilevona aza nisy voninahitra, mainka fa ny mitoetra no misy voninahitra."* Mazava ny tenin'i Paoly: misy voninahitra nentina teto amin'izao tontolo izao tamin'ny alalan'i Kristy, izay "manan-tombo" mihoatra lavitra noho ny lalàna misoratra amin'ny takelabato, ka "tsy manana voninahitra" ilay lalàna raha ampitahaina amin'i Kristy. Rehefa hitan'ny anjely ilay Mesia vao teraka dia izao no antso nataon'izy ireo avy teny amin'ny lanitra: *"Voninahitra any amin'ny Avo Indrindra ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany"* – Lio. 2:14. Rehefa nanatonga ny hazo fijaliana i Jesôsy dia nilaza hoe: *"Tonga ny fotoana hankalazana ny Zanak'olona"* – Jao. 12:23.

Izao ilay voninahitra izay "manan-tombo": ny voninahitry ny Tendrombohitra Sinay izay nihoaran'ny voninahitry ny Tendrombohitr'i Kalvary.

Nisy zavatra nomena ho an'izao tontolo izao tao amin'i Kristy; zavatra izay tsy azon'ny lalàna natolotra, ary ambaran'i Paoly amintsika izy io ankehitriny. Mariho ny teny voalaza ao amin'ny andininy fahasivy: *"Fa raha nisy voninahitra ny fanompoana nitondra ny fanamelohana, mainka hanan-tombom-boninahitra ny fanompoana mitondra ny fahamarinana."* Novonjen'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny asa fanompoan'ny "fahamarinana" ny mpanota, fa tsy "fanamelohana." Ny Fanahy Masina, izay miasa ao anatin'ny sehatr'ilay fanekena vaovao sady manamafy ny asa efa vitan'i Kristy, no mampita ao ampontsika ny fahatsapana fa marina eo imason'Andriamanitra isika. Izany no tena fahamarinana lehibe momba ny fanamarinana amin'ny finoana, izay mira lenta amin'ilay nantsoin'i Paoly hoe "fanekena vaovao." Izao no filazan'i Paoly azy ao amin'ny Rôm. 4:17: Andriamanitra dia "miantso ny tsy misy toy ny misy." Antsoin'Andriamanitra hoe olo-marina aho na dia fantany aza fa mpanota. Antsoiny hoe tsy manan-tsiny aho na dia fantany aza fa olo-meloka. Tsy zavatra noforoporonina araka ny lalàna tsy

akory izy io, fa tena fahaizana mampifandray ny hevitra rehetra ara-tsoratra masina! Toy ireny tsy nanota ireny mihitsy no andraisan'Andriamanitra ahy, tsy hoe mba hamelany ny otako akory na hamelany ahy ao anatin'ny fatoran'izany, fa hanafahany ahy amin'ilay ota kosa, hatrany amin'ny aty fanahy lalina maha-izaho ahy indrindra any.

Mbola ampitain'i Paoly ao amin'ny 2 Kôr. 5:19 ihany koa io fahamarinana io, amin'ny fomba fiteny hafa: *"Andriamanitra ao amin'i Kristy no nampihavana izao tontolo izao, ka tsy nanisa ny fahadisoany."* Raha adika amin'ny dikanteny hafa dia milaza hoe novonjen'Andriamanitra ny mpanota, tamin'ny alalan'ny *"tsy nanisany ny fahotan'ny olona hanameloka azy."* Nasehony tamin'ny alalan'i Kristy ny Tenany, ho efa nihavana tamintsika. Feno famelan-keloka tanteraka sy maimaim-poana ao anatin'ny fony. Tsy mila manao na inona na inona hampidirana an'Andriamanitra ao am-pontsika isika. Efa ao Izy. Tiany avokoa ny mpanota rehetra eto amin'izao tontolo izao, amin'ny fitiavana izay efa avy nampihavanina ary tsy azo sandaina vola. Ny mijery izany, mino izany, ary mihavana Aminy sisa no tokony hataon'ny isam-batan'olona amintsika. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia efa tanteraka tamin'ny alalan'ny Tenan'i Kristy sy ny asany ny tanjona momba ny fahatanterahan'ny famonjena. Tsy misy na inona na inona azontsika atao hahazoana azy io. Tanteraka ny fanandraman'ny tena izany famonjena efa mitoetra izany, raha toa ka raisintsika amin'ny finoana ilay izy, ka Eny no asetrintsika ny fitiavan'Andriamanitra, ny famelan-keloka avy Aminy, ary ny fanekena Azy araka ny naseho tamin'ny fiainana sy ny fahafatesana ary ny fitsanganan'i Jesôsy. Tsy misy tranga hafa ateraky ny finoana, fa dia ny tranga izay efa tanteraka tao amin'i Jesôsy ihany no iorenany.

Ivereno indray ny 2 Kôr. 3 ary raiso ny famaranana lehibe nataon'i Paoly tamin'ny fanazavany ireo fomba fijery roa mahakasika ny lalàna. Andininy 12-18:

*"Koa amin'izany, satria manana izany fanantenana izany izahay, dia sahy tokoa, ary tsy tahaka an'i Mosesy izay nanarona ny tavany tamin'ny fisalobonana, mba tsy hibanjinan'ny Zanak'Isiraely ny faran'izay nihalevona; fa efa donto ny sainy; fa ambaraka androany dia mbola tsy nesorina ihany izany fisalobonana izany, raha vakina ny tenin'ny fanekena taloha, satria ao amin'i Kristy ihany no anesorana izany. Fa misy fisalobonana manarona ny fony ambaraka androany, raha vakina ny tenin'i Mosesy. Kanefa raha miverina amin'ny Tompo izy dia hesorina ihany ny fisalobonana. Ary ny Tompo izany Fanahy izany; ary izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoerana'ny fahafahana. Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy."*

Lazain'i Paoly eto ny toerana misy ny olona izay efa mahafantatra ny Baiboly, kanefa tsy mahay ny Baiboly. Mahay mamaky andalana izy ireo, saingy tsy nohazavaina ny sainy teo am-pamakiana izany. Fantany ny teny, saingy tsy fantany ny Teny. Fantany ny toko sy andininy ary ny tranga, fa tsy hainy kosa ny tena fifandraisana marina nisy teo amin'ny zavatra izay nolazainy. *"Misy fisalobonana manarona ny fony, raha vakina ny tenin'i Mosesy."* Eny tokoa, ny olona teo anivon'ny Isiraely fahiny no tian'i Paoly hambara eto. Tsia anefa, tsy ny Isiraelita ihany no tiany hambara tamin'io. Milaza ny amin'ireo olona rehetra amin'ny vanim-potoana ankehitriny ihany koa izy, izay toa mahalala "fahamarinana" be dia be sady mitory momba ny lalàna, ary noho ny fahamarinana rehetra izay fantany no hiheveran'izy ireo ny tenany hoe *"manan-karena sy efa nihary fananana be ka tsy manan-java-mahory"*, kanefa raha ny tena izy dia *"ory sy mahantra ary malahelo sy jamba ary mitanjaka"* izy ireo (Apôk. 3:17).

Mitory ny fahamarinana kanefa tsy mitory ny Fahamarinana! Izany no tena atao hoe fahajambana! Ry namako Advantista malala, misy fanazavana mamiratra tokony hananantsika ao amin'i Kristy! "Ao amin'i Kristy no anesorana ny fisalobonana," hoy i Paoly. *"Raha miverina amin'ny Tompo izy dia hesorina ihany ny fisalobonana." "Mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra."* Tsy fomba

fijery mahazatra, hiheverana an'i Jesôsy ho toy ny iray amin'ireo foto-pinoana ampianarina ao anatin'ny toriteny mitohitohy tsy akory izany! Tsy topimaso kely tahaka ny hoe i Jesôsy no lohahevitra iray ao anatin'ny lohahevitra maro ka hoe amin'ny takariva faha-6 ao anatin'ny takariva 24 no iresahana ny momba Azy.

Tsia!

"Mijery" no teny nampiasain'i Paoly. Asainy mijery isika, misaintsaina, ary mandinika an'i Kristy amin'ny alalan'ny fibanjinana! Asainy afantoka tanteraka amin'i Jesôsy ny saintsika tsy mizarazara, ny fihetseham-pontsika, ary ny fandalinantsika ny teniny. Rehefa manao izany isika dia holazainy amintsika mazava tsara ny zavatra hitranga amintsika sy ao anatintsika ary ho antsika: "Ovaina avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra isika." Nazavainy teo aloha kely teo hoe misy karazany roa ny voninahitra manoloana antsika – ny voninahitry ny tranga tany Sinay sy ny voninahitry ny tranga tany Kalvary; ny voninahitr'ilay soratra mitondra fanamelohana sy ny voninahitr'ilay Fanahy izay nanao ny asa fanompoan'ny fanomezam-pahasoavan'ny fahamarinana; ny voninahitry ny lalàna izay mitondra fahafatesana ary ny voninahitry ny fanekena vaovao izay mitondra fiainana. Ambarany amintsika ankehitriny, fa eo am-pijerentsika an'i Jesôsy no iainantsika izany fiovana fototra, manan-danja, ary avo indrindra miala avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra izany, avy amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lalàna hahazoana famonjena ho amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy mba hahazoana famonjena.

Safidy roa mazava tsara no napetrak'i Paoly manoloana antsika:

1. Ny fanandraman'ilay fanekena taloha, izay tsy mba tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra mihitsy, izay nitondra ho amin'ny fankatoavana vokatry ny fahatsapana fahamelohana. Ny fomba nandraisana ilay fanekena taloha dia niteraka endrika fankatoavana ivelany fotsiny ihany, sarintsariny, fihatsarambelatsiny, ary mitsaratsara. Fahatsapana ho voatery hankatò ny lalàna fotsiny ihany no fanandramana niainana ilay fanekena taloha, mba hahazoana fanekena avy amin'Andriamanitra.

2. Ny fanandraman'ilay fanekena vaovao dia entanin'ny fahatsapana lalina ny fitiavan'Andriamanitra mitarika ho amin'ny fankatoavana. Ny fanandraman'ny fanekena vaovao dia manentana tanteraka ny ao anaty, ho amin'ny fankatoavana ny lalàn'Andriamanitra, marina, amin'ny fo, tsy misy fahatsapana fahamelohana. Ny fananandramana iainana ny fanekena vaovao dia miseho amin'ny alalan'ny fahatsapana fahafahana satria efa neken'Andriamanitra aho, mialohan ny hankatoavako ny lalàna, ary izany no mitondra hery vaovao entina mankatò avy ao anatiko, izay tsy mbola tsapako mihitsy fahiny.

Tsy nanafoana ny lalàna tsy akory i Paoly. Napetrany mazava tsara araka ny tokony ho izy fotsiny ihany ny fetran'ny herin'ny lalàna, ary nofaritany tsara hoe hatraiza ny sehatra mampanan-kery azy. Tsy nofoanany avokoa tsy akory ny lalàna, fa saingy tsy nekeny kosa ny fiheverana fa ny lalàna no fitaovana ahazoantsika famonjena. Tokana ihany ny antom-pisian'ny lalàna, ary ambaran'ny Baiboly mazava tsara amintsika izany antom-pisiany izany: *"Koa ny lalàna dia mpitaiza antsika ho amin'i Kristy, mba hohamarinina noho ny finoana isika"* (Gal. 3:24,25). Fariseo iray teo anivon'ny Fariseo i Paoly, izay nahatakatra ny famaritana ara-Baiboly manao hoe: ny voninahitry ny lalàna dia nihoaran'ny voninahitr'ilay Kristy velona! Efa niova i Paoly, ary manentana antsika tsirairay avy mba hiova ihany koa izy, *"avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra",* avy amin'ny voninahitry ny lalàna ho amin'ny voninahitry ny filazantsara. Rehefa manao izany fiovana izany isika, dia lasa misy fanavaozana ara-poto-pampianarana matanjaka araka ny anirian'Andriamanitra azy eo anivon'ny maha-Advantista. Ary ho tsapantsika izany rehefa mitranga satria rehefa tonga tokoa izay fotoana izay dia "Fotokevitra tokana ihany no hanjaka, horesen'io fotokevitra tokana io ny fotokevitra hafa rehetra, dia i Kristy izay fahamarinantsika izany" (Ellen White, *Review and Herald*, 23 Desambra 1890).

## ANDRO 3: FANONTANIANA IFANAKALOZAN-KEVITRA

1. Milaza ny lesona fa roa no fomba fandraisan'ny olona io fiheverana momba ny tsy maintsy hankatoavantsika ny lalàna mba hahazoana famonjena io, na hahazoana ny fitiavan'Andriamanitra na ny sitraka avy Aminy:

*"Fankatoavana" be fahatany fotsiny ihany, izay mitarika ho amin'ny fomba fijerin'ny Fariseo sy ny fomba fisaina tia mitsaratsara; na fiezahana mankatò hatrany hatrany, kanefa tsy mahavita manao izany, ka miafara amin'ny fahakiviana tanteraka ary fampiatoana ny fankatoavana.*

   a. Iza amin'ireo sehatra roa diso tafahoatra ireo no tena ironan'ny fiainanao matetika?

   b. Oviana ianao vao tena nahatakatra ny foto-kevitra nampianarina tato anatin'ity lesona ity, izay milaza fa ao amin'i Kristy irery ihany no misy ny famonjena antsika, fa tsy amin'ny lalàna, ary ho tanteraka amin'ny alalan'izany fanekena mahagaga izany ny fankatoavantsika amim-pifaliana?

   d. Raha toa ka efa nitranga tany amin'ny lasa izany fiovana izany dia zarao ny tantara manokana nanamarika ny vokatr'izany fiovana izany teo amin'ny fiainanao. Raha toa ka ankehitriny ianao vao nahatakatra izany dia derao Andriamanitra ary afaka manantena fanandramana hozaraina ianao amin'ny manaraka. Hanova tanteraka ny fiainanao izany!

2. Nolazain'i Paoly fa misy voninahitra ao amin'ny lalàna. Milazà antony roa mahatonga ny Didy Folo ho be voninahitra araka ny hevitrao. Rehefa izany dia nilaza izy fa mihoatra lavitra noho izany ny voninahitra ao amin'i Kristy sy ny fanomezam-pahasoavan'ny famonjena izay sady tanteraka no maimaim-poana. Milazà fomba roa mahatonga ny voninahitr'io fanomezana maimaim-poana io ho be lavitra noho ny voninahitry ny lalàna, araka ny hevitrao.
3. Araka ny hevitrao, inona ilay "fisalobonana" izany manakana ny Kristianina tsara sitrapo tsy hahita io fahamarinana momba ny fahasoavana sy ny lalàna io?
4. Zarao amin'ny hafa ny fomba telo izay ahafahanao miezaka mibanjina an'i Kristy hatrany eo amin'ny fiainanao andavanandro. Manapaha hevitra hampihatra ireo fomba ireo, hitazonanao ny tavany feno fitiavana manoloana anao.

## ANDRO 3: Asa isan-tarika

1. Azonao ampiana na ravahana araka izay tianao ilay sary valo zoro (Octogone).
2. Azonao zaraina ho tarika maromaro na ampiarahana tsiroaroa ny mpanatrika eo am-panaovana ity asa ity, miankina amin'ny isan'izy ireo. Inona no tian'Andriamanitra hataontsika rehefa miteny Izy hoe "aza"? Soraty toy ny teny fikasana ny valiny.

# ANDRO 4

## NY SABATA

### *Fitiavana Mitondra Fitsaharana*

Hitantsika tamin'ny hafatra teo aloha ny fanazavana manan-danja momba ny lalàn'Andriamanitra, ka namelantsika ny tenantsika handray ny fampianaran'ny apôstôly Paoly. Voalohany, hitantsika fa ny fitoriana amin'ny endriky ny fanekena vaovao irery ihany no hany fomba ara-dalàna hitoriana ny lalàna. Mitarika antsika any amin'ny lalana diso ny fitoriana momba ny lalàna izay manamarina fotsiny fa tokony hankatoavina izany kanefa tsy misy ny fanambaràna ny filazantsaran'ny fahasoavana. Faharoa, nomarihintsika fa miasa toy ny mpitaiza izay mitarika antsika ho eo amin'i Kristy ny lalàna mba hanamarinana antsika amin'ny finoana fa tsy amin'ny fankatoavana ny lalàna. Ao anatin'ny sahan'asan'ny lalàna ny maneho ny helotsika mba hilàntsika Mpamonjy, kanefa tsy manana fahefana mamonjy ny lalàna. Farany, nianarantsika fa manana karazana voninahitra ny lalàna. Faritan'i Paoly toy fahefana maneho ny fampiharana fanamelohana, na ny fampafantarana ny helotsika izany voninahitra izany. Fa izao kosa dia ambaran'i Paoly fa ny voninahitry ny lalàna dia efa nihoaran'ny voninahitra lehibe kokoa an'ny fahamarinan'i Kristy, izay mitohy amin'ny alalan'ny asan'ny Fanahy Masina.

Tsy mazava amintsika amin'ny maha-tarika iray antsika ny tiana hambara amin'izany, indrindra ao anatin'ireo dingana fiofanana mahakasika ny foto-pampianarana ara-Baiboly eo amin'ny Advantista sy ny fomba fitoriana. Tena variana nijoro teo amin'ny fanoherana isika, niezaka nanamarina teo amin'ny totolona kristianina fa mandrakizay ny lalàna'Andriamanitra ka noho izany dia mila mankatò azy rehetra ny olona rehetra, anisan'izany ny lalàn'ny Sabata. Lasa nanana firehana hijery ny mpitandrina ny Alahady tahaka ny "mpanohitra" ny teôlôjia isika izay mila resena lahatra amin'ny fitandremana ny lalàna, vokatr'izany dia nandeha tany amin'ny lalana tsy izy ihany koa ny teôlôjiantsika momba ny lalàna. Nomarihin'i Ellen White fa isika Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izao dia lasa manana laza ratsy eo imason'ny Kristianina hafa noho ny tsy fahaizantsika nifehy izany lalàna izany. Toy izao no fomba nilazany ny vokatry ny zavatra nataontsika: "… Miresaka momba ny lalàna ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ny lalàna, kanefa tsy mampianatra na mino an'i Kristy" (Ellen White, *Testimonies to Ministers, pp. 91-92*).

Hiverenantsika io fanambaràna io rehefa avy eo, ary hojerentsika ny heviny ara-tantara fa andeha aloha hotsapaintsika ny lanjan'izany heviny izany. Raha misy ny laza izay tsy irin'ny fiangonana hiatra aminy dia izany. Nantsoina hitory ny filazantsara mandrakizay amin'izao tontolo izao isika, izany hoe ny vaovao mahafaly momba ny fanavotana amin'ny alalan'ny fahasoavana irery ihany, amin'ny finoana irery ihany, ao amin'i Kristy irery ihany, fa tsy amin'ny alalan'ny lalàna. Kanefa izao dia ny mpaminanintsika Ellen G. White mihitsy no miteny amintsika fa ny zavatra tsy tokony ho nataontsika mihitsy no nataontsika, toa nasehontsika fa tsy eo amin'ny sahan'ny fahitantsika i Jesôsy.

Mitohy hatramin'izao izany laza ratsy izany.

Ny evanjelisitra sy pasitora Advantista rehetra dia tokony hiady amin'ny fanamelohana fa mpiankina amin'ny lalàna fotsiny isika. Ny valin'ny fanamelohana antsika dia ny fandavana ny fanamelohana, marina araka ny fijoroantsika amin'ny fahitantsika ny tenantsika ho Laodikianina fa manan-karena sy nitombo fananana ara-poto-pinoana isika ka tsy mila na inona na inona. Kanefa tsy nandà izany i Ellen White. Ny marina aza dia nandany ampahany maro tamin'ny asa fanompoana ara-paminaniana izy naneho amintsika fa nitory ny lalàna tamin'ny fahazavana diso isika ary tsy nazava ny fitoriana ny filazantsara. Nodimandry izy nandresy lahatra antsika hanova fomba, hoy izy:

Naseho ahy foana ny fanentanana ny amin'ny hevitra diso mampidi-dozan'ny fanamarinana amin'ny finoana. Naseho ahy nandritra ny taona maro fa hiasa amin'ny fomba manokana i Satana hampiroaroa saina momba io. Nitoerana ary naseho ny mpiangona ny lalàna'Andriamanitra, izay nanakaiky ny tsy fahalalana an'i Jesôsy Kristy sy ny fifandraisany tamin'ny lalàna tahaka ny fanatitr'i Kaina. (*1888 Materials, p. 810*)

''Toa tsy dia noraharahain'ny olontsika ny fitoriana ny amin'ny nanombona an'i Kristy. Maro ireo izay milaza ho mino ny fahamarinana nefa tsy mahafantatra ny finoana an'i Kristy amin'ny fanandramana (...) Misy hery manome aina amin'ny asa fanompoana. Tokony ho fenoina aina ny misiônera eny amin'ny toerana rehetra mba hahafahan'izy ireo mandroso mampaneno ny trômpetra tsy amin'ny feo tsy mazava fa amin'ny hery avy any an-danitra izay mampifoha tahaka izay hita ao amin'ny fitoriana an'i Jesôsy Kristy irery ihany: ny fitiavany, ny famelan-kelony, ny fahasoavany''. (*1888 Materials, pp. 842, 844-855*)

Nipariitaka nivoaka avy tao amin'ny Fivoriambe Maneran-tany tamin'ny 1888 ireo fanambaràna ireo sy ny maro hafa toy ireo, koa ka nentin'Andriamanitra teo amin'ny fotom-pinoan'ny Advantista tamin'ny alalan'ny lehilahy roa antsoina hoe Ellet Joseph "E.J." Waggoner and Alonzo T. Jones ny filazantsara. Tao amin'ny asa soratra izay anisan'ny manan-karena indrindra nosoratan'i Ellen White dia nambarany fa toy izao no fomba nitorian'ireo lehilahy ireo:

''Ny Tompo, tao amin'ny famindrampo beny, nandefa hafatra sarobidy indrindra ho an'ny olony tamin'ny alalan'i Loholona Waggoner sy Jones. Izany hafatra izany dia ny hitondrana eo amin'ny olona bebe kokoa momba ny Mpanavotra izay nakarina sy ny fanatitra noho ny fahotan'izao tontolo izao. Naneho ny fanamarinana amin'ny finoana ao amin'ny fiarovana ary nanasa ny olona handray ny fahamarinan'i Kristy izany, izay miseho rehefa mankatò ny lalàn'Andriamanitra rehetra. Maro no tsy nahatazana an'i Jesôsy. Tokony ho natodik'izy ireo tany amin'ny Fahamasinany sy ny Sitrany ary ny Fitiavany tsy miova ny fianakavian'olombelona ny mason'izy ireo. Nomena teo an-tanany ny fahefana rehetra mba hahafahany manome fanomezana sarobidy ny olona, ny fanomezany ny fahamarinany tsy voavidim-bola ho an'ny olombelona kely hery. Izany no hafatra nasain'Andriamanitra holazaina amin'izao tontolo izao. Izany no hafatry ny anjely fahatelo, izay lazaina amin'ny feo mafy, ary arahin'ny firotsahan'ny Fanahiny mivatravatra.''(*Testimonies to Ministers, p. 91.2*)

Ary momba izany ihany no nanohizany hoe: "Tokony homena ny fiangonana amin'ny fomba mazava sy miavaka tsara ny hafatry ny filazantsaran'ny fahasoavany mba tsy hilazan'ny olona intsony fa miresaka momba ny lalàna, ny lalàna hatrany ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito fa tsy mampianatra na mino an'i Kristy" (*Testimonies to Ministers, pp. 91-92*). Famaritana mahafinaritra ny maha-Advantista no tokony ho nisy ary mbola mety hisy. Alao sary an-tsaina ny tanjaky ny asa fitoriana raha ny tonga voalohany ao an-tsain'ny olona vao mahaheno ny hoe Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izy ireo dia toy ny hoe: "Eny, io ilay fiangonana tsy mitsahatra ny miresaka momba ny fitiavan'Andriamanitra ny olon-drehetra."

Toa tsy mampino izany, sa tsy izany?

Hirodorodo ho aty amin'ny fiangonantsika ny olona. Ho tonga ny tomany mafy sy ny ranon'orana farany na tsy misy ny ezaka mafy tsy misy fiafarana avy aty amintsika aza, satria hitory ny hafatra isika izay eken'ny Fanahy Masina amin'ny heriny. Hofantarintsika ao amin'ity hafatra ity ny fahafahan'ny iray amin'ny foto-pinoantsika manokatra ny masontsika ary mandrisika fifohazana marina amintsika - mifototra amin'ny fahamarinana tokana izay ifotoran'ny fifohazana marina - fahamarinana lehiben'ny fanamarinana amin'ny finoana, fantatra amin'ny hoe filazantsara.

Ny fahamarinana ara-Baiboly mahakasika ny Sabata ny foto-pinona lazaina eto.

Amin'ny maha-olona antsika dia nihena ho adihevitra mahakasika ny andro tena izy sy ny tsy tena izy fotsiny ny Sabata. Anontanio anie ny ankamaroan'ny mpino Advantista hoe: "Ananantsika ve ny fahamarinana momba ny Sabata?" Hiredona ny valiny azonao hoe: "Amena!"

Anontanio indray hoe: "Inona no fahamarinana amin'ny Sabata?" Hamaly tahaka izao indray ny olona: "Ny andro fahafito no Sabata fa tsy ny andro voalohany!" "Sabotsy izany fa tsy Alahady!" "Novan'ny fiangonana Katôlika ho Alahady fa tsy Sabotsy ny Sabata!"

Marina sy manan-danja avokoa izany rehetra izany kanefa tsy izany no fahamarinana fonosin'ny Sabata. Hadinontsika ny tena hevitry ny Sabata rehefa mametra izany amin'ny fiezahana manamarina fa tokony hankatò ny didy fahefatra ny olona. Ho fakafakaintsika ao anatin'ity hafatra ity ny hevitra rehetra momba ny Sabata ary tena mahatalanjona ny zavatra ho hitantsika. Andeha àry haverintsika jerena ny Sabata ary hahita isika ny harena sarobidin'ny filazantsara izay ananantsika Advantsita eo ambany masontsika.

**Fitsaharana Niorina Tao Anatin'ny Tantara**

Andeha hanomboka isika amin'ny fijerena ao amin'ny Genesisy ny endriky ny Sabata tamin'ny voalohany indrindra. Amin'ity fotoana ity, mba tsy hilazana hoe toko 2:1-3 entina manamarina fa nomena tany Edena ny Sabata ka tokony hotandreman'ny olombelona rehetra fa tsy ny Jiosy irery ihany, dia hijanona kely aloha isika mba hijery manokana ny antony ara-tantara nametrahana ny Sabata. Ho hitantsika ny fahamarinana mahafinaritra fonosin'ny Sabata raha jerena ny tantara rehetra momba ny nipoirany. Hitantsika ao amin'ny Genesisy 1 sy 2 fa fomba kanto no narahin'Andriamanitra tamin'ny famoronana: *namorona* toerana avy eo *nameno* ireny toerana ireny tamin'ny aina. *Namorona* toerana ny Mpamorona tamin'ny andro telo voalohany tamin'ny alalan'ny fanasarahana ny singa mandrafitra ny famoronana. *Nameno* ireo toerana ireo tamin'ny zava-manan'aina kosa Izy tamin'ny andro telo manaraka.

*Namorona* ny habakabaka sy ny tany ary nanasaraka ny mazava sy ny maizina Andriamanitra tamin'ny andro voalohany, avy eo *nameno* izany toerana izany tamin'ny masoandro sy ny volana ary ny kintana Izy tamin'ny andro fahefatra. *Namorona* ny rano sy ny lanitra Andriamanitra tamin'ny andro faharoa, avy eo *nameno* ireny toerana ireny tamin'ny trondro sy ny vorona Izy tamin'ny andro fahadimy. *Namorona* ny tany maina Andriamanitra tamin'ny andro fahatelo, avy eo *nameno* ny tany tamin'ny biby sy ny olombelona tamin'ny andro fahenina. Izay vao tonga ny fara tampon'ny famoronana: namorona ny Sabata Andriamanitra ary nameno izany tamin'ny Tenany. Toerana manokana ny Sabata satria tsy toerana hita maso fa toerana hifandraisana, tsy feno zavatra azo tsapain-tanana fa amin'ny fitahiana avy amin'ny fanatrehan'Andriamanitra.

*"Dia vita ny lanitra sy ny tany sy izay rehetra ao aminy. Ary tamin'ny andro fahafito dia vitan'Andriamanitra ny asa efa nataony; ary dia nitsahatra tamin'ny andro fahafito Izy tamin'ny asany rehetra izay efa nataony. Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy, satria tamin'izany no nitsaharan'Andriamanitra tamin'ny asany rehetra izay noforoniny tamin'ny nanaovany azy."* (Gen. 2:1-3)

Tsy ny fitsaharana noho ny faharerahana ara-batana izay ilàna torimaso ny fitsaharana faritana eto fa fitsaharana amin'ny lafin'ny fahafaham-po izay ilàna fifaliana. Tsy reraka Andriamanitra, faly Izy, afa-po, tanteraka. Nanome, nanome, nanome Izy; nandrotsaka ny heriny mba hamorona. Vitany ny asany ka mandray fahafaham-po ho an'ny tenany Izy amin'ny fitiavana avy amin'ny zavaboariny. Izany no drafiny ho antsika, mba ho "tahiny" aloha isika amin'ny alalan'ny fitsaharana, avy eo afaka ny hampiasa ny heritsika rehetra isika ho Azy sy ho an'ny tsirairay. Ary *notahin'*Andriamanitra ny andro fahafito. *Manokana* na *miavaka* no dikany ara-bakiteny. Nomen'Andriamanitra antsika ny Sabata mba ho fotoana manokana hifaliantsika ny amin'ny fiarahantsika Aminy, ary ho fampatsiarovana antsika lalandava fa anisan'ny fitia mifamaly no tena ifandraisantsika Aminy.

Fa tsy izay ihany. Mbola tsara noho izany ny tohin'ny tantara.

Mariho fa tany amin'ny tapany faharoa tamin'ny andro fahenina no noforonina ny olombelona, rehefa vitan'Andriamanitra ny "asa" rehetra ary efa ho "vita" ny famoronana. Tsy nandray anjara tamin'ny Famoronana izany ny olombelona, na nahita ny niasan'Andriamanitra tamin'ny famoronana. Alao sary an-tsaina ny zava-nitranga. Nifoha i Adama, nifanakaiky tamin'ny tarehiny ny tarehin'ny Mpamorona. Nifanojo ny mason'izy ireo. Fotoana toy inona re izany e! Miteny Andriamanitra zavatra toy ny hoe *"Manahoana! Tongasoa amin'ny fahariana! Izaho no Mpamorona anao ary noforoniko ireo fahatsarana rehetra ireo ho anao"*. Misy zavatra amin'izay fotoana izay tsy maintsy ilaina mba hisian'ny fifandraisana: finoana ary fahatokiana fa marina izay zavatra lazain'Andriamanitra aminy. Tonga amin'izany Paoly ao amin'ny Heb. 11:1: *"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita."* Avy eo ny andininy 3: "*Finoana no ahafantarantsika fa ny tenin'Andriamanitra no nanaovana izao tontolo izao, ka dia tsy izay zavatra miseho no nanaovana izao zavatra hita izao."*

Tsy nahita an'Andriamanitra namorona ny zavatra rehetra i Adama kanefa nahatsapa fahatokiana, fiankinan-doha, fitsaharana mahafinaritra ao amin'Ilay miresaka aminy izy tao anatiny. Niforona tao amin'ny maha-izy azy ny finoana. Tsapany fa tiana izy ary mitarika fahatokiana avy ao am-pony ny fitiavan'Andriamanitra. Namorona an'i Eva avy eo Andriamanitra. Fa tsy nitodika tany amin'i Adama Izy ka nanao hoe: "Jereo izao!" dia izay, fa noforonina teo imason'i Adama izy. Tsia. Nampatoriny i Adama izay vao namorona an'i Eva Izy. Eva ihany koa, tahaka an'i Adama, dia nifoha mba hiaina amin'ny finoana ary rehefa nanokatra ny masony indray i Adama mba hatoky ny tenin'ny Mpamorona azy fa avy amin'ny herin'ny famoronan'Andriamanitra io zavaboary izay tsara indrindra mitsangana eo anoloany io. Indreo fa nitsangana ireo, ny lehilahy sy ny vehivavy, ao anaty zaridaina tsara tarehy raisina tamin'ny finoana tahaka ny fanomezana maimaim-poana izay zavatra nanodidina azy ireo. Ary raiso ity: ny Sabata no andro feno niainan'izy ireo voalohany. Nitsahatra aloha izy ireo, nibanjina fa tsy afaka misaraka amin'ny Mpamorona azy, avy eo rehefa nahazo hery avy amin'ny fitiavany, nandeha niasa nikarakara ny zaridaina ireo tamin'ny andro voalohany.

Mampita hafatra manan-danja ny tantaran'ny Famoronana izay mametraka an'i Adama sy Eva eo amin'ny toeran'ny mpandray ny asa vita: *Zavaboarin'ny fitsaharana isika olombelona talohan'ny naha-zavaboarin'ny asa antsika.* Noforonina ara-tsaina, na ara-pihetseham-po, na ara-pifandraisana isika mba *handray* avy amin'Andriamanitra alohan'ny hamerenana izany any amin'Andriamanitra sy ny hafa. *"Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha."* (1 Jao. 4:19)

**Ny Fitohizan'ny Famoronana-Fanavotana**

Eny àry, nianarantsika voalohany izany fa tsangam-bato fahatsiarovana ny asa famoronana vitan'Andriamanitra ny Sabata, izay mampahatsiahy antsika ny toerantsika tamin'ny famoronana, tahaka ny mpandray mahatoky ny fitiavany. Ho hitantsika indray izao fa tsangam-baton'ny fanafahana ihany koa ny Sabata. Mazava ny fifandraisana vantany vao hitantsika izany. Misy antony mazava tsara mahatonga ny Sabata ho sady tsangam-baton'ny famoronana no tsangam-baton'ny fanavotana; izao manaraka izao izany: natao tamin'ny herin'ny famoronan'Andriamanitra irery ihany izy roa ireo. Asa famoronana indray avy amin'Andriamanitra ny Fanavotana. Ho hitantsika ao anatin'ny tantara ao amin'ny Soratra Masina izay lazaina amin'ny hoe tohin'ny famoronana-fanavotana. Jereo ny fomba mahafinaritra hivahan'izany.

Manomboka amin'ny teny hoe*: "Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany"* (Gen. 1:1) ny Testamenta Taloha, manaraka avy eo ny tantaran'ny famoronana, ny "Misia mazava" sy ny sisa. Ny Filazantsara nosoratan'i Jaona ao amin'ny Testamenta Vaovao ihany koa manomboka amin'ny hoe: *"Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra"* (Jao. 1:1), manaraka aorian'izay ny tantaran'ny fanavotana. Ny fanambaràna voalohan'ny famoronana ao amin'ny Genesisy 1 dia ny hoe: *"Misia mazava, dia nisy mazava"* (Gen. 1:3). Ny fanambaràna volohan'ny fanavotana ao amin'ny Jaona 1 dia ny hoe: *"Izy no nisiam-piainana;*

*ary ny fiainana no fanazavana ny olona. Ary ny mazava dia namirapiratra tao amin'ny maizina; fa ny maizina tsy nandray azy"* (Jao. 1:4, 5).

Ao amin'ny Genesisy 1, noforonina hitondra ny endrik'Andriamanitra ny olona voalohany: *"Andeha isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika"* (Gen. 1:26). Ao amin'ny Jaona 1, Jesôsy no lehilahy vaovao hanafaka amin'ny fahalavoan'i Adama, ary hampiseho ny endrik'Andriamanitra tsy misy pentina: *"Ary ny teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika: ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana"* (Jao. 1:14).

Ao amin'ny Genesisy, rehefa "vita" ny asa famoronana nataon'Andriamanitra, *"ary tamin'ny andro fahafito dia vitan'Andriamanitra ny asa efa nataony; ary dia nitsahatra tamin'ny andro fahafito Izy tamin'ny asany rehetra izay efa nataony"* (Gen. 2:2). Ao amin'ny Jaona, rehefa hamarana ny asa fanavotana oJesôsy, ampiasainy ny fomba fiteny ny andro fahafito ao amin'ny Genesisy 2 ka hoy Izy tamin'ny Rainy: *"Vitako ny asa nomenao Ahy hataoko"* (Jao. 17:4). Ary raha niombo teo amin'ny hazo fijaliana Izy dia nanao tamin'ny feo mafy hoe: *"Vita"* (Jao. 19:30). Manambara amintsika ny andininy manaraka fa "andro fiomanana" tamin'izany, na Zoma, tamin'ny nanambaran'i Jesôsy fa "vita" ny asa fanavotany ary nitsahatra tao am-pasana Izy ny andro Sabata.

Hitantsika fa mazava tsara ny fanambaràn'ny Baiboly momba ny fifamatoran'ireo tantara roa ireo: ny tantaran'ny famoronana ary ny tantaran'ny famoronana indray; ary ny Sabata no teboka farany ambony manamafy ireo tantara ireo. Mahavariana sy mahery izany satria raha jerena amin'ny maha-izy azy ara-tantara ny Sabata dia tsy tokony hampiankina be amin'ny lalàna. Manafoana ny famonjena amin'ny alalan'ny asa vita ka mampifantoka ny fahatokiantsika rehetra ao amin'i Kristy ny Sabata amin'ny fandikana azy ho fahavitan'ny asa famoronana sy ny asa fanavotana. Indrisy fa nodinganitsika ny filazana izany fahamarinan'ny Sabata izany ka nijanona teo amin'ny fanamarinana aamin'ny alalan'ny asa soratra ny amin'ny andro tena izy sy ny tsy izy fotsiny isika. Raha nazonitsika ho tsangam-baton'ny fahatsiarovana ny famindram-pon'Andriamanitra ny Sabata dia mba ho voasoroka ny fiantsoana antsika ho mpiankina amin'ny lalàna fotsiny ka ho nahaliana kokoa ny fijoroantsika ho vavolombelona amin'izao tontolo izao.

Novan'ireo Fariseo tamin'ny andron'i Jesôsy ho lalàna hikapohana sy hitsarana ary hanamelohana olona ny Sabata. Naverintsika ny tantaran'ireo tamin'ny fombantsika, avy amin'ny fomba fijerintsika. Nahare mpitandrina iray aho taona maro lasa izay nanontany tanora Advantista iray hoe: "Midika inona aminao ny Sabata?" Nieritreritra kely ilay tovolahy ary namaly hoe: "Mipetraha, aza miteny intsony, ary mandokoa, raha tsy izany ianao dia handray ny mariky ny bibidia." Mety mahatsikaiky izany ho an'ny hafa kanefa dia mampiseho ny fahatsapan'ny Advantista ny Sabata amin'ny ankapobeny izany valinteny izany. Niezaka ny hampijery antsika ny lalàna ao amin'ny fahazavan'ny filazantsara i Ellen White. Nisy fotoana nanao izy hoe: "Tsy tokony horaisintsika ho toy ny fandrarana ny didy folo fa famindrampo" (*Selected Messages, vol. 1, p. 235*).

Tao anatin'ny fotoana iray hafa no nanoratany hoe: "Teny fikasana folo ny Didy Folo, izay milaza hoe'izao atao'sy hoe'aza'" (*Bible Echo*, June 17, 1901). Tena mitombina tanteraka mihitsy izany ho an'ny didy fahefatra. Ny Sabata akory dia tsy midika hoe tsy afaka manao an'ity sy iry isika ao anatin'ny 24 ora indray mandeha isan-kerinandro, fa fahatsiarovana kosa ny zavatra nataon'Andriamanitra ho antsika ary mbola ataony ho antsika amin'ny alalan'ny fahasoavany be famindrampo. Raha ny foto-kevitra rehetra manerana ny tantara ara-Baiboly no jerena, ny Sabata dia fampahatsiahivana ny fianteherantsika tanteraka amin'i Jesôsy mba hahazoana famonjena, noho izany dia mifanohitra tanteraka ny fankatoavan-dalàna be fahatany fotsiny ihany izy io.

**Ny Gadon'ny Fahasoavana tsy terena**

Tsy mahagaga izany raha toa ka fitsaharana amin'ny fanahiana vokatry ny fiezahana fatratra mitady sitraka avy amin'Andriamanitra, no namaritan'i Jesôsy ny famonjena: *"Mankanesa atỳ Amiko, hianareo*

*izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. Ento ny ziogako ka mianara Amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho, dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo ianareo. Fa mora ny ziogako ary maivana ny entako"* (Mat. 11:28-30). Ny "asa fatratra" izay hanoloran'i Jesôsy "fitsaharana" eto izany dia tsy asa vatana, fa fanahiana ara-pihetseham-po vokatry ny fiezahana fatratra maneho endriky ny toetran'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fomba diso, izay mahatonga antsika hino fa miankina amin'ny asa vitantsika no hanekeny antsika. Mazava tsara amintsika fa tena izany no tiany hambara satria manolotra fitsaharana ho an'ny "fanahintsika" Izy, izay antsoina hoe "psyche" amin'ny teny grika nanoratana azy tany am-piandohana. Izao no tiany hambara raha hadika mivantana: "Tiako hafahana amin'ny asa fatratra ny sainao." Izany no fitsaharana lalina izay tena ilaintsika: ny fitsaharana ao anatin'ny fahafantarana fa tia antsika Andriamanitra ary mamonjy antsika amin'ny alalan'ny fahasoavany, fa tsy vokatry ny fahampian'ny asa vitantsika ka mahatonga antsika ho mendrika handray ny fitiavany.

Rehefa miditra amin'ny fitsaharana atolony isika dia hahita fa tsy Andriamanitra masiaka na mpandidy be fotsiny Andriamanitra. Mifanalavitra tanteraka amin'izany mihitsy Izy. Rehefa mazava tsara amintsika mihitsy ny ao am-pon'Andriamanitra, dia ho hitantsika fa tena "mora" sy "maivana" ny manompo Azy. Nahoana? Satria izany indrindra no fomba fiasan'ny fitiavana. Mandamina tanteraka ny fomba fijerin'olona iray ny atao hoe mavesatra sy mafy izy io. Zavatra tsy dia fahitan'olona iray izay tena tia, izany fomba fijery ny *vesatra* sy ny *hamafisana* izany. Izao no fomba nilazan'i Ellen White azy io:

''Tsy tokony hitoky amin'ny tenantsika na ny asa tsara ataontsika be loatra isika; fa amin'ny maha-olombelona mpanota sy mpania antsika no anatonantsika an'i Kristy, ary ahitantsika fitsaharana ao anatin'ny fitiavany. Eken'Andriamanitra avokoa ny olona rehetra izay manatona Azy ka matoky tanteraka ny fahamendrehan'ilay Mpamonjy voaombo tamin'ny hazo fijaliana. Mamòny ao am-po ny fitiavana. Mety tsy hisy fifaliambe ho tsapa, saingy misy fahatokiana mitoetra maharitra ao anatin'ny fiadanana kosa. Maivana avokoa ny enta-mavesatra rehetra, satria maivana ny zioga izay asain'i Kristy lanjaina. Lasa mahafaly ny andraikitra tontosaina, ary fahafinaretana no azo ao anatin'ny fanoloran-tena.''(*Faith and Works, p. 38*)

Endrey! Tena mahafinaritra erỳ izy izany!

Mahita fanandramana tsara mihoatra noho izany ve ianao?

Mazava ho azy fa tsy mahita!

Rehefa nilaza i Jesôsy hoe*: "Mankanesa atỳ Amiko hianareo izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana,"* dia nanolotra fiainana feno fahafahana izay tsy takatry ny saina mihitsy Izy. Misy dikan-teny hafa nandikana ny Baiboly milaza mazava toy izao: "Fantaro ny gadon'ny fahasoavana tsy terena" (*The Message*).

Tsy terena…

Mitsahatra aho.

Gadona…

Kanefa mbola mihetsika aho.

Fahasoavana…

Satria ny fitiavan'Andriamanitra izay tsy mendrika ahy no manetsika ahy avy ao anaty.

Ny fitiavana tsy misy faneriterena no fototry ny fitsipika iorenan'ny toetran'Andriamanitra sy mampandroso ny asa ao amin'ny fanjakany. Tamin'ny alalan'i Jeremia mpaminany no nilazan'Andriamanitra ny fony miantefa amintsika sy ny fomba famonjeny antsika: *"Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao"* (Jer. 31:3).

Tena mahagaga tokoa izany. Mariho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy ny fihetseham-pony ho antsika ary ny fomba hanatonany antsika. Koa satria tia antsika Andriamanitra, dia miezaka

manatona antsika hatrany Izy, amin'ny alalan'ny hery miasa mangina izay mahasarika vokatry ny hatsaran-toetrany be fitiavana, fa tsy manery antsika amin'ny alalan'ny fahefana avo ananany na manery antsika hanaraka izay tiany amin'ny alalan'ny fahendrena avo indrindra ananany. Ny hisarika antsika ho eo Aminy sy hampahery antsika no hany tanjon'Andriamanitra.

Izay ihany.

Efa be dia be izany.

Efa tena goavana mihitsy ary.

Tsy misy asa lehibe azo vinavinaina, eny, na dia ho an'Andriamanitra Avo Indrindra aza, satria mety mahatalanjona ihany ny fahitana fa manana safidy malalaka hiteny hoe "tsia" ara-bakiteny mihitsy izaho sy ianao, eo anatrehan'Andriamanitra. Tonga nanatanteraka ilay asa sarobidy nanavotana antsika tamin'ny fahotana izany Izy, kanefa dia mbola navelany tamintsika ihany ny fahafahana misafidy, tsy nanombinany, tsy nokitihiny, ary tena azo ampiasaina tsara.

Andriamanitra manao ahoana re izany e!

Nazava tsara tamin'i Ellen White fa "Ny fitiavana no fitaovana nampiasain'i Jesôsy nentina nanaisotra ny fahotana avy ao am-po" (*Thoughtsfrom the Mount of Blessing, p. 76*). Ny fahasoavana no endrika isehoan'ny fitiavan'Andriamanitra rehefa mifandray amin'ny mpanota. Tena ampy tokoa ny fahasoavana satria sady manafaka ahy izy io no mambabo ahy. Amin'ny fotoana izay ahatsapako fa tsy misy na inona na inona azoko atao tokoa hahazoana sitraka avy amin'Andriamanitra, ary manana fahafahana hiteny hoe "Tsia" aho manoloana ny sitrapony, no hilazako tsy amim-pisalasalana mihitsy hoe "Eny." Raha toa kosa anefa aho ka mino ara-tsaina na ara-pihetseham-po, ny lainga mahakasika ny fahazoana famonjena vokatry ny asa ataon'ny tena, dia mandringa ara-panahy aho, tsy afa-mihetsika, ary resy. Miasa fatratra aho eo am-panatonana an'Andriamanitra, miaraka amin'ny fahatsapana fahamelohana, ary mampalemy ahy izany fahatsapana fahamelohana izany fa tsy mba manamafy ny fikasana ao anatiko. Izao no fampitandremana sy fanentanana nolazain'i Ellen White:

''Tsy tokony hifantoka be loatra amin'ny tena isika, ka hampanjaka ny ahiahy sy ny tahotra ny hovonjena ve sa tsia. Mampitodika ny saina tsy hibanjina ilay Loharanon'ny herintsika mantsy izany. Apetraho amin'Andriamanitra ny fitandroana ny fanahinao, ary matokia Azy. Resaho sy saintsaino ny momba an'i Jesôsy. Aoka hiafina tanteraka ao Aminy ny tena. Ario avokoa ny fanahiana rehetra; esory ny tahotra ao anatinao. Miaraha miteny amin'ny apôstôly Paoly manao hoe: *"Ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko, fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy."* Gal. 2:20. Fitsaharana ao amin'Andriamanitra'' (*Steps to Christ, p. 71*)

Mampilamin-tsaina tanteraka ny fahalalana fa ny vokatry ny asan'i Jesôsy fa tsy vokatry ny asako ny famonjena ahy. Izany no fitsaharana atolotr'i Jesôsy. Mihoatra noho ny fitsaharana anefa no atolony, satria misy tanjaka ihany koa manaraka izany fitsaharana izany! Rehefa mitsahatra ao amin'i Kristy irery ihany aho mba ho famonjena ahy, ny fahasoavany dia manetsika ahy, manome hery ahy, ary manentana ahy miaraka amin'ny tosika maherin'ny fitiavana tsy misy fangarony, izay hany fototry ny fankatoavana. Mientana avokoa ny ao anatiko ao, vokatry ny gadon'ny fahasoavana tsy an-tery. Toa lasa misy lanjany be kokoa mihoatra noho ny taloha tampoka teo izany ny Sabata.

Mazava ho azy aloha fa fiheverana ara-teôlôjia.

Tafiditra ao ihany koa anefa ny ara-pihetseham-po.

Sy ny ara-pifandraisana

Tsapako mifanatri-tava, mifanakaiky fo, amin'ilay Andriamanitra izay efa tia ahy aho, efa nankasitraka ahy, ary efa nanaiky ahy, tsy vokatry ny zavatra nataoko mba ho mendrika handray ireo, fa satria tsara tsotra izao Izy. Ary ankehitriny, amin'izao fotoana izao, noho ny fahatsapana izany, no

hitsaharako. Izany no tena izy momba ny fahamarinana mahakasika ny Sabata.

**ANDRO 4: Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra**

1. Indrisy fa samy mahalala ny tantaran'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito (isika tokoa moa izany?) izay nanana fihetsika nitsaratsara ny hafa tamin'ny alalan'ny fomba tsy misy fitiavana isika rehetra. Manokàna fotoana hizaràna tantara momba ny Advantista izay fantatrao fa naneho ny voninahitry ny fitiavan'Andriamanitra tsy misy fepetra teo amin'ny asa nataon'izy ireo.
2. Milaza ny lesona hoe nahary ny andro fahafito Andriamanitra ary nofenoiny ny fanatrehany izany. Manatrika ao anatin'ny andro tsirairay avy ihany koa anefa Andriamanitra, sa tsy izany? Amin'ny alalan'ny fomba ahoana no mahatonga ny fanatrehan'Andriamanitra hiavaka amin'ny Sabata? Ahoana no hahafantaranao izany?
3. Ahoana no fahatsapanao ny tenanao? Mitsahatra ve izay vao miasa sa mitsahatra mba "haka aina" sy hanovo hery vaovao iatrehana asa? Inona no zavatra mety hitranga amin'ny fiainanao raha toa ka ilay safidy voalohany no tena mahazatra anao fa tsy ilay faharoa?
4. Manao ahoana ny fihetseham-ponao manoloana ny fiheverana fa ny tantaran'ny famorona sy ny tantaran'ny fanavotana dia mifanindry an-dalana, ka ny Sabata no ivo ifandraisan'izy roa ireo? Inona no fanovana entin'izany eo aminao?
5. Ahoana no ahafahanao manomboka miala sasatra ao anatin'ny "gadon'ny fahasoavana tsy terena"? Ataovy mazava tsara ny valinteny.

**ANDRO 4: Asa isan-tarika**

Azonao ampiana na ravahana araka izay tianao ilay sary misy valo zoro (Octogone).

1. Zarao ho tarika telo mifandanja tsara ny olona rehetra.
   - Asaivo manohitra ny Sabata ny tarika iray
   - Asaivo manohana ny Sabata ny tarika iray.

Asaivo mitady fomba hampiasana ireo fitsipika tato anatin'ity lesona ity ilay tarika fahatelo, ho fampirisihana ilay tarika voalohany hanandrana ny fitsaharana sy ny fialan-tsasatra (na efa nahazo izany izy ireo na tsia), ary hanao izay hahatsapany ilay "gadon'ny fahasoavana tsy terena''sy ny fitiavan'Andriamanitra mandrakizay.

2. Indro misy fomba iray hahafahana manatanteraka izany raha toa ka ampy ny fotoana: Voalohany, asaivo mifanakalo hevitra momba izany ao anatin'ny 30 segôndra hatramin'ny iray minitra ny solontena iray avy ao amin'ny tarika 1 ary iray hafa avy ao amin'ny tarika 2.
   - Anontanio ilay olona avy ao amin'ny tarika 1 hoe niova ve ny heviny sa tsia. Rehefa izany dia miantsoa olona iray avy ao amin'ny tarika fahatelo indray, mba hampahery ilay olona avy ao amin'ny tarika 1 sady hametraka fanontaniana indray. Azonao atao mifandimby ireo tarika fa saingy toy izay hatrany ny firindrany: tarika 1 sy 2 aloha no mifanakalo hevitra, rehefa izany dia miezaka mampahery ny tarika 3, ka manolotra ny fitsaharana izay ilainy, ho fanomezana.

# ANDRO 5

## NY FITOERANA MASINA

### *Fitiavana mitondra famindrampo*

Fony mbola tovovavy i Ellen white dia nahita fahitana momba  ny tempoly goavambe iray. Izao no nosoratany:

'Nanonofy aho, ka nahita tempoly ary olona maro no nitangorona hankao. Izay nialoka tao amin'io tempoly io ihany no hahazo ny fanavotana rehefa tonga ny fe-potoana." Nahatsapa fahamaizana hamonjy fialofana tao anatin'ilay trano lehibe izy tao anatin'ilay nofy, kanefa natahotra ny hihomehezan'ireo andian'olona mpanatsafa. Tanaty tahotra iny izy no nandroso hanatona moramora ilay tempoly. Teo am-pidirana dia nahita avy hatrany izy fa noravahana sy nomena endrika miala amin'ny mahazatra ary mahatalanjona ilay trano lehibe.''Rehefa niditra tao anatin'ilay trano lehibe aho dia nahita fa midadasika sy niantehitra tamin'ny andry goavambe iray ilay tempoly''.

Mahaliana!

Indro nisy trano midadasika, ary izay rehetra teo aminy dia niantehitra tamin'ny "andry goavambe iray". Rehefa nandinika izay nety ho dikan'izany izy dia nahatsikaritra zavatra iray momba io andry io." Nisy Zanak'ondry voarotidrotika sy nandeha ra voafatotra teo (teo amin'ilay andry). Izahay izay nanatrika teo dia toa nahafantatra fa io zanak'ondry io dia voaviravira sy fola-dra noho ny aminay." *Early Writings, pp. 78-79*).

Ah, hitanay ihany ny hevitra nofonosin'ilay fahitana ankehitriny.

Nasehon'Andriamanitra tamin'i Ellen White izay mbola tanora erotrerony teto fa io tempolin'ny fahamarinana io, izay nasehony ny olony  ao amin'ny fiangonana Advantista, dia hahita ilay andry goavam-be fiankinana eo amin'ny hazo fijalian'ny Kristy. Zava-dehibe ny fifantohana manokana eo amin'ny hazo fijaliana mba hahazoana mazava tsara ny rafitra ara-teôlôjika iray manontolo. Tokony hazonina hazava tsara ny fijery an'i Jesôsy, toy ny fijery ny hevi-dehibe amin'ny fahamarinana tsirairay avy. Araka ny hevitra asehon'ilay "andry", dia nanoratra i Ellen White tatỳ aoriana fa ny hazo fijaliana " no andry afovoany izay hianteheran'ny lanjan'ny voninahitra izay mihoatra loatra na mavesatra be izay ho an'ireo manaiky ny hazo fijaliana. Eo ambany sy manodidina ny hazo fijalian'i Kristy, izay andry tsy ho faty mandrakizay, ny fahotana dia tsy ho afaka hanohitra ary ny fahadisoana tsy hahazo ny fifehezana.. (*SDA Bible Commentary, Vol. 7A, p. 457*).

Ary amin'ny fotoana hafa, na dia eo ambanin'ny fahazavana lehibe aza, dia nanoratra izao teny izao izy: " Misy fahamarinana lehibe iray izay tokony hazonina an-tsaina eo amin'ny fitrandrahana ny tenin'ny Soratra Masina. — Kristy sy Izy nombohina teo amin'ny hazo fijaliana. Nampidirina tamin-kery lehibe ny fahamarinana hafa tsirairay mba hiantraika arakaraka ny fifandraisany amin'ny lohahevitra." (*The Faith I Live By, p. 50*). Mazava sy hentitra ary maneho fankafizana ny fijeren'i Ellen White ny fahamarinana rehetra teo amin'ny fahazavana izay nipoitra avy eo Kalvary. Ny hazo fijalian'i Kristy, izay nijalian'i Jesôsy sy nahafatesany noho ny fitiavany tonga lafatra ny olombelona, no  andry afovoany izay mihazona ny firafitry foto-pampianarana  ijoroan'ny ny fahamarinana. Rehefa esorintsika tsy ho anisan'ireo hevitra marina sy mendrika hotohanana sy porofoina ny fahamarinana, dia mampihen-danja azy amin'ny heriny manome famonjena izany. Kanefa vantany vao manaiky isika fa varavarankely mitondra any amin'ny fitiavan'Andriamanitra ny foto-pampianarana tsirairay avy, dia mamiratra ilay hatsarany marina ary ny heriny marina ho tonga asa. Eny àry, iny teny fampidirana iny no manomana antsika hahafantatra ny hevitra fototra ijoroan'ilay iarahantsika miantso hoe Fitoerana Masina.

**Misy lalana misokatra eo anoloantsika**

Nahita lalana ny mpanjaka Davida rehefa nijery ny Fitoerana Masina. Izao no voalazany ao amin'ny Sal. 77:13: *"Andriamanitra ô, amin'ny Fitoerana Masina ny làlanao, iza no Andriamani-dehibe tahaka an'Andriamanitra".* Fomba fijery tena mahafinaritra sy mahery vaika izany ka tokony halaintsika tahaka. Ny teny hoe" *Derek"* no nadika teny eto. Midika ho lalana na dia izany. Io teny io dia mamoaka ny hevitra hoe misy dia ho any amin'ny toerana iray, miainga avy amin'ny toerana iray ho any amin'ny toerana hafa. Ny fanontaniana mipetraka manaraka izay dia hoe avy aiza ary makaiza? Eny ary, raha manopy maso amin'ny sary maneho ny Fitoerana Masina isika, dia tsy hisy fisalasalana, fa misy lalana azo tsapain-tanana avy hatrany. Andeha hijery amin'ny ankapobeny isika mba hahazoana manomboka mahatsapa ny atao hoe dia, avy eo isika hijery ny tsipiriany mahakasika izany.

***(FANAMARIHANA: Tokony hampiasa solaitra na hanao sary amin'ny solaitra be mba hanehoana ny firafitra fototry ny Fitoerana Masina ny mpitory teny Eo amin'io hevitra io). Tsidiho ny <u>www.gcyouthministries.org</u> mba hahazoana famelabelarana Power Point momba ity lesona ity.)***

Voalohany, nisy aloha ny toby fihaonan'ny zanak'i Isiraely. Io no toerana nipetrahan'ny olona anaty trano lay manodidina ny Fitoerana Masina; samy mahazo zoro iray avy ny foko telo amin'ny Isiraelita. (Avaratra, Atsimo, Atsinanana, Andrefana — ka ny Fitoerana Masina no eo afovoan'ny toby fihaonana. Izao no nolazain'Andriamanitra tamin'i Mosesy: *"Ary asaovy manao fitoerana masina ho Ahy izy dia honina ao aminy Aho".* (Eks. 25 :8). Mahita ny toerana masina ny rehetra na lavitra aza, avy eny antokotanin'izy ireo, raha izay no azo ilazana azy. Tena « ao amin'izy ireo » tokoa eo afovoan'ilay tanàna mifindrafindra. Tsy ilay trano lay lehibe ihany anefa no « ao amin'izy ireo ». Maneho ny fisian'Andriamanitra amin'ny endriky ny voninahitry ny Shekinah ny Fitoerana masina. Hiverina hiresaka momba izany isika ao aoriana kely fa tiana fotsiny aloha ny manamarika izao fa maniry hiaraka amin'ny olony Andriamanitra, ary tiany ny hahatanteraka izany ho an'ireo mba hiaraka Aminy, na dia hoe ao aorian'ny efitra lamba maromaro ihany no afaka monina miaraka amin'izy ireo Izy ankehitriny, hiarovana azy ireo.

Rehefa mifindra monina ao amin'ny toby fihaonana hakany amin'ny trano lay lehibe isika dia hahatsikaritra fa voahodidina fefy lamba natao tamin'ny rongony fotsy midadasika ny Fitoerana Masina. Maneho fahadiovana sy fahamarinana ary tsy fananan-tsiny ny loko fotsy. Mazava ny hafatry ny fefy lamba avo miloko fotsy: eny amin'ny lafy ilan'ny tsy manan-tsiny isika, ivelan'ny fahamarinana. Mpanota nosarahina tamin'Andriamanitra isika noho ny tsy fitovian'ny toetrantsika tamin'ny toetrany, izay midika hoe, noho ny tsy fananantsika ny atao hoe fitiavana. Kanefa dia nahatsikaritra isika fa nanolotra ny varavaran'ny fanantenana Andriamanitra, izay lalana hidirana, satria ny lafy atsinanana io no varavarana fidirana mankao amin'ilay efitra lamba avo miloko fotsy, mibika lamba makarakara voatenona manga tsara tarehy tokoa, miloko volomparasy sy mena, ho fanampin'ilay loko fotsy teo. Rehefa miditra ny varavarana lamba iny isika, dia manatrika alitara midadasika natao tamin'ny varahina. Misy mpisorona mitarika fotoana fanolorana fanatitra eo. Mahita lehilahy mandohalika isika, mametraka ny tanany eo amin'ny lohan'ny zanak'ondry iray, manindry ilay biby izay tsy manohitra akory. Mibaboka sy manaiky ireo fahotany io lehilahy io, fihetsika maneho fa mampita ny fahadisoany amin'ilay nohelohina kanefa tsy manan-tsiny. Avy eo dia mametraka lelan'antsy eo am-pelatanan'ilay lehilahy ny mpisorona. Miaraka amin'ny fihetsika malaky no anapahana ilay tenda ary miraraka miala amin'ny vatany ny ran'ilay ondry, izay angalan'ny mpisorona mba hataony anaty kapoaka. Apetraka eo ambony alitara ilay fanatitra tsy misy aina intsony mba hodorana ho lasa lavenona.

Mandroso amin'ilay làlana aseho an-tsary isika ary mijery ny mpisorona manasa ny tanany sy ny tongony amin'ilay fitaovana faharoa natao tamin'ny varahina eo amin'ny kianja, antsoina hoe tavy fidiovana. Mandray ilay kapoaka misy ra teo indray ny mpisorona ary mitondra izany ho any amin'ny

efitra voalohany ao amin'ny Fitoerana Masina, antsoina hoe Efitra Masina. Mijoro eo amin'ilay Efitra Masina izy, amin'ny ilany havia, ary mahita latabatra natao tamin'ny volamena misy mofo vao mafana maro eo amboniny. Rehefa mitodika mijery ny lafy havanana indray isika, dia mahita fanaovan-jiro misampana fito, mitondra lelafo mirehitra sy mazava. Rehefa miverina mitodika manatrika ilay lalana indray isika dia mahita alitara vita amin'ny volamena misy ditin-kazo manitra nodorana eo amboniny, ka manome fofona manitra ny efitra. Tsikaritra avy eo fa misy fihetsika ataon'ny mpisorona izay hita fa voalamina mialoha sy an-tsitrapo: alentiny anatin'ilay kapoaka misy ra ny fanondrony ary afafiny eo amin'ilay lamba mihantona eo aorian'ilay alitara misy ditin-kazo manitra. Manisa amin'ny fofon'ainy izy: isa, roa, telo….. Dia alentiny ary afafiny impito marina izany.

Te hahafantatra ny zava-miafina ao ambadiky ny efitra lamba isika, ka avelantsika eo aloha iny ary hifindra ao amin'ny efitra faharoan'ny Fitoerana Masina isika izay antsoina hoe Efitra Masina Indrindra na koa Masina ambonin'ny masina rehetra. Misy fanaka mahatalanjona iray ao anatin'io efitra io. Vata mahitsizoro vita sokitra izany, antsoina hoe Fiaran'ny Fanekena. Ao anatin'io vata io no misy ny vato fisaka roa, izay nanoratan'ilay rantsa-ntànan'Andriamanitra ny Didy Folo. Misy rakotra volamena voahasina antsoina hoe rakotra fanaovam-panavotana eo an-tampon'ilay vata. Misy sarin'anjely roa vita tamin'ny volamena amin'ny zorony avy amin'ny fiara. Ireo no antsoina hoe Kerôbima mpanaloka. Miisa roa izy ireo. Rehefa mijery ny manodidina isika, dia hahatsikaritra fa voatenona anjely volamena ny efitra lamba sy ny tafo. Ny mahatalanjona indrindra dia izao, mamiratra hazavana eo anelanelan'ireo Kerôbima miisa roa ireo eo ambonin'ilay fiara. Io no voninahitry ny Shekinah, izany hoe fahitana mazava ny fisian'Andriamanitra.

Mazava izay fa manaraka dingana fototra telo, na fanehoana fizaram-potoana ny lalana voasoritra ao anatin'ny Fitoerana masina :

1. Ny kianja
2. Ny Fitoerana Masina
3. Ny Fitoerana Masina Indrindra

Azontsika fehezina toy izao izay lesona lava nianarantsika izay:

Manome fomba hanatanterahana, sy lalana ary fotoana hirosoan'ny olombelona ho amin'ny dia hiverenana avy hatrany amin'ny fiarahana amin'Andriamanitra ny Fitoerana Masina. Io no planin'Andriamanitra mba hitandrovana ny fifandraisany akaiky amintsika.

**Jesôsy no dia**

Rehefa tonga ao amin'ny Testamenta Vaovao isika dia mahafantatra fa manondro an'i Jesôsy ny tandindona tsirairay avy ambaran'ny Fitoerana Masina; maneho ny endrika samihafa hisehoan'ny asa famonjeny ireo mpanota. Voalohany indrindra, rehefa manokatra ny filazantsaran'i Jaona isika, dia hitantsika fa nofaritana amin'ny alalan'ny teny fampiasa amin'ny Fitoerana Masina i Jesôsy. Vakio Jao. 1:14: *"Ary ny teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny Voninahiny dia voninahitra mendrika ho an'ny Lahitokana avy amin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana".* Ny teny nadika hoe "nitoerana" dia midika hoe Tabernakely na Fitoerana masina. Ka ny dikanteny nomen'ireo tanora dia toy izao", Lasa nofo ny teny, ary nametraka ny tabernakely teo amintsika". Raha atao manokana kokoa, ny Baiboly sasany dia milaza hoe, 'Lasa nofo sy ra ny teny, ary nifindra tamin'ny manodidina" (*The Message*).

Ary nanontany i Jaona hoe inona no antony nahatongavan'i Jesôsy: mba hahafahantsika mibanjina ny "voninahitr'Andriamanitra". Io no hitarafana ny voninahitry ny Shekinah izay mipetraka ao amin'ny Fitoerana Masina indrindra ao amin'ny Fitoerana Masin'ny Testamenta Taloha. Izao no nolazain'ny mpandika tenin'ny *The Complete Jewish Bible.* Jereo tsara ny fomba nandikan-dry zareo azy: "Lasa

olombelona ny teny ary niana niaraka tamintsika, ary nahita ny Shekhinah-ny, ilay Shekhinah an'i rain'ilay Zanaka tokana, feno hasoavana sy fahamarinana." Ny tena tian'i Jaona aseho dia izao: Jesôsy no fahamarinana izay ambaran'ny ny Fitoerana masina. Araka ny efa hitantsika teo aloha, Andriamanitra nilaza izao tamin'i Mosesy ao amin'ny Testamenta Taloha: *"Ary asaovy manao Fitoerana masina ho Ahy izy dia honina ao Aminy Aho""* (Eks. 25:8). Ankehitriny, io Andriamanitra io ihany no niseho tamin'izao tontolo izao izay mitoetra miaraka amintsika ao amin'ny Tabernakely vita amin'ny nofo sy ra izao. Amin'ny alalany no hitarihana ny olombelona ho any amin'ny Masina ambonin'ny masina rehetra, hoany amin'ny fanatrehan'ny voninahitry ny Shekinah. Mihamazava sy mihamahatalanjona anefa ny zavatra rehetra, rehefa miditra ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona isika. Izao no voalaza ao amin'ny Jao. 2:19-21: *"Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: ravao ity Tempoly ity ary amin'ny hateloana dia hatsangako indray izy. Fa hoy ny Jiosy: enina amby efa-polo taona izay no efa nanaovanay ity ka hianao ve hahatsangana azy amin'ny hateloana? Fa ny tenany no tempoly lazainy".* Eto isika dia mahita fa maneho ny tenany ho" tempoly" Jesôsy izay notondroin'ireo tempoly taloha. Tonga teto an-tany Izy mba hanamarina ireo izay nasehon'ny Fitoerana Masina an-tsary.

Tadidinao ve ny andininy novakintsika tao amin'ny Sal. 77:13? *"Andriamanitra ô, amin'ny Fitoerana masina ny làlanao".* Jereo indray àry ny nolazain'i Jesôsy momba Azy ao amin'ny Jao. 14:6: *"Izaho no làlana sy fahamarianan ary fiainana. Tsy misy olona makany amin'ny Ray afa- tsy amin' ny alalako."*

Antitranterin'i Jesôsy fa Izy no "fomba anatanterahana" na "làlana" izay voalazan'ny Fitoerana Masina. Ny hevi-dehibe izay ekentsika eto dia hoe ny toerana aleha izay tondroin'ny lalan'ny Fitoerana Masina sy hitondran'i Jesôsy antsika dia tsy tena hoe toerana fa olona. Nilaza i Jesôsy fa Izy no «lalana makany amin'ny Ray». Tsy maneho trangan-javatra ara-teôlôjika maina be amin'izao fotsiny tsy akory ny Fitoerana Masina fa maneho dia lalindalina hatrany hidirana ao am-pon'Andriamanitra. Ary Jesôsy io dia io. Manondro Azy ny sary asehon'ny Fitoerana Masina tsirairay avy ary ny asa famonjena lehibe izay ataony dia mba hitaonany antsika hiverina any amin'ny toerana masina indrindra hanakaiky kokoa an'Andriamanitra. Jereo tsara ity manaraka ity hanehoana ny fifandraisana misy.

Tsy azo idirana raha tsy amin'ny alalan'ny efitra lamba ny tsirairay amin'ny fizaràna telo ao amin'ny Fitoerana Masina. Hoy i Jesôsy *"Izaho no vavahady, raha Izaho no idiran'ny olona, dia hovonjena izy"* Jao. 10:9. Ary ny Apôstôly Paoly nilaza fa manana *"fiainam-baovao isika, izay natokany ho antsika, amin'ny alalan'ny efitra lamba, dia, ny nofony ihany"* (Heb. 10:20).

Ny sorona zanak'ondry eo amin'ny alitara varahina no fotoana fanolorana fanatitra tena fanao tao amin'ny Fitoerana Masina. Manondro an'i Jesôsy ho sorona noho ny otantsika, Jaona mpanao batisa nankalaza nanao hoe: *"Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao"* (Jao. 1:29).

Manondro an'i Jesôsy ho " rano velona" (Jao. 4:11) ary mampianatra antsika momba ny *"amin'ny fanasan'ny fiterahana indray sy ny Fanahy Masina"* (Tit. 3:5) ny tavy, izay nampiasaina tamin'ny fanolorana fanatitra fanadiovana.

Manondro an'i Jesôsy, izay nilaza fa *"Izay manaraka Ahy tsy mba ho noana, Ary izay mino ahy tsy mba hangetaheta intsony."* (Jao. 6:35) ny mofo eo ambony latabatra ao amin'ny Fitoerana Masina.

Narehitra foana ireo fanaovan- jiro fito mba hanazava ny fitoerana masina. Nilaza Jesôsy fa Izy no fanatitra velona ho antsika *"Izaho no fahazavana izao tontolo izao, izay manaraka Ahy tsy mba andeha amin'ny haizina fa hanana ny fahazavan'aina"* (Jao. 8:12).

Manondro ny fisehon'ny lalana nodiavin'i Kristy ny alitara misy ditin-kazo manitra: "Ary nomena ditin-kazo manitra betsaka Izy, hanaterany azy mbamin'ny vavaky ny olona masina rehetra." (Apôk. 8:3). Maneho ny vavaka akarintsika any amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesôsy Ilay fofona manitra nodorana tao amin'ny Fitoerana Masina.

Ny Didy Folo, ny lalàna 10 fanomezam-pitiavana an'Andriamanitra dia notehirizina tao anaty Fiaran'ny fanekena ary maneho ny fanirian'Andriamanitra hanoratra ireo hevi-dehibe momba ny fitiavany ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika: *"Ataoko ao am-pony ny lalàko, sady hosoratako ao an-tsainy"* (Heb. 10:16).

Rehefa namaritra ny dia izay nataony nanomboka teo amin'ny Rainy mankany amin'izao tontolo ipetrahantsika izao ary miverina indray i Jesôsy dia nilaza fa: *"Eny nivoaka avy tany amin'ny Ray Aho ka tonga amin'izao tontolo izao ; ary hiala amin'izao tontolo izao Aho hankany amin'ny Ray".* (Jao. 16:28). Niainga avy teo amin'ny toerana masina indrindra Jesôsy ka nankaty amin'ity toerana fitobiana feno fahotana sy voasarantsaraka etỳ an-tany ity. Nandray an-tanana ny lalan'ny fontsika Izy ary niverina teny amin'ny toerana masina indrindra, ka manasa antsika hanaraka Azy amin'ny lalana efa nataony ho antsika.

Ka inona àry no tena dikan'ny Fitoerana Masina?

Momba an'i Jesôsy izy io!

Momba an'Jesôsy mananatanteraka lala-maro amin'ny asa famonjena ho antsika!

Momba an'i Jesôsy nitarika antsika manaraka dingana samihafa mba hiverenan'ny fifandraisana feno amin'ilay Ray.

**Tantaran'ny fanavotana**

Eny àry,'ndeha hiverin-dalana kely indray isika, hisento lalina, ary hijery ny Fitoerana Masina avy amin'ny lafiny hafa. Ny hitantsika teo aloha dia ny hoe: maneho ny dian'ny tsirairay manokana eo amin'ny Kristy ny Fitoerana Masina. Kanefa dia maneho ny tantaran'ny famonjena amin'ny hafenoiny ihany koa ny Fitoerana Masina. Ny kianja, miaraka amin'ny alitara fanolorana fanatitra dia mitondra ny saintsika ho any amin'ny taona faha-31 taorian'i Jesôsy rehefa nomboana teo amin'ny toerantsika Jesôsy. Taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty Jesôsy dia niakatra tany an-danitra mba handray ny asany amin'ny maha-mpisorona be any an-danitra Azy ao amin'ny toerana masina;"ilay tena Tabernakely" any an-danitra. Izay dingana amin'ny asany izay dia nanomboka tamin'ny taona faha-31 tao aorian'i Jesôsy ary nitohy hatramin'ny 1844, fotoana izay nialana tao amin'ny toerana masina indrindran'ny Fitoerana Masina tany an–danitra mba hiditra amin'ny dingana farany amin'ny asany amin'ny maha-mpisorona be azy.

Nisy karazana fanolorana fanatitra roa hita izay naneho ny tantaran'ny fanavotana manontolo Tao anatin'ny taona Jiosy: ny fanatitra isan'andro sy ny fanatitra isan- taona. Ny fanatitra fanao isan'andro izay resahina amintsika ao amin'ny Levitikosy 1--4, dia fotoam-pivavahana fanaovana fanatitra tsotra kanefa mavesa-danja. Natokana ho an'ny mpisorona izany, amin'ny fanolorana fanatitra isan'andro noho ny fahotan'ny olona sy maneho ny famindrana ny fahotan'izy ireo ao amin'ny Fitoerana Masina amin'ny alalan'ny famafazana ny ra eo anoloan'ny efitra lamba ao amin'ny Fitoerana Masina indrindra. Maneho ny fanatitra tsy misy kilema ho an'ny ota izany izay nataon'i Kristy rehefa namoy ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana Izy. Maneho fahiratan-tsaina mahagaga io fanatitra fanao isan'andro io. Rehefa tapa-kevitra hanao fanatitra olombelona ireo firenena jentilisa, nampirisihin'ireo demony nisandoka ho andriamanitra (Deo. 32:16-17; Sal. 106:37), ireo Hebreo kosa dia nampianarina tamin'ny alalan'ny Fitoerana Masina fa Andriamanitra hanome ny tenany mba hijaly sy ho faty ho an ny zanak'olombelona. Nampita ny fahamarinana lehibe Andriamanitra izay manambara fa tsy azo amin'ny alalan'ny fanolorana fanatitra izay tiana homena ny famonjena antsika. Tsy afaka hampihemotra an'Andriamanitra isika satria efa tia antsika Izy. Tsy mila mandresy lahatra Azy amin'ny adidiny hamonjy antsika isika satria efa vonona hamonjy antsika Izy na inona na inona mety ho vidin'izany. Averina isan'andro, eny mandavan-taona ny fanolorana fanatitra, hanamafisina ao an-tsain'ny olona fa hanefa ny vidiny rehetra ho famonjena antsika Andriamanitra. Ny fanolorana fanatitra dia fandraisana fanambarana avy

amin'Andriamanitra, izay manao hoe, *tiako loatra ianao ka tsy mampaninona Ahy ny hijaly sy ho faty mba hamonjena anao amin'ny fahotana sy fahafatesana.*

Velabelarina ao amin'ny Levitikosy 16 ny fanolorana fanatitra isan-taona. Feno ny fitakiana fanolorana fanatitra ao amin'ny Fitoerana Masina amin'ny andro farany amin'ny fanolorana fanatitra isan-taona. Io fotoana io dia antsoina hoe Yom Kippur, andron'ny fanavotana. Amin'ny andro lebibe tahaka izao, dia misy fanolorana fanatitra manokana natao mba hanehoana ny famahana ny olana nateraky ny fahotana - fanavotana feno ary fanafoanana tanteraka ny ratsy. Rehefa mihaona eo anoloan'ny Fitoerana Masina ny zanak'i Isiraely rehetra, dia entina eo amin'ny mpisorona ny osilahy roa. Ny iray dia natokana hoan'i Jehôvah ary ny osilahy faharoa ho an ny fanavotana, ho an'i Azazela amin'ny teny hebreo. Ny osilahy natokana ho an'i Jehôvah dia vonoina alatsa-dra, maneho indray ny fanomezana an'i Kristy ho fanatitra teo amin'ny hazo fijaliana ho dika tokan'ny asa famonjena. Dia mbola nilaza Andriamanitra hoe: "Izaho, fa tsy ianao, Izaho no fanatitra velona hamonjena anao, fa tsy ianao." Ny ambiny amin'ny ra avy amin'ny osy natokana ho an'i Jehôvah dia nentina ho Azy amin'ny Fitoerana Masina indrindra ary afafy impito eo amin'ny rakotra fanaovam-panavotana noho ny nandikana ny didin'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia fahafahana feno sy fara tampony no ho an'ny ota rehetra no nomena ny zanak'i Isiraely izay nangatahana famelan-keloka tamin'ny fanolorana fanatitra isan'andro nandritra ny taona. Amin'izay no andron'ny fanavotana ka midika fitsarana fara tapony sy tsy azo iverenana intsony ho an'ny olona mba ho fanavotana azy ireo noho ny fijoroan'izy ireo ho mahatoky teo amin'Andriamanitra.

Dia apetraky ny mpisorona be eo amin'ny lohan'ilay osilahy ho an'ny ota ny tanany roa ary miaiky ny fahotan'ny olona izy. Havela ho velona anefa ny osilahy natokana ho an'ny Azazela ka entina any amin'ny "toerana tsy misy monina" ho very irery any"an'efitra". Ny osilahy ho an'ny fanavotana dia tsy mba osilahy natokana ho an'i Jehôvah. Noho izany, ny rany dia tsy mba alatsaka ho fanatitra fa tsy maintsy maneho amin'ny endrika hafa ny fizakana ny heloky ny fisian'ny ratsy sy ny fahalavoan'ny zanak'olombelona i Azazela. Ireo Hebreo taloha dia nahafantatra fa maneho an'i Satana i Azazela; loharano nipoiran'ny ratsy sy mpaka fanahy ny taranak'olombelona. Mbola mitana izay hevitra izay ny fampianarana Jiosy. Hitantsika izao ny andron'ny fanavotana na andron'ny fitsarana farany na fitsarana, izay fotoana manamarika ny momba ny olona tsirairay, ary Satana kosa hibaby ny heloky ny asa vitany. Ny mahatonga ny olona hanonofy ratsy amin'ny alina dia ny fieritreretana ny tsy maintsy hiatrehan'izy ireo ny

**Ny fitsarana**

Niasa manokana momba ny fitsarana ho antsika i Jaona tamin'ny alalan'ny hevitra mahery vaika maro. Araho ny famakafakany ny vaovao mahafaly tena tsara. Izao no nolazainy tao amin'ny 1 Jao. 3:20,21: *"Na amin'inona na amin'inona no anamelohan'ny fontsika antsika, satria Andriamanitra lehibe noho ny fontsika ka mahalala ny zavatra rehetra. Ry malala, raha tsy manameloka antsika ny fontsika, dia manana fahasahiana eo anatrehan'Andriamanitra isika."* Voalohany, tian'i Jaona ho fantatsika fa voajanahary ny fahatsapana fanamelohana amin'ny fahotana. Eny, manameloka antsika ny fontsika ary marina izany. Sady isika anie ka mpanota, mahatsiaro meloka isika ao an-tsaintsika ao noho ireo ratsy vitantsika. Nilaza anefa Jaona fa "Andriamanitra lehibe noho ny fontsika". Izany hoe mahery lavitra noho ny fanamelohana tsapantsika noho ny otantsika ny fitiavan'Andriamanitra. Mahafantatra ny momba ahy sy anao ary mbola tia antsika foana Izy. Rehefa mino izay isika, dia levona ny fanamelohana tsapa tao am-pontsika ary "Matoky an'Andriamanitra " isika.

Eo amin'ny andininy fahefatra dia manohy ny fanazavany i Jaona ka mandray izany isaky ny andalana:

Na iza na iza manaiky fa zanak'Andriamanitra Jesôsy dia mitoetra ao aminy Andriamanitra ary izy kosa ao amin'Andriamanitra." Voalaza eo fa izay no hahatanteraka ny fitiavana eo amintsika: mba

hananantsika fahasahiana amin'ny andro fitsarana : fa tahaka Azy isika eo amin'izao tontolo izao. *«Tsy manan-tahotra ny fitiavana fa ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra; fa mampahory ny tahotra. Fa izay matahotra dia tsy mba tanteraka amin'ny fitiavana. Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha."* (1 Jao. 4:15-19)

Tsara tokoa izany fomba fanehoana an-tsary izany!

Fahasahiana amin'ny andro fitsarana – Tsy misy tahotra! Na henatra!

Fa fahasahiana kosa!

Ahoana no ho fitrangan'izany?

Tena mihatra aman'aina ny lesona ampianarin'i Jaona antsika ato mba hahazoantsika fanazavana mampahazo aina mahakasika ny fitsarana. Tiany ho azontsika fa rehefa ''mifantoka amin'ny fitiavan'Andriamanitra isika'' ary ''mahalala sy mino ny fitiavan'Andriamanitra'' - dia hanana fahasahiana amin'ny andro fitsaran'Andriamanitra". Ny fitiavan'Andriamanitra no "mandroaka ny tahotra" ao ampontsika sy maka ny toerana rehetra ao am-pontsika. Tsy hiditra ao amin'ny fitsarana amin'ny fahatokisan-tena amin'ny fahamarinako aho, fa miankina tanteraka Aminy kosa. Io no tsiambaratelo feno voninahitry ny toerana masina indrindra, ny fahamarinana mampitolagaga amin'ny andro fanavotana. Rehefa ampidirintsika ao amin'ny toerana fitsarana izany, dia ho hitantsika fa ny lalàn'Andriamanitra, izay ifotoran'ny fitsarana, dia feno rakotra fanaovam-panavotana ary izy ireo dia rakotra ra**.**

Io no manamarika ny atao hoe fahamarinana lehibe momba an'i "Kristy ilay fahamarinantsika". Ny lalàna izay manondro ny otantsika sy milaza ny hadisoantsika dia voavaly eo ambany fahasoavan'Andriamanitra. Niaina tao anatin'ny fahamarinana tanteraka Jesôsy, ary nandray ahy ho marina teo anatrehany Andriamanitra. Maty ho ahy Jesôsy. Nalatsaka noho ny amiko ny ràny, manambara fa ny fitiavan'Andriamanitra no misolo toerana ahy amin'ny ota sy ny heloko. Hoy Paoly hoe*: ''Ary ny lalàna dia niditra koa hahabe ny fahadisoana, kanefa teo amin'izay nihabihazan'ny ota no nihoaran'ny fahasoavana be lavitra"*. Tena vaovao mahafaly manome aim-baovao izany!

Kanefa manoloana ireo jiro manazava ny momba ny fahasoavan'Andriamanitra ireo dia misy loza sy fampitandremana. I Jakoba nampahafatantra fa misy lalana iray manakana ny herin'ny fahasoavan'Andriamanitra ho ao amintsika amin'ny fotoana fitsarana dia tsy inona izany fa raha tsy mamela ny hafa isika. *"Fa fitsarana tsy misy famindrampo no ho anjaran'izay tsy mamindra fo fa ny famindrampo kosa dia faly, fa tsy mba matahotra ny fitsarana"* (Jak. 2:13). Raha mitantara ny fahotan'ny hafa aho ka manameloka azy ireo dia manambara aho fa tsy nandray ny fahasoavan'Andriamanitra tao amiko noho ny otako. Ny fahasoavan'Andriamanitra dia ho eo ho ahy amin'ny andro fitsarana, kanefa dia tsy hahita izany aho raha takonako ny masoko ka tsy haneho fahasoavana amin'ny hafa aho. Rehefa tsy manokatra ny foko amin'ny hafa aho, dia manangana rindrina amin'ny saiko sy ny fihetseham-poko ka tsy hahafahako mahita ny fitiavan'Andriamanitra ahy. Miteraka fahateren-tsaina ao an-doha ka tsy hahafahana mandray na mahita ny fahasoavan'Andriamanitra ny fanamelohana ny hafa noho ny otany. Mazava izay, fa ny fananana saina tia mitsara ny hafa no fihetsika mitera-doza indrindra ho an'ny zanak'olombelona.

Raha ny marina dia antso mba handraisana sy hanolorana fahasoavana ny fitsarana. Izay no mahatena vaovao mahafaly azy, mazava ho azy raha tsy misafidy ny hiaina hanameloka ny hafa aho.Nahoana anefa no handeha amin'izay lalana izay? Misy lalana mahafinaritra sy manasitrana ao amin'i Kristy misokatra eo anoloan'ny tsirairay avy amintsika:

Eo amin'ny varavaran'ny fitiavany no manasa anao Izy hanatona ny alitara fanolorana fanatitra, mba ho voavela heloka tanteraka tamin'ny ota vitantsika, hametraka ny lalantsika eo amin'ny tavy mba ho voadio mangatsakatsaka amin'ny fanamelohan'ny saintsika, hanatona ny Fitoerana Masina hihinana

amin'ny mofon'ny fiainana, mba hiaina amin'ny hazavan'ny jiron'ny hasoavan'Andriamanitra izay mamiratra avy eo amin'i Jesôsy, sy hanandratra ny vavaka fankasitrahantsika any amin'Andriamanitra ho heniky ny hanitry ny fahamarinan'i Kristy.

Ary miafarana amin'ny fizorana makany amin'ny toerana masina indrindra hotsarain'Andriamanitra amin'ny famindrampo tsy misy fihafarany sy hanana ny lalàn'ny fitiavany misokatra ao am-potsika.

Andao ary hiroso ho amin'ny dia izay nataon'ilay fitiavan'Andriamanitra be hasoavana ho antsika.

## ANDRO 5:FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

Milaza ny lesona fa ny toetra tia mitsara sy manameloka ny hafa no" tena loza indrindra ho an'ny zanak'olombelona". "Manao ahoana àry raha tsy toy izany ianao manoloana ny hafa fa toy izay kosa amin'ny tenanao manokana? Tsara kokoa ve izany aminao? Inona no antony mahatsara azy sa ve hitanao fa tsy mety?

Mizarà tantara teo amin'ny fiainanao izay maneho sary ohatra rehefa:

1. manatona ny kianjan'ny Fitiavan'Andriamanitra ianao
2. miditra ao amin'ny Fitoerana Masina fivavahana sy fanolorana fanati-pivavahana miaraka Aminy,
3. miditra ao amin'ny Fitoerana Masina Indrindra izay ahazoana mifandray tanteraka amin'ilay Andriamanitr'izao rehetra izao.

Raha azo atao, zarao enina ny efitrano, ohatra hoe amin'ny alala'ny zavatra izay maneho ny efitra lamba voalohany, ny alitara sy ny tavy, ny efitra lamba faharoa arahin'ny mofo, fanaovan-jiro sy ny ditin-kazo manitra ary ny efitra lamba fahatelo makany amin'ny Fiaran'ny fanekena.

1. Ao anaty fahanginana sy miaraka amin'ny vavaka, mandrosoa miaraka manaraka ilay lalana. Midira eo amin'ny varavaran'ny fitiavany izay manasa anao handroso, mijanona eo amin'ny alitara fanolorana fanatitra, mba ho voavela heloka tanteraka noho ny otantsika rehetra. Manatòna ny tavy mba ho voadio tokoa amin'ny fanamelohan'ny saintsika, ary avy eo eny amin'ny toerana masina mba hihinana amin'ny mofon'ny aina, mba hiaina amin'ny fahazavan'ny jiron'ny fahatsaran'Andriamanitra izay mitaratra hazavana avy eo amin'ny Jesôsy. Mampiakara fivavahana fankasitrahana any amin'Andriamanitra izay heniky ny hanitry ny fahamarinan'i Kristy.
2. Farany indrindra, mandroso ao amin'ny toerana masina indrindra mba hotsaraina'Andriamanitra amin'ny famindrampo tsy misy fiafarany sy mba hahazo ny lalàn'ny fitiavany misoratra ao am-pontsika.

## ANDRO 5: ASA ISAN-TARIKA

1. Azonao ampiana na ravahana araka izay tianao ilay sary misy valo zoro (Octogone).
2. Mifototra amin'ity lesona ity ny asa atao. Manangàna Fitoerana Masina amin'ny alalan'ny taratasy na biriky, na koa manangana izany ao an-trano, ka mampiasà fanaka, na koa ( rehefa tena tsy mety) manaova sarin'izany fotsiny. Raha mampiasa io fomba fiasa farany io ianao, dia entano ny tsirairay hanao sary iray avy ka hitondra izany any an-tranony amin'ny fotoam-bavaka manokany amin'ity herinandro ity; iangavio izy ireo hizara ny heviny aoriana kelin'iny herinandro iny.

# ANDRO FAHA-6

## NY FAHAFATESANA SY NY HELO

### *Fitiavana tsy mifangaro fitiavan-tena*

Nihodidina ilay tempolin'ny fahamarinana ary nijery vitsivitsy tamin'ireo varavarankelin'ny foto-pinoana izay mampijoro ny rafitry ny antoko-pinoana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito isika tamin'ity herinandrom-bavaka ity. Ny zavatra vao hitantsika miverimberina foana izao dia hoe: ny manondro an'ilay Fahamarinana tokana lehibe dia ilay fitiavan'Andriamanitra izay tonga nofo tamin'ny alalan'i Jesôsy Kristy fahamarinana tsirairay ao amin'ny Baiboly. Toy ny fitaratry ny maso (lentille) izay ahafahana mahita mazava kokoa ny toetran'Andriamanitra feno fitiavana tsy tia tena ny foto-pampianarana marina rehetra avy amin'ny Baiboly. Nofintinin'i Ellen White hoe "ilay boky izay mamelabelatra ny toetran'Andriamanitra" (*Signs of the Times, March 3, 1898*). Mbola ao anatin'izany fomba fijery ny Soratra Masina izany ihany, dia nofintininy ho toy ny "fanambarana ny toetran'ny fitiavan'Andriamanitra" ihany koa ny hafatry ny Advantista (*Henoinareo ny fanoharana, t. 415*). Ny tombambidin'ny fahamarinana rehetra dia ny fahafahany mampita hoe olona toa an'iza moa Andriamanitra. Voaporofo mazava amin'ny alalan'ny tenany ihany  fa diso ireo fanambarana rehetra manohitra ilay foto-kevitra voalohany fa *"Andriamanitra dia fitiavana"* (1 Jao. 4:8) noho ny fisian'io fifanoheran-kevitra io.

Mariho tsara ny fomba namaritan'i Ellen White ny fototry ny fianarana ny Baiboly: "Tokony handinika ny Baiboly ianao; satria izy no manambara an'i Jesôsy. Rehefa mamaky ny Baiboly ianao, dia ho hitanao ny hatsaran'i Jesôsy tsy manan-tsahala. Ho raiki-pitia amin'ilay Lehilahin'i Kalvary ianao, ary isaky ny dingana iray, dia afaka miteny amin'izao tontolo izao ianao hoe: "Tsara avokoa ny làlany rehetra, ary ny alehany rehetra dia fiadanana". (*Life Sketches, p. 293*). Tena mahafinaritra izany!

Ianaro ny Baiboly, hoy izy.

Fa nahoana?

Satria izy no manambara ny hatsaran'i Jesôsy tsy manan-tsahala!

Ka inona no hitranga aminao raha hihaona amin'i Jesôsy ao anaty Soratra Masina ianao?

Dia ho raiki-pitia aminy ianao!

Izao anefa ny olana; matetika isika no tsy mampibaribary loatra an'i Jesôsy rehefa mianatra sy mitory ny Baiboly, ary na dia asehontsika aza Izy, dia toy ny fanamarihana faraparany fotsiny. Raha misy zava-dehibe tokony hazava dia izao: tsy ampahany amin'ny hafatra entintsika fotsiny i Jesôsy.

*Ny hafatra entintsika amin'ny fahafenoany dia Jesôsy.* Ka rehefa tsy izany no izy, dia tsy mitory ny "fahamarinana" isika, na dia mihevitra ho manao izany tokoa aza. Ny foto-pinoana momba ny toetry ny maty dia ohatry ny fahamarinana ara-Baiboly izay tokony haneho mibaribary ny fitiavan'Andriamanitra mahagaga ao amin'i Kristy. Mampalahelo anefa fa, nahena ho tohan-kevitra fotsiny ihany izany mba hanaporofoana fa tsy mahatsiaro tena intsony ny olona rehefa maty ary hilazana fa tsy misy izany mankany an-danitra na helo avy hatrany izany. Aoka ho mazava: *zava-dehibe* izany sary izany, fa *nahoana* no zava-dehibe izany? Hanaporofoana fotsiny ve fa tena maty tokoa ny maty? Tsia! Zava-dehibe izany satria, manokatra varavarankely hahalalana ny tena toetran'i Kristy sy ny nijaliany ary nahafatesany teo Kalvary izany fahamarinana ara-Baiboly momba ny maty izany, izay manambara mazava tsara ny tena toetran'ny fitiavan'Andriamanitra marina.

Ka andeha ary hilomano ao anatin'izany foto-kevitra miavaka izany ka hijery izay hitantsika.

**Ny fahafatesana araka ny ambaran'ny Baiboly**

Ny zavatra voalohany tokony ho azontsika mikasika ny maty dia ny fisian'ny karazana fahafatesana roa ao anatin'ny Baiboly. Ao amin'ny bokin'ny Apôkalipsy, dia ambara amintsika fa misy ilay antsoina hoe, "fahafatesana faharoa" (Apôk. 2:11; 20:6, 14; 21:8). Azontsika tsoahina avy amin'io teny io avy hatrany fa raha misy ny fahafatesana faharoa dia tsy maintsy ho nisy ny fahafatesana voalohany. Hazavain'i Jesôsy ao amin'ny Mat.10:28 ny fahasamihafan'ireo: *"Ary aza matahotra izay mamono ny tena, nefa tsy mahay mamono ny fanahy; fa aleo matahotra izay mahay mahavery ny fanahy sy ny tena ao amin'ny helo."* Ny fahafatesana voalohany dia ny famonoana ny tena ihany. Toy ny fahitantsika ny fahafatesan'ny tsirairay, izay efa mahazatra ny taranak'olombelona. Azontsika, amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, fa tsy mahatsiaro tena ny olona rehefa maty, toy ny olona matory. Tsy mankany an-danitra na helo avy hatrany tsy akory ny olona iray rehefa mandalo fahafatesana voalohany.

Kanefa, tsy mifarana hatreo akory ny tantara, satria rehefa mandalo fahafatesana voalohany ny olona iray, dia tsy tapitra hatreo ny aminy. Ireo mandalo fahafatesana voalohany, na ireo voavonjy na ireo very, dia tsy maintsy hitsangana indray. Tsindrin'i Jesôsy mazava tsara izany: *"avy ny andro izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony; dia hivoaka izy: izay nanao ny tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho fiainana fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho fahamelohana"* (Jao. 5:28,29). Noho izany àry, mandalo fahafatesana voalohany ny olombelona ary avy eo hitsangana indray, kanefa misy antony ny fitsanganany amin'ny maty. Ny antony dia tehirizin'Andriamanitra amin'ny fomba tsy fantatra ny tena fototry ny toetran'olona iray rehefa mandalo fahafatesana voalohany izy, na dia tsy mahatsiaro tena sy tsy misy aina intsony aza izy. Izao no ilazan'ny Baiboly azy: *"ka ny vovoka dia hiverina amin'ny tany ho toy ny teo, fa ny fanahy kosa hiverina amin'Andriamanitra, Izay nanome iny."* (Mpitt. 12:7)

Mazava ho azy fa manondro ny tena ny "vovoka", izay miverina amin'ny tany amin'ny maha-akora azy aorian'ny fahafatesana voalohany. Ary ilay "fanahy" izay miverina amin'Andriamanitra dia ilay ahitana ny toetra, ny eritreritra, sy ny fihetseham-po ary ny zava-maninton'ny tsirairay – ny zavatra rehetra izay mamaritra ny maha-izy sy ny toetran'ny olona. Tehirizin'Andriamanitra ho tsy mahatsiaro intsony ilay "fanahy" izay "miverina" amin'Andriamanitra rehefa mandalo fahafatesana voalohany ny olona iray mandra-pahatongan'ny fitsanganana amin'ny maty, ka hiaraka indray ny tena ara-nofo sy ny fanahy, ka miaina indray. Toy izao no fanazavan'i Ellen White azy:

"Voatahiry amin'ny fitsanganana amin'ny maty ny mombamomba antsika, na dia hitovy amin'ilay toetoetra sy fisehony vantany vao nalevina tao am-pasana aza. Mistery ho an'ny olombelona ny asa mahagaga nataon'Andriamanitra. Miverina amin'Andriamanitra mba hotehirizina ny fanahy sy ny toetran'ny olona. Samy hanana ny toetrany avy ny olona amin'ny fitsanganana amin'ny maty. Amin'ny fotoanany Andriamanitra no hanaitra ireo maty, hanome indray ny fofon'aina, ary hanome aina ny taolana maina." (Heaven, p. 40).

Toy ny manala "disque dur" avy ao anaty solosaina, izay mirakitra ny zavatra rehetra nangonina sy namboarin'ny tompony, kaametraka izany eo amin'ny toerana iray aloha, ary aorian'izay dia mampiditra ny zavatra rehetra raketin'izany ao anaty solosaina iray vaovao izany. Rehefa mandalo fahafatesana voalohany ny olona iray, dia simba ny nofony eto an-tany ary tehirizin'Andriamanitra ho amin'ny fitsanganana amin'ny maty ny maha-izy ilay olona. Amin'izay fotoana izay, dia fiafarana roa ihany no hiainan'ny tsirairay: hahazo ny fanomezan'ny tsy fahafatesana, na handalo fahafatesana faharoa.

Ka ahoana àry ny mombamomba ilay fahafatesana faharoa? Inona izany? Ahoana no fisehoan'izany?

Andeha hiverenantsika ny Mat. 10:28, izay hanavahan'i Jesôsy ny fahafatesana voalohany sy faharoa. "Ary aza matahotra izay mamono ny tena, nefa tsy mahay mamono ny fanahy; fa aleo matahotra izay mahay mahavery ny fanahy sy ny tena ao amin'ny helo." *Psyche* no dikan-teny grika entina hilazana ny "fanahy" eto. Amin'ny ankapobeny dia manondro ny atao hoe "fisainana" izany, izay oharintsika amin'ny toetran'ny olona, na ny mombamomba rehetra ilay olona. Raha mahakasika ny famonoana ny tena ara-nofo ny fahafatesana voalohany, na ny lafiny ara-biôlôjiian'ny olona iray, ny fahafatesana faharoa kosa dia mahakasika ny famongorana tanteraka ny fisian'ny tena sy fanahin'ny tsirairay. Fandringanana farany ireo ratsy fanahy izany, "ary ho toy ny tsy ary izy" (Oba. 16).

Ny zava-dehibe tokony azontsika dia ny hoe: ahoana no fisehoan'ny fahafatesana faharoa ary inona no mahatonga izany. Manome fanazavana tsara antsika Jesôsy ao amin'ny Jao. 5:29. Miverina ho amin'ny fiainana avy ao amin'ny fahafatesana voalohany indray ny ratsy fanahy dia ilay antsoina hoe "fitsanganana ho fahamelohana". Toe-javatra ara-tsaina ny fahamelohana. Ao amin'ny saina sy ny fihetseham-po no hitrangan'izany rehefa miatrika ny zava-misy marina ny olona iray ka mahita ny helony noho ireo fandikan-dalàna nataony. Tsy ny tenany ihany tsy akory no potika fanindroany rehefa hitsangana indray ny ratsy fanahy. Fa hiatrika ny firaketana feno ny fiainany, amin'ny fomba mazava ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra feno fahafoizan-tena ho azy ireo izy. Milaza mazava tsara ny toe-java-mitranga ny Apôk. 20:

*"Ary hitako fa, indro, nisy seza fiandrianana fotsy lehibe sy Ilay mipetraka eo amboniny; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany. Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatiny; ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita namoaka ny maty tao aminy; dia samy notsaraina araka ny asany izy. Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo. Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy."*

Mavesa-danja sady mampalahelo tokoa izany andalan-teny ao amin'ny Soratra masina izany, satria manoritsoritra ny fanapotehana farany ireo ratsy fanahy, izay olona tian'Andriamanitra fatratra avokoa, olona notolorana ny fanomezan'ny fiainana mandrakizay ao amin'i Kristy, kanefa olona nandà ny fitiavan'Andriamanitra ka nitarika fanimbana ny momba azy manontolo. Ny tena tiantsika hotsindrina amin'ity andalan-teny ity dia ny hoe: ahoana no hiatrehan'ny ratsy fanahy ny fahafatesana faharoa. Hijery endri-javatra efatra isika:

**Voalohany**

Ny fahafatesana faharoa dia hialohavan'ny fanehoana an'Andriamanitra Ilay Avo indrindra, mipetraka eo amin'ny "seza fiandrianana lehibe" miaraka amin'ny "endriny" mahatalanjona izao rehetra izao. Antsoin'i Paoly hoe *"andro fahatezerana sy fampisehoana ny fitsarana marin'Andriamanitra"* (Rôm. 2:5) izany fotoana izany. Ao amin'ny fahazavan'ny fanambarana no hipoiran'ny fahatezerana. Avy amin'Andriamanitra ny fanambaràna, ary izany dia mitondra fampitandremana ho an'ireo izay mandray azy.

**Faharoa**

Tsy hisy intsony "toerana" ho an'ireo ratsy fanahy rehefa hitsangana eo anoloan'Andriamanitra izy ireo. Azo antoka fa izany no teny mampalahelo indrindra ao amin'ny raki-tsoratr'olombelona. Ary ny fahafatesana faharoa dia fahatsapana tanteraka ho irery, fahatsapana lalina anaty fa tsy misy toerana ho azy intsony. Raha mitsangana eo anoloan'Andriamanitra sy mandinika ny endriny ireo ratsy fanahy, dia hahatsapa ny famirapiratany ka hahita fa tsy mifanaraka tanteraka amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy ireo ary tsy misy "toerana ho azy intsony". Ireo zay nanapa-kevitra ny hiaina ao anatin'ny fitiavan-

tena dia tsy afaka ny hiditra velively ao amin'ilay tontolo hanjakan'ny fitiavana tsy tia tena. Tsy afaka ny hitoetra na hiara-miaina eo anivon'ny fiaraha-monina miaina tanteraka ho an'ny hafa izy ireo. Tsy ho azony akory aza izany fiaraha-monina izany. Sarotra ho azy ny hankamamy ary tsy ho takany mihitsy ny hatsaran'izany hoe fifanomezana izany.

Nanafoana tao am-pony ny fahafahana mitia ny ota. Nitaona azy lavitra tanteraka tamin'ny fironan'ny fanahy ny fikomiana. Namongotra tanteraka ny fahatsapany amin'ny maha-olombelona azy ny fitiavan-tena.

Mitarika ny ratsy fanahy ho amin'ny fahatsapana ho tsy misy dikany intsony ny fahafatesana faharoa, satria tsy misy dikany ny fiainana ankoatra ny fiainana atolotr'ilay niandohany. Fahatsapana ho irery tanteraka no hany tsapan'izy ireo, satria tsy misy fifandraisana mitondra hafaliana ankotra ilay Iray izay tena mifandray akaiky amintsika. Mameno ny fanahiny ny fahatsapana ho tsy misy ilàna azy, satria tsy misy na inona na inona mitondra ho amin'ny fahatsapana ho manana ny maha-izy azy ankotran'Andriamanitra Ilay nahary ny maha-izy azy antsika ao amin'ny endriny. *Mitarika ho amin'ny fankahalana ny tena ny fiainana ho an'ny tena samirery.*

Raha jerena amin'ny maha-izy azy ny fitiavan-tena dia fihatahana amin'ny hafa, fanesorana ao anatin'ny fanahy ilay filàna sy fahatsapana ny tokony hanomezana sy handraisana fitiavana. "Tsy misy toerana ho azy" eo anivon'ilay tontolo ahitana ilay fitiavana tsy tia tena. Tafalentika tanteraka ao amin'ny fanenenana maharikoriko nateraky ny fahatsapana mahatsiravina ho nafoy izy ireo.

**Fahatelo**

Raha mijoro eo anoloan'Andriamanitra ny ratsy fanahy, dia "misokatra" ny "boky" ary hotsaraina araka ny asany ireo, araka izay voasoratra ao amin'ny boky". Amin'ny teny hafa dia, ho tonga saina izy ary hiatrika ny zava-misy marina mikasika ny fahotany sy ny fahamelohana aterak'izany. Izany no tondroin'i Jesôsy rehefa nilaza izy hoe hitsangana indray ho amin'ny "fahamelohana" izy ireo. Ny asa feno fitiavan-tena rehetra nataony nandritra ny androm-piainany dia handalo eo anoloan'ny sainy amin'ny fahazavana tanteraka. Mampibaribary aminy ny haratsian'ny ota ny fahafatesana faharoa, izay tsy voasaron'ny famindrampon'Andriamanitra intsony. Zava-misy ao amin'ny saina ny ota tanterahina. Voatahiry ao an-tsaina izany ka ny hany vahaolana dia famelan-keloka na fijaliana. Kanefa tsy afaka ny hahazo famelan-keloka raha tsy manaiky ny fitiavan'Andriamanitra feno famindrampo. Ny fijaliana no hany azo asolo ny famelan-keloka, ary izany no antony niaretan'Andriamanitra ny fijaliana ateraky ny fahotana mba hahazoany mamela heloka.

Manimba ny herin'ny fanahy rehetra ny lanjan'ny fanamelohana ateraky ny fahotana. Mpanota avokoa ny olombelona rehetra. Noho izany dia eo ambany fanamelohana ny olona rehetra. Ary hitondra henatra eo amin'ireo izay mandà tsy hijery ny fanasitranana marina avy amin'ny fitiavan'Andriamanitra feno famelan-keloka ny fanamelohana. Ny fahatsapana feno sy fanekena ny fitiavan'Andriamanitra no hany hery hahafahana mamotika ny herin'ny ota ka manakana izany tsy hanimba ny fanahy. Mba handraisana ny tian'ny Baiboly hambara rehefa nilaza izy hoe*, "ary nosokafana ny boky (...) ary notsaraina ny maty",* dia andeha hosaintsainintsika hoe hanao ahoana re raha tena tonga saina marina ny amin'ny otanao ianao – amin'ny eritreri-dratsy sy fahatsapana ary fomba ratsy fanaonao. Ka ho tonga saina tanteraka ianao, indray mandeha monja, ny amin'ny tsipiriany mahatsiravina hita mibaribary ao amin'ny fanahinao ka tsy misy toerana hahafahanao mitsoaka izany. Ary miaraka amin'izany sary mahatsiravina dia ampio fahabangan'ny famindrampo. Tsy misy famelan-keloka. Tsy misy fahatsapana ho nekena. Tsy misy sarin'ilay Andriamanitra vonona sy mamela maimam-poana ny fahotana.

Ahoana no mety hisehoan'izany ho anao? Fantatro ny mety hisehoan'izany ho ahy. Tsy misy teny azo hilazana ny hamafin'ny fijalian'ny saina feno torotoro. Ny hany antony tsy nahatonga antsika ho tsy maintsy hiatrika ny herin'ny fanamelohana dia satria ny drafi-pamonjena, izay notanterahin'ilay

Mpamorona be fitiavana, no nametraka ny akanjom-pahamarinana ao amin'ny sain'ny olombelona mba hiarovana antsika amin'ny vokatry ny fahotana.

**Fahefatra**

Ary rehefa hiatrika ny firaketan'ny fiainany ireo ratsy fanahy ka hahatsapa ny lanjan'ny fanamelohany mahazo azy, dia hofongorana amin'ny afo.

Ampifandraisina amin'ny afo Andriamanitra manerana ny Baiboly dia

- Niseho tamin'I Mosesy teo amin'ny roimemy Andriamanitra (Eks. 3:2)
- "Lalàn'ny afo" no iantsoana ny Lalàn'Andriamanitra (Deo. 33:2)
- Ny seza fiandrianan'Andriamanitra dia lelafo ary ony afo no nivoaka sy nandeha avy teo anatrehany (Dan. 7:9,10)
- Lazaina ho toy ny lelafo midedadeda ny fitiavan'Andriamanitra (TononK. 8:6)
- Ary ambaran'i Paoly, "fa Andriamanitsika dia afo mandevona" (Heb. 12:29)

Faritana ho toy ny afo mandevona ny momba an'Andriamanitra rehetra noho ny antony tsotra iray: satria ny maha-izy azy marina, ny fitiavany tsy tia tena dia miavaka tanteraka amin'izay rehetra mifanohitra amin'ny fitiavana. Amin'ny maha-Andriamanitra Azy, ny voary rehetra izay tia manandra-tena dia tsy afaka ny hijoro eo anatrehany raha tsy miaina faharavana tanteraka ara-tsaina sy ara-pihetseham-po eo ambany lanjan'ny fanorotoroan'ny henatry ny fahotany. Manondro izany zava- marina izany i Ellen White:

Izao no tenin'i Jehôvah tamin'ny Isiraely, *"dia hamerina ny tànako aminao Aho, ka hodioviko amin'ny lavenona hianao, ary hesoriko ny fahotanao rehetra"* (Isa. 4:4; 1:25). Ho an'ny fahotana rehetra, na aiza na aiza ahitana azy, *"ny Andriamanitsika dia afo mandevona"* (Heb. 12:29). Ireo rehetra milefitra eo ambanin'ny herin'ny fanahin'Andriamanitra dia handevona ny ota. Fa rehefa mifikitra amin'ny fahotana kosa ny olona, dia izany no lasa hamaritana azy. Ka ny voninahitr'Andriamanitra izay mandrava ny fahotana, no handrava azy ireo. (*The Desire of ages, p. 107*)

Noforonina ho tsy manan-tsiny tanteraka; afaka ny ho velona avy hatrany eo anatrehan'ny tavan'Andriamanitra amin'ny fiadanana sy fifaliana feno (Gen. 1-2) ny olombelona. Rehefa niditra tao an-tsaintsika ny ota, dia tsy misy afa-tsy henatra feno fijaliana no tsapantsika eo anoloan'ny tavan'Andriamanitra (Gen. 3:7-10). Hazavain'Andriamanitra an'i Mosesy hoe: *"tsy mahazo mahita ny tavako hianao, fa tsy misy olona mahita Ahy ka ho velona"* (Eks. 33:20). Ny tiana hambara dia tsy hoe: "Raha mahita ny tavako ianao, dia hovonoiko ianao", fa hoe kosa: "raha mahita ny tavako ianao, dia ho faty noho ny fahasamihafan'ny fahamasinako sy ny fahotanao". Tsy afaka ny ho velona eo anoloan'ny tavan'Andriamanitra ny ota. Kanefa rehefa mitsambikina any amin'ny faran'ny tantara isika, dia ambaran'ny Soratra Masina fa ireo voavonjy dia "hahita ny tavany, ary ny anarany dia ho eo amin'ny handriny" (Apôk. 22:4). Noho ny herin'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia hiverina amin'ny laoniny indray ny fahatsapana ho tsy manan-tsiny "eo amin'ny handriny", ao an-tsainy. Amin'izany ireo, voavonjy dia hiaina eo anoloan'ny tavan'Andriamanitra ka tsy ho menatra intsony.

Tsy izany kosa anefa no hitranga amin'ireo ratsy fanahy. Milaza amintsika ny Baiboly fa ny olombelona rehetra, na ny marina na ny ratsy fanahy, dia hiaina ao anaty afon'ny fanatrehana ny tavan'Andriamanitra, kanefa tsy hitovy ny fahatsapan'ny roa tonta izany afo izany. Raha hiditra eo anoloan'ny tavan'Andriamanitra ka hahatsiaro ho tonga soa ireo olona niverina tamin'ny toetra tsy manan-tsiny, ireo ratsy fanahy kosa, dia hahatsapa ny fanatrehan'ny tavan'Andriamanitra ho toy ny "afo mandevona". Izao no ambaran'i Ellen White eo am-panoritsoritana ilay fandravana farany ireo ratsy fanahy:

Tsy fanehoana hery feno didy jadona avy amin'Andriamanitra tsy akory izany. Mioty ny vokatra nofafazany ireo nandà ny famindrampo. Andriamanitra no loharanon'aina; ka rehefa misy olona iray misafidy ny hanompo ny ota, dia misaraka amin'Andriamanitra izy, ka manala ny tenany amin'ny fiainana. "Nesorina tamin'ny fiainana atolotr'Andriamanitra izy." Hoy i Kristy: *"Izay mankahala Ahy dia mankamamy fahafatesana"* (Efes. 4:18; Ohab. 8:36). Navelan'Andriamanitra hisy izy ireo mba hivoaran'ny toetrany sy hanehoany ny toro-lalany. Ka rehefa tanteraka izany dia mandray ny vokatry ny safidiny izy ireo. Noho ny fiainana feno fikomiana, i Satana sy izay rehetra miray aminy dia mametraka ny tenany eo amin'ny toerana mifanohitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra ka ho tonga afo mandevona ho azy ny fanatrehan'ny tavany. Handringana azy ny voninahitr'ilay fitiavana. (*The Desire of ages, p. 764*)

Ny zavatra vao nojerentsika teo dia ny tena toetry ny helo. Ny helo dia azo lazaina koa hoe fahafatesana faharoa. Tsy hamela ny ratsy fanahy hijaly mandrakizay anaty afo ao amin'ny toerana tsy hita na amin'ny toerana iray eto amin'izao rehetra izao tsy akory Andriamanitra. Hitsangana amin'ny maty izy ireo hahita ny firaketan'ny fiainany amin'ny fotoana farany, dia ho fongotra mandrakizay "toy ny tsy ary izy" (Oba. 16). Ity no zavatra miavaka indrindra amin'izy rehetra: tsy misy na iray aza tokony handalo fahafatesana faharoa satria efa nandalovan'i Jesôsy teo amin'ny toerantsika rehetra izany – ary nandresy izany Izy. Izy irery ihany no nanandrana izany fahafatesana faharoa izany teo amin'ny toeran'ny tsirairay ary Izy irery no tsy voatazona tao amin'izany satria Izy irery no tsy nanota.

**Endrey izany fitiavana!**

Ankehitriny, rehefa mahazo tsara ny momba ilay fahafatesana faharoa sy ny fahasamihafany amin'ny fahafatesana voalohany isika, dia voaomana hahatsapa ny zava-tsarotra niainan'i Jesôsy teo amin'ny toerantsika raha rotidrotika tao Getsemane Izy ary maty teo amin'ny hazo fijaliana. Vokatry ny fahotana avokoa ny fahafatesana voalohany sy faharoa, fa ny voalohany dia mandalo ihany ary antony ara-nofo no mahatonga izany, toy ny aretina na loza na fahanterana. Ny fahafatesana faharoa kosa anefa dia tsy ara-nofo fotsiny, fa ara-tsaina ihany koa, noho ny hery mahafaty ateraky ny fahatsapana lalina ho meloka. Amin'ny lafiny iray, ny fahafatesana voalohany, dia tsy fahafatesana akory. Fa antsoin'i Jesôsy hoe torimaso izany. Diniho ohatra ilay zatovovavy natsangan'i Jesôsy. Teo ampanatonana ny tranon'ilay zatovovavy Izy, rehefa nantsoina ho tonga ka hanasitrana azy, dia hoy Jesôsy tamin'ireo olona nisaona: *"aza mitomany, tsy maty izy fa matory"* (Lio. 8:52). Mariho fa tsy nilaza fotsiny akory i Jesôsy hoe matory razazavavy, fa lavidavitra kokoa noho izay no nambarany, "tsy maty izy". Ka rehefa tsy azon'izy ireo ny tiany hambara, "*dia nihomehy Azy fatratra ny olona satria fantany fa efa maty razazavavy"* (Lio 8:53), nefa tsy izay no tian'i Jesôsy hahatongavana. Fantany fa maty tao amin'ilay fahafatesana voalohany razazavavy, ary fantany koa anefa fa tsy maty mandrakizay, amin'ilay fahafatesana faharoa, izy. Mba hanehoany ny tiany hambara, dia novelominy tamin'ny torimasony na fahafatesana voalohany razazavavy.

Rehefa milaza ny Baiboly hoe "fa fahafatesana no tambin'ny ota" (Rôm. 6:23), dia tsy midika fotsiny hoe fahafatesana voalohany izany. Rehefa milaza ny Baiboly hoe "maty noho ny fahotantsika Kristy" (1 Kôr. 15:3) ary nohomboana teo amin'ny hazo fijaliana mba "hanandrana fahafatesana hamonjy ny olona rehetra" (Heb. 2:9), tsy midika tsy akory izany hoe ilay fahafatesana voalohany ihany. Fa ny tena fara tampon'ny tambin'ny ota dia ny fahafatesana faharoa. Ary mazava loatra fa ny tohin'izany dia hoe ny zavatra efa niaretan'i Jesôsy sy efa resiny ihany no hamonjeny antsika. Raha ny fahafatesana voalohany ihany no nandalovan'i Jesôsy, dia ny fahafatesana voalohany ihany no afaka hamonjeny antsika ary tsy maintsy mbola handalo ny faharoa isika. Soa ihany anefa fa, misy ilay vaovao mahafaly lehibe dia ny niatrehan'i Jesôsy ny fahafenoany sy ny faharatsian'ny fahafatesana faharoa. Diniho tsara raha niditra tao amin'ny zaridainan'i Getsemane Jesôsy sy ny mpianany. Hisy zavatra mahagaga hitranga.

Tsia, tsy mbola mahalaza azy izany.

Hisy zavatra mihoatra lavitra noho izay mampitolagaga hitranga. Hifantoka amin'ny anjara iray tokana ny tantara rehetra amin'io andro io ary ny fotoana dia hihazakazaka amin'ny fomba mahatsiravina. Ary ankehitriny sy ao anatin'ny fotoana vitsy monja, ny fanambarana ny fitiavan'Andriamanitra dia hibaribary amin'ny alalan'ny fijaliana sy fahafatesan'i Jesôsy. Ka tsy ho toy ny teo aloha intsony ny tany sy izao rehetra izao.

Jereo tsara.

Misaintsaina ny vesatry ny lanjan'ny zioga tsy hita maso i Jesôsy. Hitan'ireo mpianatra fa misy zavatra hafahafa. Nanazava ny zavatra hitranga aminy Jesôsy: "fadiranovana loatra ny fanahiko, toy ny efa ho faty" (Mat. 26:38). Eto dia resahiny amintsika ny toetoetry ny fahoriana mahazo Azy. Jereo fa izany teny izany ihany no nampiasainy teo aloha raha namariparitra ny momba ny fahafatesana faharoa sy ny fahasamihafany amin'ny fahafatesana voalohany Izy: "*Ary aza matahotra izay mamono ny tena, nefa tsy mahay mamono ny fanahy; fa aleo matahotra izay mahay mahavery ny fanahy sy ny tena ao amin'ny helo".* Mbola *Psyche* ihany no teny grika entina handikana ny "fanahy" eto, ary izany ihany ankehitriny no teny entin'i Jesôsy mampahafantatra ny zavatra hiaretany. Tao Getsemane, dia nilaza Jesôsy fa maty tamin'ny lafiny "*psyche*" ny momba azy rehetra. Maty ao anaty ka hatraty ivelany Izy, eo ambanin'ny herin'ny ota sy ny fahamelohana mahafaty.

Tsy mbola nisy fampijaliana ara-batana natao taminy. Kanefa, mijaly izy! Tsy mbola nisy ra nikoriana tamin'ny vatany noho ny herisetra. Kanefa, naratra Izy! Ambaran'i Lioka amintsika fa: *"fadiranovana Izy, ka dia nivavaka mafimafy kokoa; ary ny dininy dia tahaka ny rà nipotrapotraka tamin'ny tany"* (Lio. 22:44). Mivoaka ra ny mason-kodiny noho ny adin-tsaina mafy ateraky ny fahamenarana noho ny ota izay mianjady aminy. Manome fanazavana mahagaga momba ny zavatra niaretan'i Jesôsy ho antsika ny Isaia 53. Mariho ny andininy faha-6: *"Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily ho amin'ny lalantsika avy isika rehetra; ary nataon'i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra."* Aorian'izay ny andininy faha-10 dia milaza hoe: "ny fanahiny" dia natao "fanati-panonerana". Ary farany, jereo ny andininy faha-12: *"Satria naidiny ho amin'ny fahafatesana ny ainy, Ary natao ho isan'ny mpanota Izy; Eny, Izy no nitondra ny fahotan'ny maro sady manao fifonana ho an'ny mpanota."*

Tsy azo hodian-tsy hita fa mampitolagaga izany satria midika izany fa niditra tao amin'ny fanjakana maizin'ny ota sy fahamenarana Jesôsy. Nozakainy tao an-tsainy avokoa izany rehetra izany toy ny hoe Izy mihintsy no meloka fa tsy isika. Avy tany Getsemane no nitondrana an'i Jesôsy ho eo amin'ny hazo fijaliana. Eny, nofantsihana ny tanany sy ny tongony. Eny, nampijalina ny tenany. Kanefa dia tsy namoaka teny na iray akory aza momba ny fahoriany ara-nofo Izy, satria ny fahoriany ara-tsaina no tena mafy ka saika nanakona ny fahoriany ara-batana. Tsipiho tsirairay ireto fanambarana entin'i Ellen White ireto:

Maro ireo olona nandalo fahafatesana tamin'ny fahoriana maivana; ny hafa kosa maty nohomboana teo amin'ny hazo fijaliana. Inona no maha-samy hafa ny fahafatesan'ny zanaka malalan'Andriamanitra amin'ireo? Marina fa maty tamin'ny fomba mahatsiravina teo amin'ny hazo fijaliana Izy; ary ny olona hafa, noho ny nataon'izy ireo ihany, dia nijaly toy izany ihany koa, raha ny fahoriana ara-nofo no resahina. Nahoana àry, no mihoatra lavitra noho ny tamin'ny famoizan'ireo olon-kafa ny ainy ny fahoriana nianjady tamin'i Kristy? Raha toa ka fahoriana ara-nofo ihany no niainan'i Kristy, dia tsy nihoatra lavitra noho ny fahoriana niainan'ireo maritiora ny Azy ny nahazo Azy.

Kanefa ampahany kely fotsiny tamin'ny fangirifiriana nahazo ilay zanaka malalan'Andriamanitra ihany ny fahoriana ara-nofo. Teo amboniny ny otan'izao tontolo izao, niaraka tamin'ny fahatezeran'Andriamanitra raha niaritra ny sazy nateraky ny fandikana ny lalàna Izy. Izany no

nanorotoro ny fanahiny. Ny fieren'ny tavan'ny rainy – izay midika fa nahafoy Azy ny rainy malalany – no tena nitondra famoizam-po ho Azy. Tsapan'ilay tsy manan-tsiny, Ilay lehilahy nijaly teo Kalvary, ny fisarahan'Andriamanitra amin'ny olombelona ateraky ny ota. Nampahorina noho ny herin'ny maizina Izy. Tsy nanana tara-pahazavana Izy na iray akory aza hanazava ny ho avy. (*Testimonies for the Church, Vol. 2, p. 214*).

Indrisy!

Ampahany kely fotsiny tamin'ny fangirifiriana niainan'Ilay zanaka malalan'Andriamanitra hoe ny fahoriana ara-nofo? Tsy nanana na tara-pahazavana iray aza Izy hanazava ny hoavy? Inona no dikan'izany? Inona marina moa no tena niaretan'i Jesôsy ho ahy sy ho anao? Misintona ny saintsika amin'ny alalan'ity fanazavana lalina Ity i Ellen White: "tsy nisy azon'Ilay Mpamonjy hotazanina tao ambadiky ny varavaram-pasana. Tsy naneho azy ny fanantenana fa handresy ny fasana Izy, na nilaza taminy ny faneken'ny Ray ny fanatitra nataony. Natahotra mafy Izy fa tena halan'Andriamanitra ny fahotana ka hampisaraka Azy mandrakizay amin'ny Ray izany" (*Ilay Fitiavana mandresy, t. 753*). Mampitolagaga izany! Nandritra ny fotoana iray, rehefa nameno ny fony tamin'ny fahatsapana feno haizina ny fahamelohana nahazo antsika, dia tsy hitan'i Jesôsy intsony ny fiainana ao ambadiky ny fasana. Kanefa eto àry ilay zava-mahagaga: tsy voafandrika Izy. Tsy voatazona tao amin'ny toerana tsy misy lalan-kombana Izy. Zavatra roa no nolazainy mialohan'ny hazo fijaliana izay maneho fa tsy voafandrika Izy:

*"Ary izany no itiavan'ny Raiko Ahy, satria Izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray.Tsy misy manaisotra ny aiko amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy. Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray. Izany didy izany dia azoko tamin'ny Raiko"* (Jao 10:17,18).

Ary nilaza tamin'i Petera Izy tao Getsemane:

*"Ary ataonao va fa tsy mahazo mangataka amin'ny Raiko Aho, dia haniraka anjely tsy omby roa ambin'ny folo legiona ho etỳ amiko Izy ankehitriny?"* (Mat. 26:53).

Raiso avokoa ny tena dikan'izany rehetra izany. Niatrika ny mety ho fahafatesana mandrakizay Jesôsy, kanefa, noho ny fitiavany ahy sy anao, dia tsy nihemotra Izy. Tena vonona ara-bakiteny ny ho faty mandrakizay ary tsy hiray amin'ny Rainy intsony izy mba hamonjena antsika. Tsy mahagaga raha antsoin'i Paoly hoe *"ny fitiavan'i Kristy izay mihoatra noho ny fahalalana"* ny zava-nitranga tao Kalvary (Efes. 3:19). Raha nanolotra ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana Jesôsy, dia naneho tamin'ny fanazavana mahagaga sy tamin'ny hatsarana fa tena tia ara-bakiteny ny hafa rehetra mihoatra noho ny tenany tokoa Andriamanitra. Izany no fahamarinana mahagaga velarin'ny fahalalan'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito momba ny fahafatesana sy ny helo. Izany no fahamarinana izay sakanan'ireo foto-pinoana diso momba ny tsy fahafatesan'ny nofo sy ny fijaliana mandrakizay sakanana mba tsy ho hita. Hisy hilaza hoe: "ka tsy afaka nandalo fahafatesana faharoa anie Jesôsy e, satria faharavana mandrakizay ny fahafatesana faharoa, ary tsy hisy fitsanganana amin'ny maty intsony". Hay, kanefa misy vaovao mahafaly be voninahitra: tsy hoe nandalovan'i Jesôsy fotsiny ny fahafatesana faharoa, fa nandresy izany Izy teo am-panandramana izany.

Ambaran'i Petera fa: *"Andriamanitra nanangana Azy, rehefa nahafaka ny fanaintainan'ny fahafatesana, satria tsy laitr'izany hohazonina Izy"* (Asa. 2:24). Mariho ny teny ampiasainy eto: "tsy laitran'ny" fahafatesana hohazonina Jesôsy. Fa nahoana? Noho ny antony tsotra sady lalina: *"Fa ny ota no fanindronan'ny fahafatesana; ary ny lalàna no herin'ny ota"* (1 Kôr. 15:56). *Kanefa tsy nanota velively i Jesôsy.* Teo ambanin'ny fakam-panahy mahery vaika nahazo Azy, dia ny hamonjeny ny tenany, no nitohizan'ny fitiavany antsika rehetra na inona na inona mety haterak'izany ho Azy. Ny fitiavana tsy tia tena nananany, tsy nampivadika Azy handroso ho any Getsemane sy Kalvary, no naneho fa mifanaraka tanteraka amin'ny lalàn'Andriamanitra izany. Tamin'ny fitiavana irery ihany no nandresen'i Jesôsy ny

fahafatesana faharoa. Ka izany no tsy nahafahan'ny fahafatesana faharoa hihazona Azy. Manaporofo ny fandreseny ny ota, ny fahamelohana nahazo antsika ary ny fahafatesana tokony handalovantsika ny fitsanganany.

Mirotsaka ny ranomasoko ary fitsaohana no mameno ny foko hanehoana ny fijalian'ny Mpamonjy mifafy ao an-tsaiko.

Ahoana no hitiavany ahy amin'ny fitiavana lalina, sy mamy ary tsy mifangaro fitiavan-tena toy izany?

Tena toy izany ve Adriamanitra?

Tena tsara loatra toa izany mihitsy ve ilay Andriamanitr'izao rehetra izao izay Avo indrindra?

Mamaly tsy amim-pisalasalana manao hoe *Eny* Kalvary!

## ANDRO FAHA-6: Fanontaniana hifanakalozan-kevitra

1- Inona ny zavatra tsapanao tao anatinao vokatr'ity lesona ity? Moa ve mitovy sa misy fahasamihafana tamin'ny hevitrao teo aloha ny mahakasika ny fahafatesana sy ny fitsarana? Hazavao.

2- Ny mpanoratra dia miresaka momba ireo meloka izay miatrika ny "fandikan-dalànan'ny fifandraisana izay nataony". Araka ny hevitrao, inona no tiany hambara amin'izany? Ireo tokoa ve no fahotana lehibe indrindra? Nahoana no izany ary nahoana raha tsia?

3- Efa tena niaiky ireo fahotana vitanao marina avy ao amin'ny fonao tamin'Andriamanitra tokoa ve ianao? Raha toa ka tsia, dia mbola azonao atao izany. Raha toa kosa ka eny, dia efa nanaiky marina tao am-ponao ve ianao fa Kristy dia efa nanarona tanteraka ireo fahotanao ary ny famelan-kelokao dia efa tanteraka tahaka ny hoe tsy mbola nanota mihitsy ianao? Inona no mety hanampy anao hanaiky izany amin'ny fahafenoana?

4- Milaza fomba manokana maromaro izay hahafahanao mampita ilay fanomezana lehiben'ny famelan-keloka tanteraka.

## ANDRO FAHA-6: Asa isan-tarika

1. Azonao ampiana na ravahana araka izay tianao ilay sary valo zoro (Octogone).
2. Fitaovana ilaina:''clé USB'maromaro,''disques durs'', DVD-ROM, sns. Ampitampitao izany ary ifanakalozy hevitra ny antony hilana azy ireny. Moa "mahafantatra" zavatra va izy ireny? Afaka manao zavatra ve izy ireny? Inona no atao hahatonga azy ireny ho mbola azo ampiasaina indray? Ahoana no mahatonga azy ireny na tsia ho toy ny fahafatesana?
3. Fitaovana ilaina: sary mihetsika momba an'i Jesôsy, alefaso eo amin'ilay ampahany misy an'i Getsemane. Jereo miaraka, dia ifanakalozy hevitra ny fihetseham-po azonao (fa tsy ny ara-tsaina)

# ANDRO 7

# NY ANDRO FARANY

## *Fitiavana tsy an-tery*

Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika dia olon'ny faminaniana ara-Baiboly amin'ny andro farany isika, na izay ataon'ny mpahay teôlôjia hoe "eschatologie". Voalohany, mino isika fa ny hetsika anisan'ny ataontsika dia nambara mialoha ao amin'ny faminanian'ny Baiboly. Faharoa, dia mino isika fa miaina ao amin'ny dingana farany amin'ny tantaran'ny olombelona. Ireo no fanambarana lehibe fa manana ny maha-isika antsika amin'ny fanazavana ny sain'ny olombelona izay ao anatin'ny haizina isika. Ellen White dia nanambara fa misy loza izay ilaintsika toherina amin'ny andro farany mikasika ny asa fitoriana.

Matetika ampiasaina ho toy ny fandrisihana ny fitadiavana ny fahamarinana sy ny fanaovana namana an'i Kristy ny fahafohezan'ny fotoana. Tsy tokony handrisika antsika ho amin'ny fitiavan-tena izany. Mila ny fotoana mampivarahontsana amin'ny andron'Andriamanitra ve isika izay vao ho voatery hanao asa tsara noho ny tahotra? Tsy tokony ho izany no zava-miseho. Mahasarika Jesôsy. Feno fitiavana sy famindrampo ary fangorahana Izy. Te ho namantsika Izy (*Signs of the Times, March 17, 1887*)

Izano no atao hoe fampitandremana ho an'ny olona voaantso hitory ny faminanian'ny andro farany!

Tsy tokony hanambara ny faminanian'ny Baiboly amin'ny fomba izay mampifoha ny tahotra ny mpitory teny. Tsy ny hampitahotra antsika no fikasan'Andriamanitra tamin'ny nanehoany ny zavatra hiseho amin'ny andro farany fa ny mba hanomanana antsika; tsy hametraka antsika amin'ny ahiahy na tebiteby, fa mba hiteraka fanantenana sy fiadanana ao anatintsika. Tsy tena mahalala an'Andriamanitra na tia Azy aho raha toa ka miezaka manao ny marina satria efa fohy ny fotoana. Toy ny miaro tena fotsiny aho raha manao izany. Mihevitra ny manompo an'Andriamanitra aho kanefa manompo ny tenako ihany. Iray ihany no antony manosika antsika hitia ny Tompo. Ambaran'i Ellen White fa: "Mahasarika Jesôsy". Antony manosika antiska hitory ny faminanian'ny andro farany ny fitiavany. Rehefa banjinintsika ny fitiavana mahasariky ny toetrany dia mampihetsika antsika avy ao anaty ka hatraty ivelany izany! Henoy ny hevitr'i Davida Mpanjaka mikasika izany:

*"Zavatra iray loha no nangatahiko tamin'i Jehovah, izany no hotadiaviko, dia ny hitoetra ao an-tranon'i Jehovah amin'ny andro rehetra hiainako, mba ho faly mijery ny fahasoavan'i Jehovah sy mandinika ny tempoliny. Fa hanafina ahy ao an-trano fialofany amin'ny andro fahoria Izy; hampiery ahy amin'ny fierena ao an-dainy Izy; hanandratra ahy ho eny ambony vatolampy Izy."* (Sal. 27: 4,5)

Mariho fa tsy mifantoka amin'ny andro fahoriana akory i Davida, fa amin'ny hatsaran'ny toetran'Andriamanitra. Raha izany andro fahoriana izany no resahina, dia mahatsapa fahatokiana izy fa tsy tahotra. Ary izany dia fomba fijery tsara tokoa mikasika ny andro fahoriana sy amin'ny zava-kitranga amin'ny andro farany! Isika tsirairay dia mila manontany tena na mitovy eritreritra na tsia amin'i Davida manoloana an'Andriamanitra. Moa ve isika babon'ny "hatsaran'" ny toetran'Andriamanitra? Raha tsy izany, dia tokony hataontsika laharam-pahamehana ny manana fomba fijery madio sy marina momba ny fitiavan'Andriamanitra ka ho heniky ny fitiavan'ilay Mpamorona mahagaga isika.

Ivelan'izay fomba fijery hita teo izay, ny andro farany dia tsy mitondra afa-tsy tahotra ao anatin'ny fontsika marefo.

Tsy vitantsika ara-bakiteny tokoa ny hisaina momba ny andro farany raha toa ka avelantsika hanakona an'i Jesôsy izany vanim-potoana izany. Izany foto-pisainana izany dia tsy azo ihodivirana fa manimba ilay sary aseho no sady mitondra tahotra momba ilay faminaniana mikasika ny hoavy raha toa ka i Kristy no tokony ho hery fiarovana. Ny fifantohana amin'ny zava-kitranga amin'ny andro farany dia

mitarika ho amin'ny fanaronana ny toetra ratsy, fandrahonana amin'ny loza hitranga, ary mampitoetra ny olona ao anaty fisalasalana na handresy izy ireo na tsia amin'ny andro fahoriana. Ampahany goavana tokoa amin'ny hafatra entintsika ny"eschatologie". Azo antoka izany. Kanefa toy ny foto-pinoana hafa rehetra, raha ataontsika toy ny varavarankely hitarafana ny fitiavan'Andriamanitra izany dia ho tanteraka amintsika tokoa ny tanjon'Andriamanitra.

Koa aoka izany fomba fijery izany no hanakaikezantsika ny andro farany hahitana izay zava-kitranga.

Ny foto-kevitry ny vanim-potoana farany

Hanomboka hitrandraka ny "eschatologie" isika amin'ny alalan'ny fanontaniana tsotra:

Inona no foto-kevitra andrasantsika ho hita ao anatin'ny vanim-potoana farany amin'ny tantaran'ny olombelona?

Manome ny valiny antsika Jesôsy ao amin'ny Jao. 16:1-4:

*"Izany teny izany dia efa nolazaiko taminareo, mba tsy hahatafintohina anareo. Handroaka anareo hiala amin'ny synagoga izy; eny, ho avy ny andro, ka hataon'izay rehetra mamono anareo fa manatitra fanompoam-pivavahana ho an'Andriamanitra izy. Ary izany no hataony, satria tsy fantany ny Ray na Izaho. Fa izany teny izany efa nolazaiko taminareo, mba hotsaroanareo, raha tonga ny fotoan'androny, fa Izaho efa nilaza izany taminareo. Ary tsy mba nolazaiko taminareo hatramin'ny voalohany izany, satria mbola tatỳ aminareo ihany Aho."*

Mahavariana tokoa!

Aza hodian-tsy hita ny fanambarana nataon'i Jesôsy teto, satria tena manan-danja tokoa. Amin'ny ankapobeny dia izao no nambarany: "izao no zava-kitranga amin'ny andro farany, hisy ireo olona hitondra ny sarin'Andriamanitra ka hitarika azy ireo hamono ny hafa amin'ny anarany. Ny foto-kevitra ara-teôlôjia tanany dia hanambara asa feno herisetra. Ka hanatanteraka asa famonoana olona faobe izy ireo, eo am-piheverana fa manompo an'Andriamanitra izy ireo raha manao izany." Kanefa raha toa ka mahafantatra marina an'Andriamanitra amin'ny maha-Andriamanitra Azy izy ireo, dia tsy hampihatra herisetra amin'ny anarany na oviana na oviana. Hitanao ny vokany, sa tsy izany? Midika izany fa ny zava-dehibe indrindra dia ny fihazonantsika ny toetran'Andriamanitra ao am-pontsika. Midika ho fanambarana marina ny toetran'Andriamanitra feno hatsarana izay hafatra tokony haparitaka manerana izao tontolo izao izany!

Nahoana?

Satria, araka ny nambaran'i Jesôsy, isika olombelona dia matetika diso fandray ny tena toetran'Andriamanitra ka lasa manamarin-tena rehefa manao faneriterena amin'ny anarany. Raha ny marina, ity fomba fijery ara-teôlôjia ity no nanjaka tamin'ny tantaran'ny tany efa ela ka nitarika ho amin'ny herisetra izay nitondra ny tanintsika anaty haizina. Raha ny endrika fanompoan-tsampy fahiny no resahina, dia nino ny olona fa tsy maintsy ampijaliny ny tenany mba hampitony ny fahatezeran'Andriamanitra. Indraindray izany dia midika ho famonoana ny tena. Indraindray izany dia midika ho fanaovana asa manokana ambaran'ny mpitondra fivavahana. Indraindray izany dia midika ho fananganana ady amin'ny anaran'Andriamanitra. Ary indraindray izany dia midika ho sorona ara-teôlôjia mitondra fahatoniana.

Tena tsotra sady maizina tokoa izany foto-kevitra izany, satria maneho fa ny fomba fijerin'Andriamanitra ny olombelona dia tsy misy afa-tsy fanamelohana sy fahatezerana, ka mampahory antsika amin'ny fitsarana sy fandravana Izy raha toa ka tsy manao asa-sorona entina hampitoniana ny fahatezerany isika. Ilay fitoniana resahina eto dia mitondra ny endriky ny asa fivalozana toy ny: fiankohofana tsy an-kiato, famonoana ny vatana, fandoavam-bola ho amin'ny fiangonana, na fanaovana asa voafaritry ny mpitondra fivavahana. Mety hitondra ny endriky ny fitaritana olona sasantsasany na maromaro hatao sorona ho an'Andriamanitra izany. Na izany aza, ny Andriamanitry ny Baiboly, ilay

Andriamanitra tokana sady marina dia nilaza mazava tamin'i Israely fa tsy mitaky asa hampitony ny fahatezerany na oviana na oviana.

*“Fa efa nahafoy Ahy izy ka nahatonga ity tanàna ity ho hafahafa, fa nandoro ditin-kazo manitra tato ho an’andriamani-kafa, izay tsy fantany, na fantatry ny razany, na ny mpanjakan’ny Joda, sady efa nameno ran’ny marina ity tanàna ity ary nanorina ny fitoerana avo ho an’ny Bala handoroany ny zanany ho fanatitra odorana ho an’i Bala, izay tsy nandidiako, na nolazaiko, na tao an-tsaiko akory aza.”* (Jer. 19: 4,5).

Mariho ilay fehezanteny farany manao hoe: "na tao an-tsaiko akory aza". Ivelan’ny toetra maha-Andriamanitra tanteraka ny fampitoniana ara-teôlôjia, kanefa dia miraikitra tanteraka ao amin’ny foto-pisainana maha-olombelona satria izany no vokatra ara-boajanahary ateraky ny fanamelohana. Ny fahamenarana tsapantsika dia mahatonga antsika hihevitra fa ireo zava-dratsy mitranga amin’ny fiainantsika dia famaizana avy amin’Andriamanitra avokoa, ka mitarika antsika hamalifaly an’Andriamanitra amin’ny fanaovana asa sorona amin’ny fomba maro isan-karazany. Saintsaino lalina tsara àry fa efa manana mpanalalana lehibe isika na eo aza ny olana goavana ateraky ny vanim-potoana farany. Raha ny marina dia nihvetra ireo mpitondra fivavahana fa rehefa nanombo an’i Jesôsy teo tamin’ny hazo fijaliana dia nampitony ny fahatezeran’Andriamanitra ary nahazo famonjena amin’ny alalan’ny asa. Nihevitra ireo Mpitondra fivavahana fa tsy afaka nifehy ny olona noho ny fisian’i Jesôsy. Tamin’ny fandraisan’izy ireo ny maha-zava-dehibe ny fampitoniana, dia nandray fanapahan-kevitra izay nanimba tanteraka ny tena endrik’Andriamanitra izy ireo: *“raha ny lehilahy iray no ho faty hamonjy ny firenena, mba tsy ho rava avokoa ity firenena ity”* (Jao. 11:50).

Nieritreritra izy ireo fa afaka ny hisoroka ireo loza ho avy rehefa namono an’i Jesôsy. Toy izany ihany koa, araka ny nambaran’i Jesôsy, ny fanenjehana amin’ny andro farany amin’ny tantaran’ny zanak’olombelona dia atosiky ny endrika hafa momba an’Andriamanitra izay mamela ireo mpanenjika hihevitra fa manompo an’Andriamanitra tokoa izy amin’ny fampiasana rafitra ara-pivavahana sy ara-pôlitika feno faneriterena. Ambaran’i Jesôsy mazava tsara ny zavatra hitranga rehefa hanery ny hafa amin’ny anaran’Andriamanitra ny olona: “hataon’ny olona aminareo izany satria tsy mahafantatra Ahy sy ny Ray izy ireo.” Amin’ny teny hafa dia hoe: ny tena fahalalana an’Andriamanitra marina dia mifanohitra tanteraka amin’ny fampiasana faneriterena amin’ny anarany.

Mahagaga tokoa izany!

Takatsika ankehitriny ny zavatra hitranga fototra amin’ny vanim-potoana faran’ny tantaran’ny zanak’olombelona. Samy hanana ny fomba fijeriny momba an’Andriamanitra avokoa ny tsirairay rehefa hisaraka ireo mpanenjika sy ireo henjehina.

Andeha àry isika hiditra lalin-dalina kokoa.

Karazana fahefana maro samyhafa

Mandahatra ireo lisitry ny “famantarana” amin’ny andro farany Jesôsy ao amin’ny Matio 24. Soritany ny famantarana lehibe indrindra sy manan-danja indrindra ao amin’ny andininy 14: *“ary hotorina amin’izao tontolo izao ity filazantsaran’ny fanjakana ity ho vavolombelona amin’ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany.”* Rehefa nilaza izany Jesôsy dia nampiasa fomba fiteny mahazatra tokoa ireo olona niaina tamin’izany vanim-potoana izany. Raha nampiasa ilay teny hoe “filazantsara” izay adika amin’ny teny grika hoe *euaggelion* Izy, dia maneho ny fomba fiteny entina hilazana ny fandresen’ny tafika. Rehefa mandresy ny ady ny fanjakana iray, dia ampiasaina ilay teny hoe *euaggelion* hanehoana ny “vaovao mahafaly” momba ny fandresena. Tonga Jesôsy ka nampiasa ilay teny fampiasa amin’ny fandresen’ny tafika, ka nampitodika ny heviny mba hampilaza ny fiavian’ilay fanjakana vaovao miorina eo ambany fahefana vaovao. Tsy misy toa azy ny fanjakany. Raha ny marina dia tena mifanohitra tanteraka amin’ny fitondram-pahefana eto amin’izao tontolo izao izany.

Tonga teto an-tany Jesôsy ka nampirisika ny fiangonana hampiasa ilay fitsipiky ny fitiavana tsy misy faneriterena. Ny fomba fiteny malaza tamin'izany vanim-potoana izany dia ny hoe "agape", ilay namaritana ny fanjakany. Nilaza toy izao Jesôsy raha namaritra ny fototry ny fitsipiny: *"fa toy izao no nitiavan'*(agape) *Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay."* (Jao. 3:16).

Mamaritra ny fisian'Andriamanitra ny fanomezana amin'ny fahafenoany.

Teo amin'ny hazo fijaliana Andriamanitra dia nanome ny tenany mba hijaly sy ho faty mba hanehoana ny fitiavany antsika, ary izany fitiavana izany no fahefana, ilay hany fahefana nasehony ho famonjena antsika. Asehon'ny hazo fijaliana fa irin'Andriamanitra ny hitarika ny olombelona ho eo aminy amin'ny alalan'ny herin'ny fitiavany misarika. Mifanohitra kosa amin'izany, manohitra tanteraka ny fampiasana faneriterena Izy. Nampiasa ny fitsipiky ny fitiavana tsy misy faneriterena tamin'ny fifandraisana tamin'ny olombelona amin'ny ankapobeny sy ny fiangonana manokana Izy. Mariho ny voalazan'ny Mat.20:25-28:

*"Fantatrareo fa ny andrianan'ny Jentilisa mampanompo azy tokoa, ary ny lehibeny manapaka azy fatratra. Fa tsy mba toy izany aminareo; fa izay te-ho lehibe aminareo dia mpanompo anareo ary izay te-ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo. Fa tahaka izany, ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro."*

Izany no tian'i Jesôsy ho toetry ny fiangonany, ary niriny ho fomba fiasany. Ary amin'ny alalan'ny fiangonany no tiany hitarafan'izao tontolo izao ny toetrany. Tia fahafahana ary mankahala herisetra tokoa Jesôsy. Ny fiainany sy ny fahafatesany ary ny fampianarany dia maneho rafi-pifandraisana eo ambany "fahefana milefitra" fa tsy "fahefana manjaka". Manohitra tanteraka amin'ny fanerena ara-teôlôjia sy ara-pihetseham-po ary ara-nofo eo amin'ny zanak'olombelona ny fanjakany, mba hampitoetra ny fifandraisan'ny tsirairay ao amin'Andriamanitra. Rehefa niala teto an-tany Jesôsy, rehefa avy nanangana ny fiangonany miorina eo ambany fifandraisana mitondra fitiavana sy fahafahana, dia nampandroso ny fanjakany tamin'ny fomba roa ireo mpianany: (a) tamin'ny fitoriana ny filazantsara, na ilay vaovao mahafaly momba ny fitiavan'Andriamanitra tsy misy faneriterena izay fototry ny fifandraisan'ny zanak'olombelona amin'Andriamanitra ary ny (b) fahatsapan'ny olona rehetra ao amin'ny fiangonana ny fitavany, izay midika fa ny lehilahy sy ny vehivavy ao am-piangonana dia hifankatia tanteraka ary tsy noterena noho ny fitiavan'Andriamanitra.

Tsy natao ho rafitra feno faneriterena ny finoana noho ny lalàna ny fiangonana, fa rafitra mampisarika kosa ny hatsaran'ny toetran'Andriamanitra toy ny fanasana ny olona rehetra tsy an-kanavaka afaka hilaza ho "eny" na "tsia". Rehefa azontsika tsara fa izany fitiavana tsy misy faneriterena izany no fototry ny fitsipiky ny filazantsara, dia voaomana hahafantatra isika fa ireo rafitra ara-pôlitika sy ara-pivavahana rehetra izay mitady hampiasa hery amin'ny anaran'i Kristy, dia mifanohitra amin'i Kristy. Ary mitondra antsika ho eo amin'ny faminanian'i Daniela sy Apôkalipsy izany.

Daniela sy ny Apokalypsy

Daniela sy Apôkalipsy dia milaza ny nandresen'i Jesôsy ny famitahana sy ny herisetra tamin'ny alalan'ny fahamarinana sy ny fitiavana. Izany no foto-kevitra nodinihina lalina tao amin'ny Baiboly. Raha toa ka tsy haintsika izany dia tsy haintsika ny zavatra rehetra.

Andeha àry hovoaboasantsika izany.

I Daniela dia nampiseho antsika andiany maromaro tamin'ireo fanjakan'izao tontolo izao. Ny tsirairay avy dia mikendry ny hampandroso sy hampiakatra ny tenany tamin'ny hery sy tanjaka, kanjo samy voazera avokoa noho ny fanapahan'ny fanjakana iray hafa. Maneho ny fiverimberenan'ny faharesena teo anatrehan'ny herisetra i Daniela ao amin'ny Dan. 8: 4-9:

*"Hitako ny ondrilahy manoto miankandrefana sy mianavaratra ary mianatsimo; ary tsy nisy biby nahajanona teo anoloany, ary tsy nisy naharombaka izay mby teny an-tanany; fa nanao araka izay*

*sitrapony izy ka tonga lehibe. Ary raha mbola nandinika aho, dia, indro, nisy osilahy nivoaka avy tany andrefana ka nitety ny tany rehetra, nefa tsy nikasika ny tany; ary ilay osilahy dia nanana tandroka lehibe teo anelanelan'ny masony. Ary izy nankeo amin'ilay ondrilahy nanana tandroka roa, dia ilay efa hitako nitsangana eo amoron'ny ony, ka nanazakazaka azy tamin'ny fahatezeran'ny heriny. Ary hitako nanatona ho eo anilan'ny ondrilahy izy, dia nisafoaka taminy ka namely ny ondrilahy ary nanapaka ny tandrony roa, ka tsy nahajanona teo anoloany intsony ilay ondrilahy, fa nazerany teo amin'ny tany ka nohitsakitsahiny; ary tsy nisy nahavonjy ilay ondrilahy teny an-tànany. Ary dia nihahery indrindra ilay osilahy; nefa nony nahery izy, dia tapaka ilay tandrony lehibe; ary nisy efatra lehibe nipoitra nisolo iny nifanandrify tamin'ny rivotra efatry ny lanitra. Ary nisy tandroka kely nipoitra avy tamin'ny anankiray amin'ireny ka nihalehibe indrindra nianatsimo sy niantsinanana ary nankany amin'ny tany mahafinaritra."*

Mariho ny fisandratana soritan'i Daniela eto:

- "lehibe"
- "nihahery indrindra"
- "nihalehibe indrindra"

Ary mariho ny tenin'ny fahefana sy herisetra:

- "tamin'ny fahatezeran'ny heriny"
- « nanatona »
- « Nisafoaka »
- « Namely »
- "Nazerany teo amin'ny tany"
- « Nohitsakitsahiny »

Ny Fanjakana tsirairay dia mandresy ny hafa amin'ny alalan'ny hery. Eo am-panoritsoritana ny fanjakana ao amin'ny faminaniana dia milaza toy izao i Daniela ao amin'ny andininy 24-25:

*"Ary ho be ny heriny, nefa tsy amin'ny herin'ny tenany; ary mahagaga ny fanimbana hataony; ary hambinina izy ka hahefa ary hanimba ny mahery sy ny olo-masina. Ary ny fahafetseny koa no hahatanteraka ny fitaka eny an-tanany; ary izy hiavonavona am-po ka handringana ny maro amin'izay tsy ampoiziny; ary hitsangana hanohitra ny Andrianan'ny andriana izy, kanjo ho torotoro kosa, nefa tsy hisy tanana hamely azy tsinona."*

Toy ireo fanjakana izay nialoha azy, ny fandringanana sy ny fitaka no entiny manandra-tena. Fa avy eo dia mampiseho antsika zava-baovao i Daniela, zavatra hafa tanteraka. Ity rafitra mahery ity dia mandresy izay rehetra andalovany, mandra-pitsangany "hanohitra ny Andrianan'ny andriana", dia ny Mesia izany. Tapitra hatreo ny fisandratan-tena ao amin'i Jesôsy, saingy tsy araka izay mety iheverantsika azy. Raha mitsangana hanohitra an'i Jesôsy izany fanjakana izany, dia ambaran'i Daniela fa "ho torotoro nefa tsy hisy tànana hamely azy" Izy. Amin'ny teny hafa dia tsy mandresy amin'ny alalan'ny rafitra ampiasain'ny herin'olombelona i Jesôsy. Mandresy amin'ny alalan'ny fitsipika izay mifanohitra tanteraka amin'izay fampiasan'ny fanjakan'izao tontolo izao Izy. Mampiasa ny fitaka sy ny herisetra izy ireo. Fahamarinana ao amin'ny fitiavana kosa no fitaovam-piadian'i Jesôsy.

Ao amin'ny toko faha-9 Daniela dia manome antsika amin'ny tsipiriany ny lalan'ny Mesia ho amin'ny fandresena, ary mahavariana tokoa izany. Mariho ny andininy faha-26: *"… hovonoina ny Mesia ka tsy hanana."* Ary ny andininy faha-27: *"Ary hanorina fanekena ho herinandro amin'ny maro izy ary hampitsahatra ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hafa hatramin'ny antasaky ny herinandro"*. Izany no faminaniana manambara mialoha ny fahafatesan'i Jesôsy. Ilay tena Mpanjakan'ny tany no hanome ny ainy an-tsitrapo ao Kalvary - "ka tsy hanana".

Mavesa-danja tokoa izany.

Tian'i Daniela ho azontsika fa mampiasa karazana hery samihafa i Jesôsy Mpanjaka. Maty teo amin'ny hazo fijaliana noho ny fahavalony i Jesôsy, ho antsika rehetra izay mpikomy, sady olombelona lavo. Navelany hamoaka ny fahatezerantsika aminy isika kanefa tia antsika foana Izy. Ny tian'ny faminaniana hambara dia ny tsy nisalasalan'i Jesôsy nanome ny ainy teo ambany fahefan'ny fiangonana sy ny fanjakana.

Nitambatra mba hamono an'i Jesôsy ny rafitra ara-pivavahana jiosy sy ny fanjakana Rômanina. Mahavariana tokoa fa maty teo ambany fifanarahan'ny fiangonana sy ny fanjakana i Jesôsy. Ny zava-mahagaga dia ny hoe, amin'ny maha-Andriamanitra Azy, dia nanana fahefana teo amin'izy ireo Izy, kanefa nanaiky an-tsitrapo ny herisetra natao taminy Izy. Ao amin'ny Jao. 10:18, Jesôsy dia manao hoe: *"Tsy misy manaisotra ny aiko amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy."* Isika dia manana an'i Kristy Ilay Mpanjakan'izao rehetra izao nandresy ny fanjakan'izao tontolo izao. Kanefa ahoana no nanatanterahany izany? Tamin'ny fanaovany sorona ny tenany teo ambany fankahalantsika sy hatezerantsika!

Ny toetra maha-olombelona sy ny fanjakan'izao tontolo izao dia miezaka miaro ny tenany amin'ny lafiny rehetra.

Mamono na vonoina.

Rehefa atao dia mamaly.

Mamely raha voavely.

Kapohinao aho, kapohiko ianao.

Izay manana ny hery mihoatra noho ny hafa no mandresy.

Miditra eo amin'ny tontolon'ny rafitra feno herisetra i Jesôsy ka manao zavatra hafa tanteraka amin'ny fomba fanaon'ny olombelona: tiany ny miatrika ny ratsy. Hzavain'i Petera ao amin'ny 1 Pet. 2:23, 24 fa: *"raha notevatevaina Izy, dia tsy mba nanevateva; raha nijaly, dia tsy nandrahona, fa nanolotra ny adiny ho amin'ny Mpitsara marina; ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo, mba ho faty ny amin'ny ota isika, fa ho velona ny amin'ny fahamarinana; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana anareo".* Ny fitiavana ny fahavalo ihany no manan-kery hanorotoro ny fandrafiana ka hiteraka fifandraisana vaovao. Ary izany indrindra no fanasitranana manan-danja entin'ny hazo fijaliana. Ny hitantsika ao amin'i Jesôsy dia fitiavana tsy resin'ny fankahalana sy ny herisetra.

Torotoro avokoa ny tafika manohitra fitiavana rehetra noho ny fitiavany!

Na inona na inona ataontsika Azy, dia tsy hitsahatra ny ho tia antsika na oviana na oviana Izy. Rehefa manohitra ny fitiavan'Andriamanitra isika, dia hahita hery mahery vaika kokoa noho ny hery eto amin'izao tontolo izao. Afaka ny hanampatra ny hatezerantsika aminy isika mandra-pahatapitra izany, kanefa tsy handrava Azy izany. Haratra foana ny hozatsika ka ho vizaka foana isika, kanefa dia mandinika ny masontsika feno hatezerana amin'ny famelan-keloka Izy mandra-pahatonga antsika ho feno ny fitiavany na miala tanteraka amin'izany. Izany no hafatra fototra entin'ny faminanian'i Daniela.

Rehefa mamaky ny bokin'ny Apôkalipsy isika, dia mahita tantara mitovy amin'izany: mandresy ny ratsy ny fitiavana. Manokatra ny bokin'ny Apôkalipsy i Jaona amin'ny filazana fa ny kintan'ilay boky dia mamonjy sy manjaka amin'ny alalan'ny fitiavana feno fahafoizan-tena.

"Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy; ary avy amin'ny Fanahy fito izay eo anoloan'ny seza fiandrianany; ary avy amin'i Jesôsy Kristy, Vavolombelona marina sy Lahimatoa amin'ny maty ary Lehiben'ny mpanjaka amin'ny tany. Ho an'izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny rany, sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an'Andriamanitra Rainy; ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena." (Apôk. 1: 4-6)

Tian'i Jaona ho azontsika fa Mpanjaka tsy misy toa Azy i Jesôsy. Miseho amin'ny alalan'ny nanomezany ny ainy ho antsika ny fanapahany. Izany hafatra izany dia mazava kokoa rehefa soritan'i Jaona ny zava-mitranga ao amin'ny efitry ny seza fiandrianan'izao rehetra izao. Andeha hovakintsika ny Apôk. 5: 6,7:

*"Ary hitako fa, indro, teo afovoan'ny seza fiandrianana sy ny zava-manan-aina efatra ary teo afovoan'ny loholona dia nisy Zanak'ondry nitsangana tahaka ny efa voavono, nanan-tandroka fito sy maso fito, dia ny Fanahy fiton'Andriamanitra nirahina hankany amin'ny tany rehetra. Ary tonga Izy ka nandray ny boky teo an-tànana ankavanan'ilay nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana."*

Ankehitriny hojerena indray ny andininy 11-13:

*"Ary nahita aho sady nandre feon'anjely maro manodidina ny seza fiandrianana sy ny zava-manan-aina ary ny loholona, ary ny isany dia alinalina sy arivoarivo, nanao tamin'ny feo mahery hoe: Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, Dia mendrika handray hery sy harena sy fahendrena Sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra. Ary izao zavatra ary rehetra izao, na izay any an-danitra, na izay etỳ ambonin'ny tany sy any ambanin'ny tany, na izay any an-dranomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny, dia reko samy nanao hoe: Ho an'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy ho an'ny Zanak'ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay."*

Jesôsy no ivon'ny fifantohana sy ny fiderana satria nanome ny ainy ho antsika Izy. Manampy antsika hahita ny tantaran'ny vanim-potoana farany ny Apôkalipsy amin'ny fanehoana ny fandresena amin'ny alalan'ny fahafoizan-tena. Mifanohitra amin'ilay Iray mandresy sy manjaka amin'ny alalan'ny herin'ny fahafoizan-tena, dia mampitandrina antsika i Jaona fa "ilay dragona lehibe", Ilay "menarana dia Devoly sy Satana" dia hanangana ady hanohitra an'i Jesôsy sy ireo mpanara-dia aminy (Apôk. 12:9). Mampifantoka antsika amin'ny teboka manan-danjan'ny tantara ny Apôk. 12:11: *"Ary izy ireo naharesy azy noho ny amin'ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny filazana Azy, Ary tsy nankamamy ny ainy intsony izy na dia ho faty aza".* Mazava ny hafatra. Handresy ny herin'ny Satana ny vahoak'i Jesôsy amin'ny vanim-potoana farany amin'ny famaliana amin'ny alalan'ny fitiavan'i Kristy fa tsy famaliana faty. Ao amin'ny tantaran'i Jesôsy, Ilay tena Mpandresy dia handresy amin'ny faharesena, satria ny fitiavana tsy misy herisetra no foto-kevitra miafina sy lalin'ny tena fandresena.

Fitiavana mandà ny famaliana ratsy ny ratsy!

Fitiavana manaiky fanararaotana fa tsy manararaotra!

Fitiavana manaiky ho faty toy izay mankahala ny mpankahala!

Ny famaliana ny fankahalana sy ny herisetra amin'ny fankahalana sy ny herisetra no mampaharitra ny fankahalana sy ny herisetra. Manaitra ny herisetra ny herisetra. Raha mbola herisetra hatrany no hamaliana ny herisetra, dia hiverimberina ara-bakiteny tsy hisy fiafarany izany raha tsy potika tanteraka ny andaniny sy ankilany. Ao amin'ny Apôk. 13 isika dia mahita ireo bibidia avy any an-dranomasina sy bibidia eto an-tany, dia ny Katôlika Rômanina sy ny Prôtestanta Amerikanina izany. Mampitandrina antsika ny faminaniana fa any am-parany any ireo hery roa ireo dia hiray mba hampihatra ny "mariky ny bibidia" eto amin'izao tontolo izao.

- Ny Fivavahana amin'ny lalàna dia ho tafapetraka ka hitondra fanerena ao amin'ny feon'ny fieritreretana amin'ny anaran'Andriamanitra.
- Ny fahafahana ara-pivavahana dia hiova endrika ary ilay bibidia mitafy hodi-janak'ondry dia "hiteny toy ny dragona."
- Ny Prôtestanta Amerikanina ho tonga milina ara-pôlitika hitondra krizy eo amin'ny feon'ny fieritreretana sy ny toetran'ny tsirairay eto amin'izao tontolo izao.
- Ny rafi-pandaminana dia hanery fa *"tsy misy olona afaka hividy na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika, na ny anaran'ny bibi-dia, na ny isan'ny anarany"* (andininy 17). Amin'ny teny hafa dia hanampatra ny fahefany ara-bola eo amin'ireo rehetra manohitra ny fanapahany izy.

Misy karazana fahefana roa aseho ao amin'ny Apôkalipsy: ny herin'ny Zanak'ondry mifanohitra amin'ny herin'ny Dragona. Ny hery ampiasain'i Satana sy ny rafi-pandaminana maneran-tany izay manaraka azy no hery iray. Ary mifanohitra tanteraka amin'izany, ny hery ampisain'i Jesôsy dia ny fitiavana feno fahafoizan-tena. Fitiavana mifanohitra amin'ny hery! Izany no tantara feno momba ny Daniela sy ny Apôkalipsy raha tsorina. Ary raha izany no tantara, ny fanontaniana lehibe tonga ao ampontsika tsirairay avy dia izao: Moa ve izaho sy ianao tena mahafantatra an'i Jesôsy ho Ilay fanambarana ny tena toetran'Andriamanitra marina? Rehefa mivelatra eo amin'izao tontolo izao ny vanim-potoana faran'ny tantara, dia samy haneho izay mety ho endrik'Andriamanitra heverintsika avy ny tsirairay amintsika. Na isika hitoetra eo amin'ny antokon'ireo mandika ny fitsipiky ny fahafahana arapivavahana mba hiazonana ny aintsika, na isika hijoro ho mahatoky ao amin'ny fahafahan'ny feon'ny fieritreretana izay mifanaraka amin'ny fitiavan'Andriamanitra tsy misy faneriterena.

Ary amin'izany, dia hifarana izao tontolo izao.

## Andro faha-7 : Fanontaniana hifanakalozan-kevitra

1. Mizarà sombin-tantara teo amin'ny fiainanao nahatonga anao halaim-panahy hampiasa faneriterena amin'ny anaran'ny fitiavana, na nahitanao olon-kafa nanao izany. Inona no vokany? Inona araka ny hevitrao no vahaolana?
2. Mety ho tafalatsaka ao anatin'ny fandriky ny fanerena ny olon-kafa hino (anatiny na ivelan'ny fiangonana) na hanatanteraka fomba fanao iray na maromaro ve ny Advantista? Ahoana no hiatrehantsika sy hanovantsika izany amin'ny tsy fampiasana hery?
3. Mety ho lasa lavitra loatra amin'izany lalana izany ve isika ka ho tonga mpitari-dalana tokoa noho ny fiezahantsika « hanararaotra fa tsy hoe tojo fanararaotana tsy akory»? Ahoana no hiarovantsika ny tenantsika tsy hanao izany?
4. Amin'ny fomba ahoana no mety "nanovanao ny endrik'Andriamanitra" nandritra ny volana lasa?

## Andro faha-7: Asa isan-tarika

1. Azonao ampiana na ravahana araka izay tianao ilay sary valo zoro (Octogone).
2. Isaky ny vondrona, dia miezaha maneho fomba iray nahitanao vondrona Advantista na olona tsirairay nampiasa faneriterena hitarihana ny olon-kafa hino na hanao izay zavatra heveriny ho marina. Matetika izany no mipoitra avy amin'ny eritreritra na tanjona izay toa tsy hita izay maharatsy azy. Inona avy ireo?
3. Izao indray dia miezaha maneho fomba roa hampiasain'ireo vondron'olona ireo ny fitiavana tsy misy faneriterena, inona no mety ho vokany araka ny hevitrao? Ampio amin'izay mety ho fihetsika asetrin'ireo vondron'olona nitory ireo izany raha toa ka tsy nanaiky ny hanara-dia an'Andriamanitra ilay olona nokendrena.

Ankehitriny... Ahoana no hampiharinao izany eo amin'ny fiainanao? Farito mazava tsara.

# ANDRO 8

## ILAY FIAVIANA FANINDROANY

### *Fitiavana maniry fatratra*

***Tokony hilazain'ny mpitarika an'ireo tanora mialoha ny fotoana:***

Amin'ity Sabata fodiana any an-trano ity, ny lohahevitra dia ny Fiverenan'i Kristy Fanindroany.

Tokony ho fotoana io hahafahan'ireo namanareo izay niala tamin'ny fiarahana tao amin'ny fiangonantsika mba hanandrana ny fiverenan'izy ireo fanindroany eto amin'ny fiarahamonin'ny fiangonana.

Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, dia miorina ao amin'ny anarantsika ny fahamarinana ara-Baibolin'ny fiavian'i Jesôsy fanindroany, ary tena mahafinaritra tokoa izany, araka izay ho hitantsika avy eo. Ny teny hoe "advent" dia midika fotsiny tsotra izao hoe "fahatongavana". Rehefa milaza isika hoe Advantista, dia milaza ny tenantsika isika ho vahoaka izay mandala ny fanantenana mamirapiratra indrindra azo eritreretina. Manambara ny anarantsika fa io Jesôsy izay tonga teto amin'ity tanintsika ity 2000 taona lasa io ihany – naterak'i Maria tao Betlehema, nohomboana teo amin'ny hazo fijaliana rômanina, nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo, ary niakatra nankany an-danitra – dia mbola ho avy indray mba hamarana ny ratsy sy ny fanaintainana rehetra ary hampiditra tontolo vaovao tanteraka izay feno firindrana tanteraka.

*Kanefa — raha toa ka tsy mitandrina isika, dia mety hanadino ny* anton'ny *fahatongavany satria mifantoka loatra amin'ny fanaporofoana ny fomba hahatongavany.* Araka ny fanao teo aloha, dia nampifantoka ny fitoriantsika tany amin'ny fomba isehoan'ny fahatongavany isika mba hanoherana an'ilay fampianarana hoe hisy fampiakarana miafina an'ireo voavonjy. Eny, mila manambara mazava tsara isika ny fomba marina isehoan'ny fiverenan'ny Tompontsika, *kanefa tsy tokony hanamaivan-danja ny antony hiverenany isika.* Ny tanjona amin'ny fitoriana an'ilay fiverenana fanindroany dia tsy ny fanaporofoana fotsiny hoe inona no tsy izy, fa mba hanehoana sary an-tsaina tsara tarehy sy mahafinaritra an'izay tena izy. Mamitaka ny tenantsika sy mamitaka an'izao tontolo izao isika raha toa ka mijanona eo amin'ny fanaporofoana fa diso ilay fampianarana fa hisy fampiakarana mangingina an'ireo voavonjy fotsiny ny fitoriantsika momba ny fiaviana fanindroany. Ao amin'ny foto-pinoantsika momba ny fiaviana fanindroany dia manana vaovao tena tsara dia tsara hambara isika. Tahaka ny fahamarinana ara-Baiboly rehetra, ny fiaviana fanindroany dia varavarankely hahafahantsika mahita ny fitiavan'Andriamanitra. Ka andao hijery eo amin'izany varavarankely izany.

**Ilay mpitia avy any an-danitra**

Fony tonga voalohany teto i Jesôsy, dia nambaran'i Jaona mazava tsara mihitsy fa Izy no ilay mpitia avy any an-danitra mitady ny olon-tiany eto an-tany. Rehefa nialona ireo mpanara-dia an'i Jaona satria lasa nifantoka tany amin'i Jesôsy indray ny olona dia nilaza an'izao i Jaona: *"Izay manana ny ampakarina no mpampakatra; fa ny sakaizan'ny mpampakatra, izay mitsangana sy mihaino azy, dia mifaly indrindra noho ny feon'ny mpampakatra; ary efa tanteraka izany fifaliako izany. Izy tsy maintsy mitombo, fa izaho kosa tsy maintsy mihena."* (Jao. 3:29,30)

Azonareo veo izany?

Nantsoin'i Jaona hoe "mpampakatra" i Jesôsy, ary nilaza ny tenany ho "sakaizan'ny mampakatra" izy na antsointsika hoe''ilay lehilahy tsara indrindra''

Mahazatra antsika loatra ilay hevitra hoe tonga teto amin'ity tanintsika ity i Jesôsy mba ho Mpamonjy antsika amin'ny fahotana sy ny heloka, ary midera an'Andriamanitra noho izany isika, kanefa eto isika dia omena fomba fijery hafa. Tsy hoe tonga teto Izy mba hamonjena antsika amin'ny fahotana fotsiny, fa tonga ihany koa Izy mba hitaona antsika hoe eo amin'ny fitiavany. Ny drafi-pamonjena dia tsy manala antsika ao amin'ny olana fotsiny fa mampiditra antsika ao am-pon'Andriamanitra mihitsy. Manana zava-kendrena sy marika hotratrarina ary tanjona ny famerenana antsika amin'ny laoniny. Novonjena tao amin'ny toe-javatra tena ratsy tokoa isika mba ho amin'ny toe-javatra tena tsara. Miala ao amin'ny fahotana mba ho ao amin'ny fitiavana! Tsy hoe miantra antsika fotsiny Andriamanitra, fa mikatsaka antsika amin'ny fitiavana miredaredan'ny olon-tia Izy. Izay no tena zava-misy ao ambadika.

Milaza tantara mampihetsi-po be amintsika Andriamanitra ao amin'ny Ezekiela toko faha-16. Mariho tsara ny andininy faha-4-8:

*"Ary ny amin'ny nahaterahanao, dia tsy voatapaka akory ny tadim-poitrao tamin'ny andro nahaterahanao, ary tsy voampandro tamin'ny rano hianao, na voahosotra sira, na voahodidina lamban-jaza akory.*

*Tsy nisy maso niantra anao hanao izany aminao, na dia iray akory amin'ireo zavatra ireo aza, mba hamindra fo aminao; fa nariana tany an-tsaha ianao, satria natao ho zava-maharikoriko ianao tamin'ny andro nahaterahanao.*

*Ary raha nandalo Aho ka nahita anao nihosinkosina teo amin'ny rànao, dia hoy Izaho taminao, raha mbola tamin'ny rànao hianao: Ho velona anie ianao; eny, hoy Izaho taminao, raha mbola tamin'ny rànao ianao: Ho velona anie ianao.*

*Efa nataoko alinalina, toy ny zava-maniry any an-tsaha, ny isanao, ka nitombo sy nihalehibe ary tonga tsara tarehy tokoa ianao; naniry nono hianao sady naniry volo, nefa mbola nitanjaka sy nihanjahanja ihany*

*Ary raha nandalo Aho ka nijery anao, dia hitako fa izay no fotoanao, dia ny fotoam-pitiavana: ary narakotro anao ny lambako, ka nosaronako ny fitanjahananao; eny, nianiana taminao Aho ka nanao fanekena taminao, hoy Jehovah Tompo, ka dia efa Ahy hianao."*

Tena mahagaga tokoa fa ilay Mpamorona Tsitoha an'Izao Rehetra Izao dia Andriamanitra milaza tantara tahaka izao! Hita mazava fa misy zavatra tiany ho azontsika sy ho tsapantsika. Andeha anie halaintsika sary an-tsaina e. Mahita zazakely Andriamanitra ao amin'ny tany malalaka iray – miboridana, mihosin-drà, tsy misasa. Mbola mikirazorazo eo amin'ny vatany ny tadim-poitrany, tahaka ny hoe nosintonina tamin'ny fomba mahery sy tsy misy fiantrana mihitsy avy ao an-kibon-dreniny ilay zaza. "Tsy nisy maso niantra anao", hoy Andriamanitra. Misy dikan-teny hafa manao hoe: "Tsy nisy nitia ianao". Tena fomba fanehoana ny toe-javatra mahazo antsika olombelona mazava sy marina izany. Mahatsapa isika fa ny tsy fahampiam-pitiavana no tena mamaritra ny fahaverezantsika.

**Mila…Fitiavana…Isika!**

Izany no hitan'Andriamanitra ao amintsika.

Izany no hitany ao amin'ny fahaverezantsika.

Ary fantany fa ny fitiavany irery ihany no afaka hamonjy antsika.

Ka hoy Izy: *"Ary raha nandalo Aho ka nahita anao nihosinkosina teo amin'ny rànao, dia hoy Izaho taminao, raha mbola tamin'ny rànao hianao: Ho velona anie hianao; eny, hoy Izaho taminao, raha mbola tamin'ny rànao hianao: Ho velona anie hianao!".* Teo am-pahafatesana tao anatin'ny fahontantsika isika, kanefa tonga Andriamanitra ary nandray antsika tao an-tsandriny – ilay zazakely izay tsy nisy mpitia – ary dia nilaza tenim-piainana teo amintsika Izy. Hoy Izy tamintsika : "Ho velona

anie ianao! Ho velona anie ianao!" Ary avy eo, teo ambanin'ny hery miasa mangin'ny fikarakarany, dia nitombo sy nihalehibe ilay zazakely ka lasa vehivavy tsara tarehy. "Hitako fa izay no fotoanao, dia ny fotoam-pitiavana," hoy Andriamanitra. Misy dikan-teny hafa milaza hoe, *"Ka hitako fa tonga amin'ny taonan'ny fitiavana ianao."* (DIEM).

Mariho tsara ny fon'Andriamanitra eto. Raha mijery antsika Izy, dia mitady zavatra voafaritra mazava tsara sy manokana. Maniry Izy ny mba hitomboantsika ara-panahy ka ho latsa-pitia Aminy isika mba ho valin'ny fitiavany antsika. Takatr'i Ellen White tsara izany. Araka ny heviny, ny tokony ho vokatra azo avy amin'ny Baiboly dia isika latsa-pitia amin'i Jesôsy. Jereo ange ity e:

Tokony hikatsaka ny Baiboly ianao; satria izy io no manambara aminao ny momba an'i Jesôsy. Araka ny hamakianao ny Baiboly dia ho hitanao ireo fanintonana tsy manan-tsahala an'i Jesôsy. Ho latsa-pitia amin'ilay Lehilahin'ny Kalvary ianao, ary isaky ny mandingana ianao dia afaka ny hilaza hoe: "Lalana mahafinaritra ny lalany, ary fiadanana ny alehany rehetra." Tokony ho solontenan'i Kristy eo amin'izao tontolo izao ianao. Afaka ny haneho amin'izao tontolo izao ianao fa manana fanantenana lehibe miaraka amin'ny fiainana mandrakizay ianao. (*Life Sketches*, p. 293)

Andeha hiverenantsika ilay tantara ao amin'ny Ezekiela toko faha-16. Rehefa hitan'Andriamanitra fa vonona ho amin'ny fitiavana isika, dia hoy Izy: *"Ary narakotro anao ny lambako, ka nosaronako ny fitanjahanao; eny, nianiana taminao Aho ka nanao fanekena taminao, hoy Jehovah Tompo, ka dia efa Ahy hianao."*

Mahagaga!

Hitantsika eto fa ny tena tian'Andriamanitra lazaina dia hoe: "Tena tiako ianao ka tiako ho vadiko." Manome antsika fiainana Andriamanitra – na famonjena – amin'ny alalan'ny fitiavana antsika mba hananantsika fiainana be dia be. Avy eo dia manao voadim-panambadiana amintsika Izy ka manantena fa hilaza isika hoe "Eny" ary ho tia Azy ihany koa. Izay no tena tanjon'ny planin'ny famonjena.

Manome fanazava antsika bebe kokoa momba io zavatra io ny mpaminany Hôseà. Manoritsoritra ny fahalavoan'ny olombelona ho toy ny fijangajangana izy ao amin'ny toko faha-2 sy andininy faha-15: *"… niravahany ny kaviny sy ny firavany, ka nanaraka ireo lehilahiny izy; Fa Izaho kosa nohadinoiny, hoy Jehovah."* Ny fahotana rehetra dia fijangajangana ara-panahy avokoa, satria ny fahotana rehetra amin'ny ankapobeny dia mifototra amin'ny tsy fahampiam-pitiavana. Ny mpanota rehetra dia mpivaro-tena, mitady tantaram-pitiavana tsy ara-dalàna izay manala an'Andriamanitra tsy ho ivon'ny fitiavantsika sy ny zavatra tena irintsika. Inona àry no hataon'Andriamanitra? Ahoana no hamonjeny antsika? Hanery antsika ve? Hampiasa fomba an-kolaka ve? Tsia.

Ny fanerena sy ny fampiasana fomba an-kolaka dia mifanohitra amin'ny fomban'ny fitiavana ary noho izany dia mifanohitra amin'ny toetran'Andriamanitra satria "Andriamanitra dia fitiavana" (1 Jao. 4:8). Noho izany dia manana planina hafa Izy. Tamin'ny alalan'ny mpaminany Hôseà no nanoritsoritan'Andriamanitra ny zavatra hataony. Jereo ny Hôs. 2:16: *"Koa, indro, Izaho dia hitaona azy ka hitondra azy ho any an-efitra ary hanao teny malefaka hahafinaritra azy."* Andriamanitra ilay mpitaona, mpisarika! Tsy izany no sainin'ny ankamaroan'ny olona rehefa mieritreritra an'Andriamanitra izy ireo! Kanefa eto dia izany no lazainy, mazava tahaka ny andro antoandro. Mikasa ny hamonjy antsika Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitaomana sy fisarihana antsika. Faminaniana momba an'ilay Mesia ho avy io, Jesôsy Kristy, izay nantsoin'i Jaona mpanao batisa hoe ilay mpampakatra tonga teto an-tany hitady an'ilay ho ampakariny. Raha tsikaritrareo ao amin'ny Jao. 12:32 dia milaza: *"Ary Izaho, raha asandratra hiala amin'ny tany, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy."*

Teo amin'ny hazo fijaliana, nanolotra ny ainy tao anatin'ny fanaovana sorona tanteraka ny tenany, no nanomezan'i Jesôsy ny fanehoana fara tampon'ny fitiavany ho antsika. Ary io fitiavana io, raha toa ka mibanjina izany isika, dia hanana hery misintona antsika. Hamorona hery misarika ny fontsika mba

hanatona Azy io ary hanintona antsika ho eo amin'ny fony. Andeha hiverenantsika ny Hôs. 2:18: *"Ary raha mby amin'izany andro izany, hoy Jehovah, dia hataonao hoe Aho Vadiko, fa tsy hataonao intsony hoe Balako**. [Balako = Tompoko]". Tena mahagaga tokoa Andriamanitra! Izy ilay Mahery Indrindra eto amin'izao voary rehetra izao kanefa mandà ny hampiasa hery mihoa-pampana amintsika Izy. Tsy tiany ny fifandraisana tompo-mpanompo amintsika, fa aleony fifandraisan'ny mpivady. Amin'ny fomba fiteny hafa dia tiany raha fitiavana an-tsitrapo no hery manosika ny fifandraisantsika Aminy.

Ao amin'ny andininy faha-21 sy faha-22 dia mianiana ny ho ilay vadintsika ara-panahy izay tena mahatoky tokoa Andriamanitra: *"Ary hofofoiko ho vadiko mandrakizay hianao, eny, hofofoiko ho vadiko amin'ny rariny sy ny hitsiny ary amin'ny fitiavana sy ny indrafo hianao; Eny, hofofoiko ho vadiko amin'ny fahamarinana hianao. Ka dia hahalala an'i Jehovah."* Tonga teto an-tany Jesôsy mba hanatanteraka an'io faminaniana io. Mijoro eo anoloantsika miaraka amin'ny fanomezan-toky fa tsy hihozongozona ny fahatokiany, manolotra ny tenany ho antsika Izy ho amin'ny firaisana mandrakizay izay tsy ho tapaka na oviana na oviana, izay no tena anton'ny fiaviany fanindroany.

**Miaraka Amintsika**

Andeha hiverenantsika ao amin'ny Jao. 14:1-3, ary amin'ity indray mitoraka ity dia hifantoka amin'ilay andalan-teny malaza izay milaza ny momba ny fiverenana fanindroany:

*"Aza malahelo ny fonareo; minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa."*

Ankehitriny raha efa nahita ny tontolon-kevitra ara-panambadiana ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona isika, sy ao amin'ny Baiboly iray manontolo ihany koa, dia mazava tsara ny dikan'ny teny nolazain'i Jesôsy teto. Ny zavatra hitantsika eto dia nilaza mialoha ny fiaviany fanindroany i Jesôsy tamin'ny alalan'ny fampiasana vaombolana izay mampieritreritra ny fombafombam-panambadiana nisy tamin'izany fotoana izany. Amin'ny voalohany dia misy ny dingan'ny fisarihana. Raha toa ka tia vehivavy iray ny lehilahy anankiray, dia hifanerasera aminy izy amin'ny fomba izay hahatonga an'ilay vehivavy ho voasarika aminy. Rehefa voasarika ilay vehivavy dia hiditra ao amin'ny dingan'ny fifamofoana izy roa, mifankafantatra ny andaniny sy ny ankilany ary mitombo ao amin'ny fitiavana izy ireo. Aorian'izany dia hangataka azy ho vady ilay lehilahy. Raha eny no valiny omen'ilay vehivavy, dia handao an'ilay mbola ho vadiny izy miaraka amin'ny fanomezan-toky fa hiverina haka azy. Tsotra ny anton'io fandaozana io. Handao azy izy mba hanomana toerana ho azy any an-tranon'ny rainy.

Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia tsy nampanantena fa hiverina fotsiny i Jesôsy, nampanantena Izy fa hiverina ho an'ny hampakariny. Antony iray no hiverenany eto an-tany: satria tia antsika amin'ny fitiavana lalina, miredareda sy feno faniriana Izy ary tiany ny handany ny mandrakizay ao anatin'ny fiarahana ety dia ety amintsika. Aza hadinoina fa nilaza izao Izy: "*Ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa."* Tao aorian'izay, rehefa akaiky ho faty teo amin'ny hazo fijaliana Izy, dia nilaza ny tao am-pony indray i Jesôsy ao amin'ny Jao. 17:24: *" Ray ô, tiako mba ho any amiko amin'izay itoerako ireo izay nomenao Ahy,."*

*"Ho any amiko"*

Izany no tiany. Ny fanirian'i Jesôsy dia izaho sy ianao "ho any" Aminy. Mieritrereta olona izay tianao ny miaraka aminy, olona izay irinao sy ankafizinao ny maha-eo azy – ny vadinao, ny reninao na ny rainao, ny namanao akaiky anao indrindra. Tsotra sy mahafinaritra ny tiana holazaina : tiantsika ny miaraka amin'ireo olona tiantsika. Toa izany isika eo anatrehan'i Jesôsy. Maniry antsika ho eo akaikiny Izy, maniry ny fisakaizantsika ary maniry ny hifaly ao amin'ny fitiavantsika. Rehefa miresaka momba ny fanambadiana ny Apôstôly Paôly, dia mampiasa izany Izy mba hanoritsoritana ny fitiavan'i Kristy ho an'ny Fiangonany. Andeha hovakina ny Efes. 5: 25-33 :

*“Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, mba hahamasina azy amin'ny anadiovany azy amin'ny rano fanasana amin'ny teny; mba horaisiny ho an'ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy. Dia tahaka izany koa, ny lehilahy tokony ho tia ny vadiny tahaka ny tenany ihany. Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany.*

*Fa tsy mba nisy olona tsy tia ny nofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka an'i Kristy amin'ny fiangonana; fa momba ny tenany isika.*

*Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hiray amin'ny vadiny, ary dia ho nofo iray ihany izy roroa* (Gen. 2:24). *Zava-miafina lehibe izany; fa milaza ny amin'i Kristy sy ny fiangonana aho. Na dia izany aza, samia tia ny vadiny tahaka ny tenany ianareo lehilahy rehetra, ary aoka kosa ny vavy hanaja ny lahy. “*

Manan-danja tokoa io fehezanteny farany io : *“Zava-miafina lehibe izany; fa milaza ny amin’i Kristy sy ny fiangonana aho,”*

Milaza i Paoly fa ny fifandraisan’ny fanambadiana dia mitahiry fahamarinana lalina sy miafina eo anoloantsika momba ny fifandraisantsika amin’i Jesôsy amin’ny maha-vadiny mandrakizay antsika. Mieritreritra zavatra mihoatra lavitra ny nofintsika mahagaga indrindra Andriamanitra. Misy zavatra sasany tsy maintsy iainana vao tena takatra tsara ny heviny. Anisan’izany ny fanambadiantsika an’i Kristy. Tsy azon’ny fahatakarana ara-tsaina mihitsy izany. Noho izany no iantsoan’i Paoly azy hoe “zava-miafina”, fahamarinana lalina, tsiambaratelo. Na izany aza, arakaraka ny hanandramantsika ny fitiavan’i Jesôsy no hahatakarantsika ny fahagagana feno voninahitra ny amin’ny hoe iza tokoa isika ao anatin’ny planin’Andriamanitra, iza tokoa isika ao am-pon’Andriamanitra. Amin’izao fotoana izao dia ao anatin’ny dingan’ny fifamofoana amin’ny fifandraisana isika. Misarika antsika Izy, maneho ao an-tsaintsika ireo hatsaran’ny toetrany mba hahafahantsika mitombo ao amin’ny fitiavantsika Azy. Tsy ho takatsika ny tena zava-misy amin’ny maha-vadin’i Kristy antsika raha tsy tonga ny andrompanambadiana. Hisy fotoana ho avy ao amin’ny tantaran’ny famonjena izay ho “vonona” ara-panahy ny fiangonana hiditra amin’ny fanambadiana amin’ny Tompony. Izao rehetra misy izao izay mitazana antsika no ho vavolombelon’ny fahavononantsika ary hanao ny fanambaram-panambadiana. Jereo ny Apôkalipsy 19:6-8:

*“Dia nahare feo tahaka ny an'ny vahoaka betsaka aho, sy tahaka ny firohondrohon'ny rano be, ary tahaka ny fikotroky ny kotrokorana mafy, nanao hoe: Haleloia! Fa ny Tompo Andriamanitsika, dia ny Tsitoha, no Mpanjaka. Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Ary; fa tonga ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry. Ka efa niomana ny vadiny. Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon'ny olona masina.”*

Ny tantaran’ny Baiboly manontolo dia mifantoka amin’ity toe-javatra feno fahatsarana fara tampony ity: Jesôsy miverina eto an-tany mba handray ny fiangonana ho vadiny mandrakizay.

**Shalom mandrakizaåy**

Ny tonon-kiran’i Sôlômôna dia hiram-pitiavana ara-paminaniana izay manome varavarankely manokana azo hitarafana ny fitiavan’i Kristy ny fiangonany. Ao amin’io hiram-pitiavana tsara indrindra amin’ny hiram-pitiavana rehetra io no ahazoantsika mijery ao anatin’ny fitiavana ara-panambadian’Andriamanitra ho an’ny olony ary aiza ny hitondran’izany amin’ny farany. Isaky ny toko, isaky ny andininy dia tenim-pitiavana no ifanakalozin’ilay lehilahy sy ilay vehivavy. Manoritsoritra ny hatsaran’ny andaniny avy amim-piravoana izy ireo amin’ny alalan’ny hain-teny fatratra izy ireo. Mifampirary soa amin-kafanam-po. Mangidihidim-pitiavana miredareda ny ho eo akaikin’ilay iray avy izy ireo. Ary raha heverintsika fa mitovy amin’ny hiram-pitiavana eo amin’izao tontolontsika izao fotsiny izy

io, dia mieritreritra isika hoe fa nahoana izy io no ao anaty Baiboly, amin'ny fotoana fara tampony amin'ilay hira dia milaza zavatra tena lalina amin'ilay lehilahiny ilay vehivavy:

"Ataovy toy ny fanombohan-kase ao am-ponao aho sy toy ny fanombohan-kase eo an-tsandrinao; Fa mahery toy ny fahafatesana ny fitiavana, masiaka tahaka ny fiainan-tsi-hita* ny fahasaro-piaro; Ny lelafony dia lelafo midedadeda, eny, lelafon'i Jehovah. Na dia ny ony maro aza tsy mahavono ny afon'ny fitiavana, ary ny renirano tsy mahapaoka azy; Na dia misy olona manome ny fananany rehetra ao an-tranony aza hamidy fitiavana, dia hatao tsinontsinona izy. (TnK. 8:6,7)

Tampoka eo dia voatarika isika hahatsapa fa ny fitiavana lalina indrindra fantatrin'ny olombelona – izay misy eo amin'ny mpivady – dia milaza antsika ny momba ny fitiavan'Andriamanitra ny fiangonany, ary ny fanantenany fa ho tia Azy ihany koa isika. Naneho karazam-pitiavana mahery noho ny fahafatesana tokoa i Jesôsy tamin'ny nahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana; fitiavana izay tsy azon'ny hery eto amin'izao tontolo izao hovonoina. Kanefa mbola misy zavatra hafa tokony ho voamaritsika. Misy rindran-tononkalo eo amin'ilay hira. Teo ambanin'ny hery miasa manginan'ny Fanahy Masina, ny mpanjaka Sôlômôna dia naneho an-tsary mpifankatia roa manana – henoy tsara – anarana mitovy. Ny anaran'ilay lehilahy dia Sôlômôna, izay anarana lahy azo avy amin'ny hoe *shalom*. Ny hiantsoana an'ilay vehivavy dia Sôlemita, izay anarana vehivavy azo avy amin'ny hoe *shalom*. Ary jereo tsara ity. Nahatratra ny fara tampony ny fitiavana teo amin'ny Sôlômôna sy ilay Sôlemita rehefa nahatsikaritra an'ity zavatra ity ilay vehivavy ao amin'ny 8:10: *"Raha eo imasony dia toy ny efa miadam-pinaritra* (shalom) *aho."* (TnK. 8:10).

Tamin'ny hatsaran'ny zava-kanto sy dikany ara-panahy lehibe no nanehoan'ilay hira an'i Sôlômôna misarika ny fon'ilay Sôlemita mandra-pahatongan'ny shalom ho lasa fototry ny firaisan'izy ireo. Matetika no mandika ny teny hoe shalom amin'ny teny hoe "fiadanana" isika. Mitondra ny hevitry ny fahatanterahana, fahafenoana, fahatsapana fa tsy misy banga io teny io amin'ny teny hebreo. Ao amin'ilay hira dia mahita fahafenoana tanteraka ao amin'ny fitiavan'i Sôlômôna ilay Sôlemita. Izy no iriny sy tena ilainy tokoa. Tanteraka sy feno izy ao amin'ny fitiavany. Mifanaraka tanteraka i Sôlômôna sy ilay Sôlemita. Shalom, ilay vehivavy dia mahita shalom ao amin'ny fanandramana an'i Shalom, ilay lehilahy. Ao an-tokatrano izy ao aminy, satria izy no ilay sakaiza tanteraka izay irin'ny fony lalina tokoa. Raha jerena manontolo ny Baiboly dia tantaran'ny fifanarahana tanteraka eo amin'ny fon'olombelona sy ny fon'Andriamanitra, eo amin'ilay Iray izay loharanon'ny fitiavana marina rehetra sy ireo izay tena mila tokoa ny fitiavany ho an'ny fahafenoan'izy ireo tanteraka mandrakizay.

Maneho an'i Jesôsy ilay Mesia i Sôlômôna.

Maneho ny fiangonana ilay Sôlemita.

Ny famonjena no planina ampiasain'i Jesôsy hisarihana ny fontsika hiverina eo Aminy ary hanorina shalom mandrakizay eo Aminy sy amintsika. Ary ny fiavian'i Jesôsy fanindroany no fotoana hiverenan'ilay olon-tian'ny fanahintsika indray mba handray antsika mba hahafahantsika hiaraka Aminy mandrakizay. Izany no vaovao mahafaly! Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito isika ary midika izany fa tena maniry ny fiverenan'i Jesôsy isika satria fantatsika fa mijery antsika amim-pitiavana feno faniriana Izy. Te hiaraka amintsika Izy. Izany no antony hiverenany. Ny fanontaniana dia… te hiaraka Aminy ve isika?

## ANDRO FAHA-8: Fanontaniana hifanan-kalozan-kevitra

**Resaho:** Moa ve tena nihena sy nilefitra tokoa i Jaona mpanao batisa rehefa nanome ny lazany sy ny asa fanompoany an'i Jesôsy? Moa ve mitombo sa mihena isika rehefa milefitra tanteraka amin'Andriamanitra ? Ataovy mazava tsara ny hevitrao.

Raha toa sitrakao dia zarao amin'ny hafa ny sasantsasany amin'ireo tantara maneho ny fomba izay "nahitan'i Jesôsy anao nihosinkosina teo amin'ny rànao", tahaka an'ilay tantara ao amin'ny Ezekiela 16, nitaizany anao, nikarakarany anao ary nampifamatorany anao Taminy.

Tahaka ny ahoana ny hoe "mifamofo" amin'ny Jesôsy sy miandry Azy mba hanomana ny tranonao ka ho avy indray ho anao? Amin'ny fomba ahoana no hitazomanao sy hitomboanao amin'ny fifandraisanao Aminy mandra-pahatongany indray?

Vakio ny TnK. 8:6,7 amin'ny dikan-teny samihafan'ny Baiboly ary resadresaho ny momba ireo sary an'ohatra. Tsapanao ve fa tena mifamatotra eo an-tsandrin'Andriamanitra tahaka ny tombonkase ianao? Voamarikao ve ny Fitiavany sy ny hasarotam-piarony aminao dia mahery noho ny fahafatesana? Amin'ny fomba ahoana no hifampaherezanao mba hitombo amin'izany fahatsapana izany?

## ANDRO FAHA-8: Asa atao isan-tarika

**Manampy tokoa, raha mety, raha toa ka manolo-tena mba hifanohana amin'ny hoavy ny mambra ao amin'ity tarika ity. Azo atao amin'ny fomba maro samy hafa izany: tarika madinika na koa kilasin'ny Sekoly Sabata, mpiara-miombona antoka amin'ny vavaka, fiantsoana an-tariby, na koa izay tian'ny tsirairay avy.**

1. *Ataovy ny fanovàna farany tianao amin'ny môdely tamin'ny alina voalohany. Hilainao izany môdely izany ho amin'ny zavatra atao androany hariva.*
2. *Zavatra ilaina: tapatapaka taratasy maromaro, pensily hazo, harona na boaty voahaingo, labozia sy afokasoka, mozika. Ataovy eo anoloana na eo amin'ny alitara ny boaty na ny harona miaraka amin'ny labozia.*
3. *Mampiasa an'ny môdely izay nataonao tamin'ny alina voalohany, makà minitra iray hiverenana hijery an'ireo varavarankely valo hahafahana mahita ny fitiavan'Andriamanitra: Andriamanitra telo izay iray, ny fifanandrinana lehibe, ny lalàn'Andriamanitra, Ny Sabata, Ny fahafatesana sy ny helo, Ny Andro farany, ary ny Fiaaviana Fanindroany.*
4. *Zarao ireo taratasy sy ireo pensily hazo. Omeo 3 minitra avy ny tsirairay mba hanapa-kevitra amim-pahanginana sy amim-bavaka hoe iza amin'ireo no mila fanoloran-tena lalindalina kokoa ao amin'ny fiainany ary hanoratra voady eo amin'ny taratasin'izy ireo fa hikatsaka lalindalina kokoa ny hanaiky ny teny fampanantenan'Andriamanitra izy ireo ao amin'io na amin'ireo lafiny ireo.*
5. *Areheto ireo labozia, asaivo manao vavaka fanasana ny mpitarika, ary avy eo dia avelao ny olona tsirairay avy hitondra ny taratasy ka hametraka azy ao amin'ilay boaty na harona. Manaova boribory, mifandraisa tanana raha tianareo izany, ary manaova vavaka fanokanana iarahana. Asio mozika malefaka mandeha mandritra izany fotoana izany.*
6. *Miaraha-mihira amin'ny farany.*

## 19 Martsa 2016

*"Ry olombelona, efa naseho anao izay tsara sy izay ilain'i Jehovah aminao, Dia izao ihany: Ny hanao ny marina sy ny ho tia famindrampo Ary ny hanaraka an'Andriamanitrao amin'ny fanetren-tena" (Mika 6:8)*

**Soso-kevitra ny amin'ny "Asan'ny hatsaram-panahy"**

Ny fiangonana tsirairay avy dia tokony hifantoka amin'ny famoronana hetsika amin'ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora izay hisarika ny olona ao amin'ny fiangonana hanao asa feno hatsaram-panahy isan'andro. Ny tanjona dia ny hampiditra ny asa feno hatsaram-panahy isan'andro ao amin'ny fomba fiainana, na amin'ny maha-tsirairay na amin'ny maha-fiangonana.

Mamangy ireo tsy manan-kialofana

- *Mitondrà borosy nify, "dentifrice", savony,"deodorant", sakafo maivana, "gant" sy ban- kiraro mafàna, boky, ary omeo an'ireo tsy manan-kialofana ao amin'ny fiarahamonin'ny fiangonanao izany.*
- *Manomàna sakafo maivana ara-pahasalamana ao anaty harona kely (sandwiches, voankazo, rano, ranom-boankazo,…)*
- *Manomeza akanjo vaovao na mbola tsara.*
- *Manomeza boky (Diniho miaraka amin'ny Departemantan'ny asa fitoriana mialoha)*

Ho an'ireo marary / olona mila fanampiana

- *Manomana harona maromaro misy sakafo*
- *Mizarà boky (Hery mifanandrina, Dia ho eo amin'i Kristy, Ilay Fitiavana Mandresy,…)*

Any amin'ireo fitaizana zaza kamboty

- *Mizarà tantara ao amin'ny Baiboly*
- *Manomeza kilalao (tokony ho vaovao na tena mbola tsara, azo ampiasaina ireo kilalao ireo)*
- *Akanjo (Tokony ho vaovao na koa mbola tsara, azo ampiasaina)*
- *Mihirà*
- *Manomeza boky mifanaraka amin'ny taonan'izy ireo*

Mamangy trano fikarakarana zokiolona

- *Mitendre zava-maneno na mihirà ao amin'ny toeram-pikarakarana zokiolona iray ao amin'ny manodidina anao.*
- Manampia amin'ny fanaovana asa tanana
- *Manampia amin'ny fandrosoana sakafo*
- *Mivavaha ho an'olona iray*
- *Manolora voninkazo ho an'ireo vehivavy*

Miantso na mamangy olona marary

- *Antsoy an-telefaonina izy ireo ary anontanio ny momba azy.*
- *Vangio amin'ny fotoana tsy ampoiziny izy ireo ary omeo voninkazo na koa karatra*
- *Mitondrà sakafo ka miaraha-misakafo amin'izy ireo*

Mampiasa ny teknôlôjia

- *Alefaso ao amin'ny Facebook ireo asa feno hatsaram-panahy nataonao nandritra ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora.*
- *Alefaso ao amin'ny Twitter ireo asa feno hatsaram-panahy nataonao nandritra ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora.*

Manomeza volo

*Rehefa tsy afaka manome ra ianao, dia misy fomba hafa ahafahanao manome singa avy amin'ny tenanao. Manomeza volo! Raha toa ka manana volo lava ianao, dia azonao tapahinao fohy izany ary*

*omenao ny fikambanana iray izay mampiasa izany mba hanaovana solovolo ho an'ireo olona voan'ny homamiadana. Mba hahatsara kokoa ny vokatra dia randrano ilay volo alohan'ny hamelanao ny mpanety hanety izany. Ho mora kokoa ny hanamboarana solovolo avy amin'izany. (Ataovy ao anaty harona ilay volo voarandrana ary hoento mankany am-piangonana izany atolotra amin'ny Sabata)* http://www.locksoflove.org/donate.html

***Tohizo hatrany.*** *Mety ho lasa asa maharitra izany ary azon'ny olona tsirairay atao. Raha toa ka misy fikambanana manamboatra solovolo ho an'ny ankizy voan'ny homamiadana eo an-toerana dia mety ho lasa naman'ilay ankizy izay nahazo ny solovolo vita avy amin'ny volonao ianao.*

Fanangonan-tsakafo

Ny fikarakarana fanangonan-tsakafo dia fomba iray ihany koa hanampiana ny fananganana fiarahamonina matanjaka sy fanehoana amin'ny hafa fa manana ny lanjany tokoa izy ireo. Amin'ny alalan'ny fahalalahan-tananao no hahafantaran'ny hafa fa mikarakara ianao sy ny tarika misy anao ary ny fiangonanao.

Misy fomba maro hanampiana anao amin'ny tetik'asa fanangonan- tsakafo

- Manangòna sakafo anaty boaty sy tsy mety simba
- Isaky ny mandeha any amin'ny mpivarotra ianao dia ampio boaty vitsivitsy na sakafo hafa tsy mety simba ao amin'ny lisitrao. Asio baoritra ao an-tokantrano ary ataovy ao ireo entana ireo, zarao amin'izay rehefa feno. Ataovy ho fahazarana ny manome rehefa miantsena ianao.
- Mandehana mitety varavarana ary manangòna zavatra tsy mety simba izay azo omena ny bankin-tsakafo.
- Mikarakarà fanangonana sakafo ao amin'ny birao na sekoly na toeram-pivarotana. Zava-dehibe ny boaty tsirairay.

Tetik'asa azo atao maharitra izany ary azo ataon'ny isam-batan'olona na ny tarika. Azonao atao koa ny milatsaka an-tsitrapo any amin'ny bankin-tsakafo mba hanangona ireo sakafo, hanomana ireo sakafo na ny fizarana azy ireny. Tadidio, manangòna ao an-tokantrano ka rehefa miseho ny fotoana azonao hararaotina dia efa vonona ny hanome sakafo hianao.

Jereo ny tranon-kala http://www.foodbanking.org/

Mamakia boky ho an'ny ankizy iray

*Fotoana*= *fitiavana*. Ny fanomezana fikarakarana feno ny ankizy iray dia fomba tsotra hanehoana amin'izy ireo fa tiana izy ireo. Mampiala voly ny fiarahana mamaky teny ary azo hampiasaina hifamatorana am-po amin'ireo ankizy karakarainao.

*Tohizo.* Tetik'asa tsotra sy tsy mandany vola izy ity. Azonao atomboka amin'ny Andro maneran-tany ho an'tanora izy ity ary tohizana mandritra ny taona. Azonao atao ny mandany fotoana sarobidy miaraka amin'ny ankizy, mizara hafatra mahasoa amin'izy ireo, ary hanao izay hahazoana antoka fa mianatra soatoavina izay mety tsy ho nianarany tany amin'ny toeran-kafa izy ireo.

Asa maneho fankasitrahana

*Azonao atao ny manolotra harona mirakitra fisaorana na asa hafa maneho fankasitrahana mpitandro filaminana na koa ireo "Mpamonjy voina" ao amin'ny tanàna misy anao.*

*Andro maneran-tany ho an'ny tanora*
*Aoka ho toriteny velona ianao*
*19 Martsa 2016*